

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

ECOLE NORMALE SUPERIEURE

DEPARTEMENT DE FORMATION INITIALE

CENTRE D'ETUDES ET DE RECHERCHE : LANGUES ET LETTRES

MALGACHES

MEMOIRE POUR L'OBTENTION

DU CERTIFICAT D'APTITUDE

PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE

FARALAHY { Idealy – Soa zanany} :

Ny mpanoratra sy ny asa sorany

Boky 1

Mpanatontosa:

RANDRIANANDRASANA Rova

Mpitarika:

ANDRIAMANATSILAVO Seth

Maître de Conférences

Date de Soutenance : 20 Décembre 2003

RAMAROSOA Liliane

Professeur Titulaire

Antananarivo 2003

TENY FISAORANA

« Indro Andriamanitra no famonjena ahy ; dia hatoky aho fa tsy mba hatahotra ».

(Isaia 12: 2)

Fisaorana sy fankasitrahana feno no atolotray ireo rehetra nikely aina sy nandray anjara ho fanoitra nahafahana nanatontosa hatramin’ny farany izao asa fikarohana izao.

Isaorana Andriamanitra mpahary fa raha tsy teo ny fitantanana sy ny fahasoavany dia tsy ho tontosa izao asa izao; ny fikasana ihany mantsy no antsika olombelona fa ny lahatra an’Andriamanitra. Ho azy anie ny dera sy ny laza ary ny voninahitra.

Fisaorana eram-po eran-tsaina no atolotra an’Andriamatoa **RANJEVA Henri**, mpampianatra ao amin’ny sampana teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy eto amin’ny Oniversiten’Antananarivo nanaiky ho filoha mpitarika izao asa fikarohana izao. Na dia maro aza ireo andraikitra sahaninao, dia tsy nitsahatra ny nifanakalo hevitra sy nanao izay hahatomombana ny asa ianao. Mankasitraka indrindra tompoko, ho tahian’Andriamanitra hatrany anie ianao.

Tolorana fisaorana ihany koa Ramatoa **RAHARIMANGA Fidèle**, nanaiky hitsara izao asa izao. Nahafoy fotoana hitsarana ny asanay ianao, ary tsy nitarain-tana miepaka tamin’izay nenti-nanatsara azy. Ho tanterahin’Andriamanitra aminao anie izay irin’ny fonao.

Singaninay manokana ianareo Andriamatoa sy Ramatoa **ANDRIAMANATSILAVO Seth, RAMAROSOA Liliane**, anisan’ny angady nananana sy vy nahitana izao asa izao. Nanaiky ho mpitarika anay tamin’ny fanatontosana ny asa ianareo na dia maro aza ireo andraikitra iantsorohanareo. Nandany mondron-kery tamin’izay fomba nenti-nampitrebona ny asa fikarohana ianareo, ary nanaiky ny hoelingeleninay na tamin’ny fotoana inona na tamin’ny fotoana inona. Fandavan-tena lehibe izany, koa ny Tompo anie hamaly ny soa nataonareo.



Farafahy (Idealy Soa zanany)

LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY

AFS: American Fields Services

AML 3: Aloka **ML 3**

AS: Ady Saritaka

CIA: Central Intelligence Agency

CMPL: Centre Malgache de Promotion du Livre

E.T : Eva Takalon'aina

FAC : Fonds d'Aide et de Coopération

FBI : Federal Bureau of Investigation

Lah : laharana

MA: Mpikarama an'Ady

R.E: Roman d'Espionnage

RP : Roman Policier

RMP : Rotaka Maty Paika

Tak : takila

VA: Vazimban'Ambato

VH: Vohitry ny Horohoro

FIZAHAN-TAKILA

0. Teny fampidirana	1
0.1. Anton'ny safidy	1
0.1.1. Ny vanim- potoana	2
0.1.2. Ny lohahevitra	3
0.1.3. Ny mpanoratra.....	4
0.2. Ny zava-kendrena	5
0.3. Ny fomba nanatanterahana ny asa	5
0.4. Ny haitsikera nampiasaina	6
0.5. Ny fetran'ny asa	7
0.6. Dingana arahina.....	8

Fizarana voalohany: Ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany

1. Ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany	9
1.1. Ny tantaran'ny trano printy takariva	9
1.1.1. Ny mombamomba ny trano printy takariva	9
1.1.2. Ireo boky aman-gazety novokarin'ny trano printy "Takariva"	11
1.2. I Faralahy, olon'ny soratra sy ny asa famoronana	12
1.2.1. Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra	13
1.2.2. Ireo asa soratra novokarin'ny	14
1.2.3. Ny solon'anan'ny nampiasainy	15
1.3. Ny zava-nisy teto amin'ny firenena	16
1.3.1. Ny vanim-potoanan 'ny repoblika voalohany (1960 – 1972)	17
1.3.2. Ny vanim-potoanan'ny repoblika faharoa (1972 – 1984).....	18
- Ny zana-banim-potoana (1972 – 1975)	18
- Ny zana-banim-potoana (1975 – 1984)	19

Fandravonana ny fizarana voalohany	21
---	-----------

Fizarana faharoa: Ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina

- Famaritana ny tantara foronina	24
- Famaritana ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier”	25
2. Ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina	25
2.1. Ny firafitry ny tantara foronina amin’ny ankapobeny	26
2.1.1. Ny toe-javatra iandohana	26
2.1.1.1. Fanimbana ny fitiavan’olon-droa	26
2.1.1.2. Fanimbana ny fiainam-piankohonana	27
2.1.1.3. Fanimbana ny firenena	27
2.1.2. Ny toe-javatra manova	28
2.1.2.1. Fikarohana ny fahavalo	28
2.1.2.2. Fisian’ny ady	30
2.1.2.3. Fisian’ny fahafatesana	30
2.1.3. Ny toe-javatra iafarana	33
2.1.3.1. Ny fisamborana ny fahavalo	33
2.1.3.2. Fahitana ny tsiambaratelo.....	34
2.1.3.3. Fandresen’ny mpandray anjara fototra sy fitaterana ny asa vitany .	35
2.2. Ny mpandray anjara ao amin’ny tantara	36
2.2.1. Ny anaran’ireo mpandray anjara ao amin’ny tantara	36
2.2.1.1. Ny anarana Malagasy	38
2.2.1.2. Ny anarana vahiny	38
2.2.1.3. Ny anarana mandray roa	39
2.2.2. Ny anjara toerany ao amin’ny tantara: mpandray anjara fototra na mpanampy	40

2.2.2.1. Ny mpandray anjara fototra	40
2.2.2.2. Ny mpandray anjara mpanampy	42
2.2.3. Toetry ny mpandray anjara	44
2.2.3.1. Toetra ivelany	44
2.2.3.2. Toetra anaty	46
2.2.4. Ny fari-piainan'ny mpandray anjara	48
2.2.4.1. Ireo manana ny ampy	48
2.2.4.2. Ireo manana ny fari- ' ' ana antonony	49
2.2.4.3. Ireo mahantra	49
2.3. Ny toerana ao amin'ny tantara foronina	51
2.3.1. Ny toerana tsy voafaritra ara-jeografia	51
2.3.2. Ny toerana voafaritra ara-jeografia	54
2.3.2.1. Ny toerana eto Madagasikara	54
2.3.2.2. Ny toerana ivelan'i Madagasikara	58
2.3.3. Ny fanoritsoritana ny toerana	60
2.3.3.1. Fampiasana ny mpisolo toerana	60
2.3.3.2. Fandokoana ny tontolo manodidina	61
2.3.3.3. Fampahafantarana ny zava-misy eo amin'ilay faritra na toerana.....	62
2.4. Ny fotoana nisehoan'ny tantara	65
2.4.1. Ny fotoana nisehoan'ny tantara.....	65
2.4.1.1. Ny fotoana nisehoan'ny voina	68
2.4.1.2. Ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana	68
2.4.2. Ny fotoana naharetan'ny tantara	71
2.4.2.1. Ny fotoana naharetan'ny ady	71
2.4.2.2. Ny fotoana naharetan'ny famotorana	72
2.4.2.3. Ny fotoana naharetan'ny fanadihadiana	73

2.4.3. Ny fifandraisan'ny toe-javatra tantaraina sy ny fotoana	74
2.4.3.1. Ny fitantarana manaraka ny fizotry ny fotoana	74
2.4.3.2. Ny fitantarana tsy manaraka ny fizotry ny fotoana	75
2.4.4. Ny fanondroana ny fotoana	77
2.4.4.1. Fanondroam-potoana amin'ny alalan'ny ora	77
2.4.4.2. Ny fanondroana fotoana amin'ny fomba malalaka	78

Fandravonana ny fizarana faharoa 80

Fizarana fahatelo: Ny fiarovam-pirenena tara-kevitra iray mibahana ao amin'ny tantara foronin'i Faralahy

3. Ny fiarovam-pirenena tara-kevitra iray mibahana ao amin'ny tantara foronin'I Faralahy .	83
3.1. Ny tantaran'ny “roman d’espionnage”	83
3.1.1. Ny “roman d’espionnage” frantsay	88
3.1.1.1. Ny faharetan'ny « roman d’espionnage » frantsay	88
3.1.1.2. Ny loharano nipoiran'ny « roman d’espionnage » frantsay	89
3.1.1.3. Ireo mpanoratra « roman d’espionnage » frantsay sy ny asa sorany	90
3.1.2. Ny « roman d’espionnage » anglisy	94
3.1.2.1. Ny niandohan'ny « roman d’espionnage » anglisy	94
3.1.2.2. Ny « roman d’espionnage » tany Etazonia	98
3.1.3. Ny « roman d’espionnage » eran-tany	99
3.1.3.1. Ny fivoaran'ny « roman d’espionnage » eran-tany	102
3.1.3.2. Ny anjara asan'ny “roman d’espionnage”	102
3.2. Ny fanakorontanana nataon'ireo fahavalom-pirenena	104
3.2.1. Fanitsakitsahana ny zo maha-olona	104
3.2.1.1. Fampanaovana asa an-terivozona	105
3.2.1.2. Ny fandefasana an-tsesitany	106

3.2.1.3. Ny fandripahana ain’olona	107
3.2.2. Ny fanamparam-pahefana	108
3.2.2.1. Ireo mpanam-bola	109
3.2.2.2. Ireo jiolahy manam-pahaizana	110
3.2.2.3. Ireo mpitondra	112
3.2.3. Ny fampisaraham-bazana ny mpiray firenena	114
3.2.3.1. Ny fandranitana adim-poko	114
3.2.3.2. Ny fanavakavaham-bolon-koditra	115
3.3. Ny fanoherana ny fahavalom-pirenena	118
3.3.1. Ny fandraisana andraikitra	118
3.3.1.1. Fankatoavana ny lehibe	119
3.3.1.2. Fandraisana andraikitra eo anivon’ny fiaraha-monina.....	120
3.3.1.3. Fandraisana andraikitra eo anivon’ny tanindrazana	122
3.3.2. Fiaraha-miasa amin’ny manodidina	124
3.3.2.1. Fifandraisana amin’ny karazan’olona samihafa	124
3.3.2.2. Fanampian’ny manodidina	126
3.3.3. Ny fahafoizan-tena	127
3.3.3.1. Ny fahafoizana ny aina	128
3.3.3.2. Ny fahafoizana ny andefimandry	129
3.3.3.3. Ny fahafoizana ny tanindrazana	130
3.4. Tanjon’ny fiarovam-pirenena	132
3.4.1. Famerenana ny hasina maha-olona	133
3.4.1.1. Fandaminana ny fiainam-bahoaka	137
3.4.1.2. Fiadiana amin’ny fanavakavahana	140
3.4.2. Fitadiavana ny marina	141
3.4.2.1. Fitadiavana ny marina eo anivon’ny fiaraha-monina	143
3.4.2.2. Fitadiavana ny marina eo anivon’ny firenena	145
3.4.3. Fiarovana ny fiandrianam-pirenena	145
3.4.3.1. Fiarovana ny olom-pirenena	145

3.4.3.2. Fiarovana ny harem-pirenena	147
--	-----

Famintinana ny fizarana fahatelo.....	151
--	------------

Teny famaranana	153
------------------------------	------------

Tovana

Ireo boky aman-gazety nanovozan-kevitra

TENY FAMPIDIRANA

Maro ny sehatra azo isafidianana raha te-hanao asa fikarohana. Anisan'ireny ny fanadihadiana momba ny fomba amam-panao, ny fandalinana ny teny ary ny fikarohana momba ny literatiora Iray amin'ireo zana-taranja ianarana ao amin'ny Sampana Teny Malagasy ny literatiora. Manana anjara toerana lehibe amin'ny fanabeazana sy fanolokoloana ny maha-olona izy. Ambaran'i Wellek sy Warren fa “fanehoan-kevitra ny fiaraha-monina ny literatiora”⁽¹⁾.

Tsy azo odian-tsy hita ihany koa anefa fa misy ireo mihevitra ny literatiora ho nofinofy sy rediredy fotsiny ihany. Apetrany ho toy ny mpanonofy sy olona ivelan'ny fiaraha-monina mihitsy aza ny mpanoratra. Toa mihamahazo laka izany fiheverana izany, indrindra amin'izao vanim-potoana isian'ny fandrosoana ara-tsiansa izao.

Ho fanehoana ny tsy maha-marim-pototra izany no nahatonga anay hisafidy ny sehatry ny literatiora ho fototry ny asa fikarohana. Hozahina ny hanarina izany fiheverana izany. Izany moa dia mba hahazoana mametraka ny mpanoratra amin'ny toerana tokony hisy azy.

Alohan'ny hidirana amin'ny tena fanadihadiana anefa, dia holazaina fohifohy ny anton'ny safidy amin'izao asa izao, ny zava-kendrena, ny fomba nanatanterahana ny asa, ny olana noetraina sy ny vahaolana, ny haitsikera nampiasaina, ny fetran'ny asa ary ny dingana arahina mandritra ny famelabelarana.

0.1. ANTON'NY SAFIDY

Ny literatiora an-tsoratra ka ny tantara foronina nosoratan'i **Faralahy** no nanompanana ity asa fikarohana ity.

Nofidiana ny tantara foronina satria io no karazan-dahatsoratra feno indrindra

⁽¹⁾ René WELLEK et Austin WARREN, la théorie littéraire, Editions du Seuil, Paris, 1971, tak 130 : « la littérature est expression de la société ».

miohatra amin'ny hafa. Hoy i Michel ZERAZFA: “ny tantara foronina no zava-kanto voalohany indrindra maneho ny olombelona eo anivon'ny fiaraha-monina”⁽²⁾.

Sehatra ahatarafana ny olombelona eo amin'ny tontolo misy azy ihany koa ny tantara foronina “izy no karazan-dahatsoratra mamakafaka indrindra ny lafim-piainan'ny olombelona”⁽³⁾.

Ny tantara foronina nosoratan'i Faralahy moa dia azo sokajiana ho anisan'ireo antsoina hoe: “tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana” na “roman policier” Malagasy, izay karazan-dahatsoratra mbola vitsy mpanao ihany eo amin'ny sehatry ny literatiora Malagasy. Ny tantara izay maneho herisetra mandrakariva dia miompana amin'ny fitsongoana dia ataon'ny mpitandro filaminana, mba hahazoana ireo olon-dratsy fahavalon'ny fiaraha-monina sy ny firenena.

0.1.1. NY VANIM-POTOANA

Hoy J.P. Sartre: “Ny fivoahan'ny hairaha iray dia toe-javatra asehon'ny asa soratra iray”⁽⁴⁾. Ny vanim-potoana 1960-1984 no nofidianay manokana noho izy nanamarika dingana lehibe teo amin'ny tantaran'ny firenena Malagasy. Tamin'io vanim-potoana io no nahazoana ny fahaleovan-tena, ary tamin'izany ihany koa no nampamaivay ny fihetseham-bahoaka ho fanoherana ny mpambotry firenena.

Raha ny amin'i Faralahy manokana dia tamin'io vanim-potoana io izy no nanomboka ho matotra teo amin'ny famoronana asa soratra.

⁽²⁾ Michel ZERAZFA, Roman et société, PUF, France, 1976 tak 116 : « le roman est le premier art qui signifie l'homme d'une manière historico-sociale ».

⁽³⁾ Michel ZERAZFA, op. cit. tak. 90 « Nul génie, nul art, ne traite d'autant des faits humains que le roman () certes le roman commente bien plutôt les faits qu'il ne les expose ».

⁽⁴⁾ Jean Paul Sartre, Qu'est ce que la littérature, Gallimard, Paris, 1948, tak. 59 : « l'apparition de l'œuvre d'art est un événement neuf ».

0.1.2. NY LOHAHEVITRA

Rehefa natao ny fikirakirana ireo vondrona ambara, dia taratra fa misy hevitra miboiboika tian'ny mpanoratra hampitaina amin'ny mpiara-belona aminy ao anatin'ny ao. Tsapa ho misongadina izany noho ny fahateteham-pisehoany ao amin'ireo asa sorany. Mateti-pitranga ao amin'ny asa soratr'i **Faralahy** ny tara-kevitra momba ny fiarovam-pirenena, koa nofidianay hovahavahana.

Nanamafy ny safidinay ihany koa ny fahatsapana fa sarobidy ny firenena ka tokony harovana. Ambaran'i Randza Zanamihoatra ao amin'ny tononkalony mitondra ny lohateny hoe “ny firenena” fa:

“Vatana tsy hay tsapaina ny firenena kanefa tsapa isian'ny tena tahaky ny aina fanahy sy saina”⁽⁵⁾.

Araka izany, heverina ho toy ny tena ny firenena. Tahaka ny itiavan'ny olona ny tenany no tokony hitiavany ny fireneny ihany koa. Noho izany na aiza na aiza misy ny olona, dia tokony hahatsiaro sy hiaro ny fireneny mandrakariva izy. Ankoatra izany, i E.D. ANDRIAMALALA dia milaza fa “adidy masina sady voajanahary tahaka ny fiahiam-bady aman-janaka ny fiarovana ny Tanindrazana sy ny firenena⁽⁶⁾” ary adidin'ny olom-pirenena tsirairay avy ny miaro ny Tanindrazana tsy hibosesehan'ny hafa, ny firaisam-pirenena tsy ho rava⁽⁷⁾.

Noho izany, amin'ny maha-olom-pirenena anay dia raisinay ho anjara biriky famitana ny adidy amin'ny firenena izao fanadihadiana ny tara-kevitra momba ny fiarovam-pirenena izao.

⁽⁵⁾ Fanomezana RABEMOLALY sy Jean Nalisoa RAVALITERA, Fary mamy kilasy faharoa, Salohy, Antananarivo, 1977, tak. 133.

⁽⁶⁾ E.D.ANDRIAMALALA, Ny fanagasiana, Antso, 3^e édition, Antananarivo, 1991, tak.4

⁽⁷⁾ E.D.ANDRIAMALALA, op. Cit, tak.4

0.1.3. NY MPANORATRA

Maro tokoa ny mpanoratra Malagasy taloha sy taorian'i **Faralahy**. Misy amin'izy ireny sady fantatry ny olona noho ny fahaizany, no tian'ny olona rahateo ny asa sorany. Misy ihany kosa ireo izay mbola tsy fantatry ny olona akory na dia ny fisiany aza. Ary farany, misy ireo fantatry ny olona fa nanoratra saingy mbola tsy nisy nanao fanadihadiana ny momba azy. Ity sokajy farany ity no misy ny mpanoratra ka izany indrindra no antony niantefan'ny safidinay taminy

Ambaran'i Robert Escaprit fa *“mifanome fotoana amin'ny fanadinoana ao anatin'ny folo, roapolo, telopolo taona taorian'ny nahafatesany ny mpanoratra rehetra; raha toa ka nahadingana io izy dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny tontolon'ny fanoratana ary amin'izay fotoana izay vao azo antoka ny fahavelomany mandrakizay”*⁽⁸⁾.

Nandritra ny andro iainany, sy taona maromaro taorian'ny nahafatesany dia mbola tsy nisy nikirakira ny asa soratr'i Faralahy. Nipetra-potsiny toy ny lamban'ny mpiasa izany, koa hovelomina amin'izao andram-pikarohana izao.

Anisan'ny nahatonga ny safidy ihany koa ny fitsimbinana ireo Malagasy mpiray tanindrazana mba tsy ho tompon-trano mihono. Ambaran'i J.P. Sartre mantsy fa : « **tsy nosoratana ho an'ny mpanoratra ny asa soratra, fa ho an'ny mpamaky** »¹

Ireo antony ireo no antony nahataona anay hirona any amin'i Faralahy sy ny asa sorany.

0.2. NY ZAVA-KENDRENA

Maro ny zava-kendrena amin'izao asa izao

Voalohany, ho fanomezan-danja bebe kokoa ny anjara toeran'ny tantara foronina momba ny mpitandro filaminana “roman policier” Malagasy eo amin'ny sehatry ny literatiora.

⁽⁸⁾ Robert ESCARPIT, *Sociologie de la littérature*, PUF, Collection que sais-je ? Paris, 1960, tak.31 « tout écrivain a rendez-vous avec l'oubli dix, vingt ou trente ans après sa mort s'il franchit ce seuil redoutable, il s'intègre à la population littéraire et il est assuré d'une survie à peu près permanente ».

¹ J.P. SARTRE, op cit tak 54 : « il n'est pas vrai qu'on écrive pour soi-même »

Manaraka izany, fanampiana ireo asa soratra efa voaangona hatramin'izay ny famintinana ho vondrona ambara ireo tantara nosoratan'i Faralahy.

Fahatelo, fametrahana ny anaran'ny mpanoratra **[Faralahy]** eo anivon'ny literatiora Malagasy ka mba ho vaventy tahaka ireo sangany hafa izy.

Fahefatra, ho fanaporofaana ny fifandraisana sy/na ny elanelana misy eo amin'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” tandrefana sy ireo tantara foronina nosoratan'i Faralahy.

Ary farany sady mavesa-danja indrindra, fanehoana fa tsy rediredin'ny tsy manan-katao akory no ao amin'ny tantara foronina. Mody hoe “tantaran-jiolahy no fototr'ireo “romans policiers” miisa 07 nokirakiraina, kanefa dia hita ao ny tolo-kevitra ny mpanoratra momba ny fomba ahazoana miaro ny firenena.

0.3. FOMBA NANATANTERAHANA NY ASA

Ho fanatanterahana izao asa fikarohana izao dia maro ireo dingana narahina toy ny fanatonana mivantana ny fianakavian'ny mpanoratra sy ireo namany nifanerasera taminy.

Nandritra izany ihany koa no nandraisana ireo Vondrona Ambara izay nokirakiraina. Tsy mora akory ny nanatanteraka ireo fa nisy tokoa ny olana.

Anisan'ny olana nosetraina ny zava-nisy ara-pôlitika niseho teto amin'ny firenena. Vokany, nihanahalana ny fifandraisanay tamin'ny fianakavian'ny mpanoratra. Ankoatr'izany dia teo ihany koa ny tsy fahitana ny ampahany tamin'ny vondrona ambara raha tsy tamin'ny volana septambra 2002⁽¹⁰⁾. Izany rehetra izany no nampitarazoka ny fahavitan'ny asa.

⁽¹⁰⁾ Vondrona ambara izay tena nilaina tokoa satria laharana voalohany tamin'ireo sangan'asan'ny mpanoratra.

0.4. NY HAITSIKERA NAMPIASAINA

Ilaina ny haitsikera mba ho tari-dàlana sy arofanina ho an'ny mpikaroka. Ny mpikaroka tsirairay avy no misafidy azy ireny araka izay zava-kendreny sy trandrahana amin'ny fanadihadiana ataony.

Haitsikera roa no nampisaina satria araka ny hevitra ny mpanidika dia “tsy misy lalan-tsikera tokana ahazoana mandinika ny asa soratra amin'ny lafiny rehetra. Petra-kevitra samihafa no iaingan'ny mpahay tsikera arakaraka izay lafy kendrena havohitra”⁽¹¹⁾.

Ireto avy izy ireo: Ny haitsikera miompana amin'ny endrika ivelan'ny asa soratra sy haitsikera ara-tantara.

Ny haitsikera miompana amin'ny endrika ivelan'ny asa soratra dia haitsikera izay mampiharihary ny rafitra sy teknika mampijoro ny asa soratra ary ny firindrany.

Mialoha ny handiniana ny votoatin-kevitra ny asa soratra iray, mba tsy hihinanana am-bolony, dia ilaina fantarina aloha ny endrika ivelany sy ireo singa mandrafitra azy.

Ny fototr'ity haitsikera ity dia ny fanehoana ny maha-izy azy sy ny mahasiantifika ny asa soratra⁽¹²⁾. Aminy dia ny asa soratra ihany no tena ifotorana. Asehon'ny “formaliste” fa ny “tanjon'ny siansa literera dia ny fandinihana ny

⁽¹¹⁾ B.D. SOLOHERY Ranarison, “Ny tsikera samihafa fampiasa amin'ny fandinihana haisoratra”, Aingam-pivoarana, laharana manokana, Antananarivo, 1971, tak.71.

⁽¹²⁾ Tzvetan TODOROV et Roman JACKOBSON, Théorie de la littérature, Textes des formalistes russes réunis, présentés et traduits par Tzvetan Todorov, Seuil, Paris, 1965, tak.37 : « c'est le principe de spécification et de concrétisation de la science qui était le principe organisateur de la méthode formelle ».

hakanton' ireo singa tsirairay ao amin'ny literatiora sy ny mampiavaka azy amin'ny hafa⁽¹³⁾.

Manamafy ireo i R. JACKOBSON; faritany fa: “ny tanjon'ny siansa literera dia tsy ilay resabe ao amin'ny asa soratra fa ny fijerena ny maha-kanto azy, izany hoe fandinihana ireo singa ao amin'ny asa soratra ka mahatonga iny asa soratra iny ho kanto⁽¹⁴⁾”.

Nampiasaina koa ny haitsikera ara-tantara satria tsapa fa mifaningoatra hatrany ny tantara sy ny haisoratra. Ambaran'i Henry ZALAMANSKY fa “**ny haitsikera ara-tantara dia maneho ny fifandraisana misy eo amin'ny asa soratra sy ny endriky ny fiaraha-monina nisehoan'io asa soratra io**⁽¹⁵⁾. Mifototra amin'io ny “sociologie des contenus” na ny « sociologie des thèmes » nifotoran'i A. Memmi. Aminy dia ny asa soratra sy ny hevitra fonosiny no tena ifantohana. Angonina ny asa soratra ary jerena ny tara-kevitra misongadina ao aminy. “**Avy amin'ny alalan'ny fanadihadiana ny tara-kevitra no ahitana ny olana misy eo amin'ny fiaraha-monina sy ny vaha-olana noraisiny tamin'izany**”⁽¹⁶⁾.

Antitranterin'I L. GOLDMANN ao amin'ny **Pour une sociologie du roman** io fifamatorana misy eo amin'ny tantara sy ny asa soratra io. Ambarany fa: “**taratra ao amin'ny asa ny fomba fisainan'ny sokajim-piaraha-monina sasany**”⁽¹⁷⁾.

0.5. FETRAN'NY ASA

Naompana amin'ny famakafakana ny tara-kevitra momba ny fiarovam-pirenena

⁽¹³⁾ T. TODOROV et Roman JACKOBSON, op.cit., tak.37 : « Nous [les formalistes] posons et nous posons encore comme affirmation fondamentale, que l'objet de la science littéraire doit être l'étude des particularités spécifiques des objets littéraires, les distinguant de toute autre matière ».

⁽¹⁴⁾ R. JACKOBSON et T. TODOROV, op.cit.tak.37 :

« R. Jakobson [la poésie moderne russe] donna à cette idée sa formule définitive :

« l'objet de la science littéraire n'est pas la littérature, mais la « littérarité » (litteraturnost) c'est à dire ce qui fait d'une œuvre littéraire ».

⁽¹⁵⁾ E. ROBERT, le littéraire et le social, Champs, Flammarion, 1970, tak.119 : « (...) la méthode consiste à mettre en rapport les structure d'une œuvre avec le structure d'un groupe social ».

⁽¹⁶⁾ E. ROBERT, op.cit., tak.122 : « en examinant le contenu des ouvrages contemporains, on verra comment sont abordés les problèmes de notre temps et quelle solution ils reçoivent ».

⁽¹⁷⁾ Lucien GOLDMANN, Pour une sociologie du roman, Gallimard, Paris, 1969, tak.345 : « (...) les structures de l'univers de l'œuvre sont homologues aux structures mentales de certains groupes sociaux ». „

ihany ny asa , na dia betsaka aza ny lafiny azo trandrahina amin'ireo asa soratra teo am-pelatananay.

0.6. DINGANA ARAHINA

Mba hahazoana mamantatra ny tanjona kendrena sy ho fampiharana ireo haitsikera ireo, dia toy izao ny drafitra ankapobeny harahina eo amin'ny asa:

Ao amin'ny fizarana voalohany no hampahafantarina ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany. Hampahafantarina amin'izany ny tantaran'ny Trano printy Takariva, ny mpanoratra amin'ny maha olon'ny soratra sy ny asa famoronana azy, horesahina ihany koa ireo zava-nisy teo amin'ny fiaraha-monina ka nisy akony teo amin'ny famolavolana azy ho mpanoratra.

Ny fizarana faharoa no hamahavahana ireo singan-javatra samihafa mandrafitra ny endriky ny tantara foronina. Haseho amin'izany ny rafitra ankapoben'ny tantara, ny mombamomba ireo mpandray anjara, ny toerana sy ny fotoana isehoan'ny tantara.

Ao amin'ny fizarana lehibe fahatelo no handiniana ny fiheverana ny fiarovam-pirenena. Mialoha izany anefa, dia hampahafantarina amin'ny ankapobeny ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” sy ny fifandraisan'ny tantara foronina amin'ny asa fitsikilovana tandrefana amin'ny asa soratr'i Faralahy. Hasongadina amin'izany ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” frantsay, anglisy ary eran-tany. Hambara mandritra ny fandiniana ny fiheverana ny fiarovam-pirenena, ireo fomba nanakorontanan'ny fahavalo ny firenena sy ny fomba nanoheran'ireo mpitandro filaminana izany asa ratsy izany. Eo ihany koa ny fanazavana ny tanjona kendrena amin'ny fiarovam-pirenena.

FIZARANA VOALOHANY

1. NY FIFANDRAISAN'NY MPANORATRA AMIN'NY ASA SORANY :

Tsy azo sarahina amin'ny fianakavian'i Idealy-Soa ny trano printy Takariva. Nitondra akony teo amin'ny fampiroboroboana ny literatiora malagasy ny fisiany. Araka izany, mialoha ny hanadihadiana ireo asa soratr'i Idealy-Soa zanany, dia ndeha hasongadina aloha ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany. Hampahafantarina mandritra izany ny tantaran'ny trano printy Takariva ; ny mombamomba an'i Idealy-Soa zanany, ny maha-olon'ny soratra sy ny asa famoronana azy ; ary ireo zava-nisy teto amin'ny firenena ka nisy akony teo amin'ny fiainan' i Idealy-Soa zanany.

1.1. NY TANTARAN'NY TRANO PRINTY TAKARIVA :

Maro ireo trano printy teto Antananarivo saingy nanana ny mampiavaka azy manokana ny trano printy Takariva. Nandray anjara lehibe teo amin'ny fampiroboroboana ny literatiora malagasy izy. Mba hahalalana kokoa ny tantaran'ny trano printy Takariva, dia hambara aloha ny mombamomba azy ; holazaina ihany koa ireo boky aman-gazety novokarin'ny.

1.1.1. Ny Mombamomba ny Trano printy Takariva

Tsy nijorojoro ho azy ny trano printy Takariva fa naorin'olombelona , koa ndeha hotanisaina ireo mpanorina,ny daty ary ny antony nanorenana azy.

- Ireo mpanorina azy :

RAPATSALAHY Paul (Idealy-Soa) sy i PARSON Emile (P.E. de La Marquise) no niara-nanorina ny trano printy Takariva. Taty aoriana dia RAPATSALAHY Paul samirery no tompony. Ankoatra azy roalahy ireo dia maro tamin'ireo mpanoratra no niara-niasa taminy ho fanatsarana bebe kokoa ny asa

soratra malagasy. Anisan'ireny : Jasmina RATSIMISETA, J.J. RABEARIVELO, Justin RAINIZANABOLOLONA (Jupiter), Maurice RASAMOELINA, Michel ANDRIANJAFY, Ny Avana RAMANANTOANINA, RAJAONAH Tselatra (Dondavitra), S. BEM, Violette de PARME, Wast RAVELOMORIA, ...

Nisy antony avokoa ny zava-drehetra, koa ndeha hofantarina ny antony nanorenana ny trano printy Takariva

- Ny antony nanorenana azy :

Fiteny matetika ny hoe : « Ny teny mandeha fa ny soratra mitoetra ». Tian'i Idealy-Soa na Paul RAPATSALAHY horaketina an-tsoratra ireo vetsovetsony sy izay tiany hambara ; anisan'ny antony nanorenana ny trano printy Takariva izany. Tiana ihany koa ny manamarika fa teny am-piandohana dia ny gazety « Takariva » no naorin'i Emile PARSON sy RAPATSALAHY Paul voalohany. Taty aoriana vao nihevitra ny hanorina ny trano printy izy ireo.

RAPATSALAHY Paul sy i PARSON Emile no niara- nikaroka izay hatao lohatenin'ny gazety, « Ny Hariva » no saika natao ho anarany tamin'izay. Novana ho « Takariva » izany anarana izany noho ny fahatsapan'izy ireo fa io « Takariva » io no manintona sy tsaratsara kokoa.

Voalaza teo fa taoriana kelin'ny fivoahan'ny gazety « Takariva » vao niorina ny trano printy « Takariva » ; koa ndeha hampahafantarina ny daty nanorenana azy.

- Ny daty nanorenana ny trano printy « Takariva » :

Ny 09 martsa 1933 no nanorenana ny gazety « Takariva ». Roa taona taorian'io izany hoe : ny taona 1935 kosa vao nanorina ny trano printy « Takariva » i PARSON Emile sy RAPATSALAHY Paul.

Teny Ankadifotsy no foiben-toerany voalohany. Nifindra teny Antanimena izany ny taona 1954, ary nanomboka ny taona 1983 ka hatramin'izao dia ao Ankasina, Ankazomanga no foiben'ny trano printy « Takariva ».

Nambara teo ny mombamomba ny trano printy « Takariva » ; nolazaina nandritra izany fa RAPATSALAHY Paul sy i PARSON Emile no niara-nanorina azy. Ny fahatsapan'i Idealy-Soa fa tsaratsara kokoa raha raketina an-tsoratra ireo hevitra tiany hambara no antony nanorenan'izy roalahy ny trano printy ny taona 1935. Tao Ankadifotsy no foiben'ny tamin'izany.

Amin'ny maha-trano printy ny « Takariva » dia natao ho fanontam-printy izy. Hotanisaina eto àry ireo boky aman-gazety novokarin'ny trano printy « Takariva ».

1.1.2. Ireo boky aman-gazety novokarin'ny trano printy « Takariva »

Namokatra boky aman-gazety maro ny trano printy « Takariva ». Anisan'ireny ny gazety « Ikatsikana » sy « Takariva » ary ireo tantara foronina nosoratan'i Idealy-Soa sy i Idealy-Soa zanany.

Nanavanana ny trano printy « Takariva » ihany koa ny famoahana boky mirakitra ireo literatioram-bahoaka. Noezahina namidy tamin'ny vidiny mirary ireo boky ireo mba ho azon'ny sarambabem-bahoaka vidina.

.I Idealy-Soa dia nanoratra tantara foronina miisa 64; ary ny gazety miendrika fampihomehezana « Ikatsikana » sy ny gazety « Takariva » dia ny hampiroborobo ny literatiora malagasy. Namelombelona bebe kokoa ny literatiora malagasy ny fisian'ity gazety ity. Hain-dRapatsalahy Paul ihany koa ny nanentana ny olona hankafy ny literatiora araka izao ambarany izao: « zahao ao amin' ny literatiora ny fahaleovan-tenam-pirenena, ny literatiora no aim-pirenena ary ny fijoroany sy ny famirapiratany , ny fahaleovan-tenany dia efa porofo maha-firenena manokana ny firenena malagasy »⁽¹⁸⁾.

I Faralahy na i Idealy-Soa zanany kosa dia nanoratra tantara foronina miisa 08 nanomboka ny taona 1977 ka hatramin'ny taona 1982.

Ho an'ny tantara foronina iray dia 2000 ka hatramin'ny 3000 eo ho eo no isan'ny boky natonta; roa na telo taona eo ho eo no faharetan'ny fivarotana ireo boky

⁽¹⁸⁾ Gazety Takariva laharana 778, 10 mars 1949

ireo. Amin'ny vidiny mirary avokoa izy ireo araka izao fafana izao :

BOKY	MPANORATRA	TAONA NIVOAHANY	VIDINY
AML3	FARALAHY	1977	94 Ariary
RMP	FARALAHY	1978	94 Ariary
VA	FARALAHY	1979	94 Ariary
MA	FARALAHY	1980	105 Ariary
ET	FARALAHY	1981	130 Ariary
AS	FARALAHY	1982	120 Ariary

Tsapa fa manodidina ny 100 Ariary na 500 fmg ka hatramin'ny 150 Ariary na 750 fmg eo ho eo avokoa ny vidin'ireo boky tantara foronina nosoratan'i Faralahy tamin'ny taona 1978 ka hatramin'ny taona 1982.

Araka ireo voalaza ireo dia azo ambara fa nitana anjara toerana lehibe teo amin'ny literatiora malagasy ny fisian'ny trano printy « Takariva » ; nampiroborobo ny literatiora malagasy izy. Ny famokarana literatioram-bahoaka no tena nanavanana azy, ary noezahina natao tamin'ny vidiny mirary izy ireo. Mba ho fitsinjovana ny sarambabem-bahoaka.

Natao indray mijery teo ny tantaran'ny trano printy Takariva. Nanao ahoana kosa ny fiainan'i Faralahy teo amin'ny maha-olon'ny soratra azy ?

1.2. I Faralahy : olon'ny soratra sy ny asa famoronana

Hodinihina mifanesy ny antony nahatonga azy ho mpanoratra sy ireo asa soratra novokarin'ny. Vita izay dia hampahafantarina ireo solon'anarana nindraminy rehefa manoratra izy.

1.2.1.Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra

Samy manana ny fomba anehoany ny talentany sy ny aingam-panahiny ny olona araka ilay fitenenana hoe : « Izay tsy mahay sobiky mahay fatam-bary ». Ny sehatry ny asa soratra no nanehoan'i Faralahy izany talentany izany. Tsy tongatonga ho azy izany fa noho ny vaky boky nataony, ny fahitany ny talentan-drainy ary ny talenta voajanahary toa efa tao aminy.

-Ny vaky boky

Hatrany amin'ny kilasy ambany dia efa tia vaky boky i Faralahy ka ny tantara foronina no tena nanintona azy tamin'izany. Ankoatra ny tantara foronina nosoratan'i Idealy-Soa rainy,dia ny boky nosoratan'i Victor Hugo no famakiny matetika ka nanintona azy indrindra ilay tantara foronina Fleuve noir .

Tsy ny vaky boky ihany no nitsirian'ny talentany, fa teo ihany koa ny fahitany ny talentan-drainy :

-Ny fahitany ny talentan-drainy :

Tsy diso tokoa raha ny fiainan'i Faralahy no jerena, ilay fitenenana manao hoe : « Zaro amin'ny lâlana tokony halehany ny zaza ka na antitra aza izy tsy hiala amin'izany ». Faniriany hatry ny fony kely ny ho tonga mpanoratra toa an-drainy. Nahafinaritra azy ny namaky ireo asa soratry ny rainy ka nahatonga azy ho mpanoratra taty aoriana.

Ankoatra ny fahitany ny talentan-drainy, dia anisan'ny namolavola azy hanoratra, indrindra ny tantara foronina miendrika herisetra, ny fijerena horonan-tsarimihetsika isaka ny faran'ny herinandro tao amin'ny cinéma Rex sy Roxy.

-Ny talenta voajanahary.

Teo dia teo tokoa araka izany ny famolavolan'ny tontolo manodidina ka nahatonga azy ho mpanoratra. Tsy azo odian-tsy hita koa anefa ny toa fisian'ny talenta voajanahary tao aminy.

Taoriana kelin'ny nanorenany tokan-trano dia nanapa-kevitra ny hanoratra izy. Zezika nampiroborobo io talentany io ny fanampian-dRamatoa Zoéline azy ka nahafahany nanoratra boky tantara foronina indray mandeha isan-taona.

Mialoha ny hamitana azy ho boky dia Ramatoa Zoéline no mandika tànana ny asa soratra.

Ny alina, hono, matetika no tena ahatongavan'ny aingam-panahy ao aminy.

Mankafy ny fahanginana sy ny hakanton'ny alina moa izy. Taratra ao anatin'ny asa sorany izany satria ireo fotoana iasan'ny mpandray anjara fototra dia saika amin'ny alina foana matetika.

Santionany amin'izany izay hita aoamin'ny Vazimban'Ambato sy Rotaka maty paika.

« Efa maizim-be ny manodidina izay izy (Andry) vao nanapa-kevitra ny hizaha tanàna ». V.A. tak. 136.

« Iny ny zava-tsoa voalohany vitako androany, nefa efa alim-be ity ny andro ». R.M.P. tak. 113.

Notanisaina teo ireo antony nahatonga an'i Faralahy hirotsaka eo amin'ny sehatry ny asa soratra. Ambara manaraka eto kosa ireo karazan'ny asa soratra no vokariny .

1. 2.2. Ireo asa soratra no vokariny.

Maro ireo karazan-dahatsoratra azo anehoan-kevitra. Sokajy roa amin'ireny no nofidian'ny mpanoratra mba hanehoana ny heviny: ny tantara foronina sy ny tantara an-tsary.

-Ny tantara foronina

Efa nambara fa fanirian'i Faralahy ny hamoaka tantara iray isan-taona. Tontosany tokoa izany na dia teo aza ireo adidy aman'andraikitra nosahaniny

.Nanomboka nanoratra tantara foronina izy ny taona 1977.

Indro atolotra eto ambany ny fafana fanehoana ireo asany:

SOKAJY	LOHATENY	DATY NIVOAHANY
TANTARA FORONINA	1. Aloka ML.3	oktobra 1977
	2. Rongonin'Avara-pi.	janoary 1978
	3. Rotaka maty paika	aogositra 1978
	4.Vazimban'Ambato	martsa 1979
	5.Vohitry ny horohoro	aogositra 1979
	6.Mpikarama an'ady	may 1980
	7.Eva takalon'aina	jolay 1981
	8.Ady saritaka	jolay 1982
TANTARA AN-TSARY	Vazimban'Ambato	

-Tantara an-tsary

Tanjon'ny mpanoratra mandrakariva ny hanatsara ny asany. Noheveriny fa ho mora azo kokoa ny hevitra tiana hampitaina raha toa ka sady an-tsary no an-tsoratra.Nanomboka namadika ireo tantara foronina ho tantara an-tsary izy, ka ny tantara foronina Vazimban'Ambato no efa vita boky an-tsary.

1.2.3. Ny solon'anmarana nampiasainy

Tahaka ny mpanoratra maro dia manana ny anarana namantarana azy manokana teo amin'ny sehatry ny asa soratra RAPATSALAHY José. Solon'anmarana roa no nampiasainy tamin'izany: Faralahy sy Idealy- Soa zanany.

- Ny hoe « Faralahy » moa dia anarana nahalehibe azy. I Faralahy rahateo no niantsoana azy tao an-trano.

- Ny hoe « Idealy-Soa zanany » kosa dia ho fanehoany ny fankasitrahany an-drainy sy ny fahavononany hanohy ny asany.

Nampahafantarina teo ny mombamomba an'i Faralahy. Nambara tamin'izany ny fiainany amin'ny maha-olon-tsotra azy, ary ny fiainany amin'ny maha-olon'ny soratra sy ny asa famoranana azy. Tsy azo sarahina amin'ny fiainan'ny mpanoratra ihany koa anefa ny fiainam-pirenena. Noho izany, heverina fa mety raha hotopaza-maso ny zava-nitranga teo amin'ny firenena nandritra ny Repoblika voalohany sy faharoa, vanim-potoana izay nitsiriana sy niroboroboan'ny talentan'ny mpanoratra. Misy ilana izany rahateo amin'ny fanadihadiana ireo tantara foronina niasana.

1.3. Ny zava-nisy teto amin'ny firenena

Fitaovana iray mahomby ahafahana maneho hevitra ny literatiora. Hoy RAVELOJAONA : « Ny literatiora an-tsoratra dia fandaharana an-tsoratra izay zava-nitranga ao an-tsain'ny olombelona »⁽¹⁹⁾. Araka izany fitaovana ahafahana maneho ny zava-misy ny literatiora. Raha te-handalina asa soratra iray, dia ilaina ny fahafantarana ny zava-mitranga eo amin'ny fiainam-pirenena.

Hoy indrindra i Robert Escarpit milaza izany: « Ny tanjon'ny fanadihadiana ny literatiora voalohany indrindra dia ny fandinihana ny literatiora amin'ny maha-zava-misy ara-piaraha-monina sy ara-toe-karena azy »⁽²⁰⁾.

Manamafy izany ihany koa i Roger Fayolle manao hoe: « taratry ny fiainan'ny fiaraha-monina ny literatiora, manaraka ny fiovana misy eo amin'ny fiaraha-monina ny hevitra raketiny »⁽²¹⁾.

⁽¹⁹⁾ Mpanolo-tsaina, lah. 19 jolay 1908.

⁽²⁰⁾ Robert Escarpit, op.cit, tak. 119 : « la sociologie de la littérature cherche à rendre compte la littérature en tant que phénomène social et économique ».

⁽²¹⁾ Roger FAYOLLE , la critique, librairie Armand Colin, Paris, 1978, tak. 75 : « la vie littéraire est un aspect de la vie sociale. Les idées littéraires ne sont pas séparables des vicissitudes de la vie sociale ».

Koa mialoha ny handalinana ny asa soratra, dia atao topimaso fohy ny fiainana iraisam-pirenena nandritra ny vanim-potoana 1960-1984. Marihina fa tsy ho voalaza eto avokoa ireo zava-nitranga nandritra io vanim-potoana io, izay mifandray amin'ny hevitra ambaran'ny asa soratra ihany anefa no horeshahina.

Hozaraina roa izany :

- Vanim-potoanan'ny Repoblika I (1960-1972)
- Vanim-potoanan'ny Repoblika II (1972-1984)

Tsy ny vanim-potoanan'ny Repoblika II manontolo akory no holazaina fa izay taona nahakasika ny mpanoratra ihany.

1. 3. 1. Ny vanim-potoanan'ny Repoblika I (1960-1972)

Maro ny zava-nisy teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena nandritra io vanim-potoana io. Nisy akony teo amin'ny fiainam-pirenena malagasy izany, na teo amin'ny lafiny pôlitika na teo amin'ny lafiny ara-toe-karena na teo amin'ny lafiny ara-piaraha-monina

• Ny lafiny ara-pôlitika

Nandritra ity vanim-potoana ity dia afaka teo ambany ziogan'ny mpanjanaka ny zanatany maro, ary anisan'izany i Madagasikara. Rahefa natao ny fitsapan-kevi-bahoaka ny 28 septambra 1958, dia nifidy ny hiara-dàlana amin'i Frantsa ihany i Madagasikara. Azo ihany anefa ny fahaleovan-tena ny 26 jona 1960. Velom-panantenana ny vahoaka, kinanjo nifanohitra tamin'ny fiheverany ny zava-nisy. Toy ny kilalao ny fiheveran'ireo mpitondra ny vahoaka ka azo ampiasaina amin'izay ilàna azy. Tsy teo amin'ny pôlitika ihany no nahitana izany tarehin-javatra izany fa teo amin'ny lafiny toe-karena ihany koa.

• Ny lafiny ara- toe-karena

Nisy fiantraikany teo amin'ny lafiny ara-toe-karena ny tsy fahombiazan'ny fitantanana teo amin'ny sehatra ara-pôlitika. Niankin-doha mandrakariva tamin'ny tany ivelany ny toe-karena malagasy. Ireo vahiny no nanjakazaka tamin'ny alalan'ny

fampiasana ny volany teto. Nataony ho loharanon'ny akora nilainy ny zanatany. Nanampy azy ireo tamin'izany ireo teratany malagasy mpambotry ny mpiray tanindrazana aminy.

• Ny lafiny ara- piaraha-monina

Mifandray avokoa ny zava-mitranga eran'izao tontolo izao. Misy akony eo amin'ny fiainan'ny firenena madinika ny toe-javatra iraisam-pirenena. Nisongadina nandritra ity vanim-potoana ity ny tolona ho fanoherana ny fanavakavaham-bolon-koditra sy ny fanoherana isan-karazany izay nihatra tamin'ireo mainty hoditra. Tsy diso anjara tamin'izany ady izany i Madagasikara. Teto Madagasikara rahateo moa, tsy zarizary ny fiainan'ny tambanivohitra noho ny asa ratsin'ireo mpambotry firenena. Toa fahaleovan-tena sarintsariny fotsiny no azon'ny Malagasy. Toa mbola tao ambadik'ireo mpitondra mandrakariva ny vahiny. Tsy nahalefitra izany ny vahoaka ka dia narodany ny Repoblika voalohany.

1.3.2. Ny vanim-potoanan'ny Repoblika faharoa (1972-1984)

Hozaraina roa miavaka tsara ity vanim-potoana ity :

- Ny zana-banim-potoana 1972-1975
- Ny zana-banim-potoana 1975-1984
- Ny zana-banim-potoana 1972-1975 :

Lafim-piainana pôlitika, toe-karena, sosiahy no horesahina.

• Ny lafiny ara- pôlitika

Rava ny fitondran'ny Filoha Tsiranana noho ny raharaha tany atsimo tamin'ny volana avrily 1971 sy ny zava-nitranga teto Antananarivo ny 13 mai 1972. Fitakiana nataon'ireo mpianatra ho Dokotera no niantombohany kanefa dia nitatra ho fitakian'ny mpianatra rehetra izany. Nanampy azy ireo ny ray aman-dreny sy ny mpiasa nanerana ny Nosy. Nandray ny fahefana ny Jeneraly RAMANANTSOA araka ny fitakian'ny vahoaka. Tsy naharitra ela anefa dia natolony ny Kôlônely RATSIMANDRAVA ny fahefana ny 06 febroary 1975.

Laharam-pahamehana teo amin'ny fanjakana notarihin'ny Kôlônely RATSIMANDRAVA ny fanapariaham-pahefana ho any amin'ny vahoaka. Na izany aza anefa dia herinandro fotsiny no nitantanany ny tany sy ny fanjakana, ka nody ho any amin'ny mandrakizay izy noho ny hetraketra ny mpisompatra.

Dia ny « directoire militaire » notarihin'ny Jeneraly ANDRIAMAHAZO Gilles indray no nitondra ny tany sy ny fanjakana. Marihina fa tamin'izany dia nahazo vahana eran'izao tontolo izao ny firehan-kevitra sôsialista.

Ny volana desambra 1975 dia Andriamatoa RATSIRAKA Didier no voafidy ho filoham-pirenena.

• **Ny lafiny toe-karena :**

Niezaka ny hahaleo tena ara-toe-karena i Madagasikara tamin'ity vanim-potoana ity. Noraisin'ny fanjakana an-tànana avokoa ny fanalahidin'ny famokarana rehetra. Nampirisihana hanondrana entana mankany ivelany ireo orinasa madinika.

• **Ny lafiny fiaraha-monina :**

Teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia nisy ny antso avo nataon'ny Firenena Mikambana ho fanoherana ny fanavakavaham-bolon-koditra.

Teto Madagasikara indray, nanjaka ny korontana sy ny tebiteby nandritra ny fihetsiketsehana tamin'ny may 1972. Maro ireo namoy ny ainy, indrindra ireo mpianatra.

Ny zana-banim-potoana 1975-1984 :

Mbola nahazo vahana, saika manerana izao tontolo izao ihany, indrindra tany amin'ireo firenena madinika, ny firehena sôsialista, anisan'izany i Madagasikara. Ny endrika sy ny vokatr'io safidy io tao amin'ny lafiny pôlitika, toe-karena ary fiaraha-monina ihany koa no hojerena.

• **Ny lafiny ara- pôlitika :**

Ity vanim-potoana ity no nitondra ny firenena ho any amin'ny revolisiona sôsialista malagasy. Lany ho mpitondra ny firenena Andriamatoa Didier RATSIRAKA araka ny voalaza. Niezaka izy hanome fahefana ny vahoaka. Ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana no nampiasainy ho amin'izany. Nampiharihariany ihany koa ny pôlitika mitodi-doha amin'ny vazan-tany efatra, nefa notandroviny mba tsy hanohintohina ny fiandrianam-pirenena .

• **Ny lafiny ara- toe-karena :**

Vavahady misokatra ho amin'ny fahalemena ara-toe-karena ny tsy fahombiazan'ny fitantanana. Nanjaka nandritra ity vanim-potoana ity ny varo-maizina sy ny risoriso. Izay nahitahita ihany no nahazo tombontsoa teo amin'ny asam-barotra. Ireo vahiny no maro an'isa tamin'ireo.

Tsy noraharahiana ireo tantsaha izay 80 % n'ny Malagasy . Vokatr'izany nihena ny vokatra azo avy amin'ireo tantsaha ireo izay fototra ifaharan'ny toe-karena. Nitatika ho amin'ny tsy firindrana ara-piaraha-monina izay fihenana-danja'ny toe-karena izay.

• **Ny lafiny ara- piaraha-monina :**

Tsy misy firenena afaka handroso raha tsy ao anaty fandriam-pahalemana. Niroborobo anefa ny asan-jiolahy nandritra ity vanim-potoana ity. Maro loatra mantsy ireo tanora tsy an'asa ka nitady lalan-kafa mba hahafahany mivelona. Tsy ny teto an-drenivohitra ihany no nisehoan'izany fa hatrany ambanivohitra ihany koa.

Ny vanim-potoanan'ny Repoblika faharoa dia nahatsapana lesoka teo amin'ny fitondrana. Nijanona ho tanjona avokoa ireo soritr'asa samihafa. Vao mainka nitotongana ny toe-karena malagasy. Nizara ho roa ny vahoaka malagasy dia ny antokon'ireo mpanam-bola vokatry ny fanambakana ny madinika, sy ny antokon'ireo vahoaka mpitrongy vao homana.

FANDRAVONANA :

Nampahafantarina tato amin'ity fizarana voalohany ity ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany. Nasongadina nandritra izany ny tantaran'ny trano printy « Takariva », i Faralahy amin'ny maha-olon'ny soratra sy ny asa famoronana azy ary ireo zava-nisy teto amin'ny firenena ka niako teo amin'ny fiainan'ny mpanoratra.

Nambara nandritra ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany ny tantaran'ny trano printy « Takariva ». Niorina ny taona 1935 teny Ankadifotsy ny trano printy ; RAPATSALAHY Paul sy PARSON Emile no nanorina azy. Nanorina ny trano printy « Takariva » izy ireo noho ny fahatsapany fa tokony horaketina an-tsoratra ireo vetsovetsony sy ny tiany hambara. Namokatra boky aman-gazety toy ny « Takariva » sy ireo tantara foronina maro ny trano printy « Takariva ». Nanavanana azy kokoa ny famoahana ireo boky antsoina hoe : « literatioram-bahoaka »,tafiditra tao anatin'izany ireo nosoratan'i Faralahy. Namidy tamin'ny vidiny mirary avokoa izy ireo ho fitsinjovana ny vahoaka madinika. Hita araka izany fa nanan-danja lehibe tokoa teo amin'ny literatiora malagasy ny trano printy « Takariva ».

Ny toko faharoa no nanehoana fa olon'ny soratra sy ny asa famoronana i Faralahy. Vokatry ny famakiana boky sy ny fahitany ny talentan-drainy ary ny talenta voajanahary efa tao aminy no nahatonga izany.

Ny tantara foronina sy ny tantara an-tsary no karazana asa soratra novokarin'ny. I **Faralahy** na i **Idealy-Soa zanany** no solon'anarana nentiny.

Ny vanim-potoanan'ny Repoblika Voalohany sy Faharoa no nitsiriana sy niroboroboan'ny talentan'ny mpanoratra, koa natao topimaso ihany koa ireo zava-nisy, hitondra akony eo amin'ny asa soratra nandritra izany.

Nisongadina nandritra ireo vanim-potoana roa ireo teo amin'ny lafiny ara-pôlitika ny fifandimbiasam-pitondrana maromaro. Nahazo vahana ny firehana sôsialista, indrindra tany amin'ireo firenena madinika.

Teo amin'ny lafiny ara- toe-karena indray dia nanjakazaka ireo vahiny sy ny Malagasy vitsy an'isa. Vokatr'izany dia nisy ny varo-maizina sy ny risoriso.

Teo anivon'ny fiaraha-monina dia tsy nahitana filaminana, na teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izany noho ny tolona ho fanoherana ny fanavakavaham-bolon-koditra, na teto Madagasikara noho ny asa ratsin'ireo mpambotry firenena. Nisongadina teto amin'ity fizarana voalohany ity ny fampahafantarana ny tantaran'ny trano printy « Takariva », ny mpanoratra amin'ny maha-olon'ny soratra sy ny asa famoronana azy. Naseho tato ihany koa ireo zava-nisy teto amin'ny firenena nandritra ny vanim-potoana 1960-1984 ka niako teo amin'ny fiainan'ny mpanoratra. Ho hitantsika ao amin' ny fizarana faharoa ny fanadihadiana ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina.

FIZARANA FAHAROA

Ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina

Nofantarina tao amin'ny fizarana voalohany ny fifandraisan'i Faralahy amin'ireo asa sorany. Hasongadina ato amin'ny fizarana faharoa kosa ny endrika ivelan'ireo tantara foronina nosoratan'i Faralahy. I Faralahy moa dia iray amin'ireo mpanoratra tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” Malagasy; koa mialoha ny hamakafakana ny endrika ivelan'ny asa sorany dia ndeha hofaritana aloha ny antsoina hoe tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana.

- Famaritana ny tantara foronina

“Ny tantara foronina dia tantara noforonin'ny saina, miendrika lahateny lava. Tantara maneho ny zava-misy iainan'ireo mpandray anjara; natao mba hahafantarana ny toe-tsainy, ny andro iainany, ary ny zava-mihatra aminy”⁽²²⁾.

Manamafy io voalaza io I E.D. ANDRIAMALALA. Hoy izy *“ny atao hoe tantara foronina dia tantara kanefa noforonina, ary anefa moa na noforonin'ny eritreritra aza dia tsy maintsy miompana amin'ny zavatra misy sy marina () ny antsoiko hoe zavatra misy sy marina dia ny zavatra tsy azo lavina sy marina”⁽²³⁾.*

Iray amin'ireo sokajina tantara foronina ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier”, samy vokatry ny asan'ny saina na ny tantara foronina, na ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana. Na izany aza anefa, tsy tahaka ireo tantara foronina tsotra nosoratan'ny mpanoratra toa an'i Michel ANDRIANJAFY, E.D. ANDRIAMALALA , Auguste RAJAONARIVELO; RANDRIAMIADANARIVO, Andry ANDRAINIA ... ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana.

⁽²²⁾ Dictionnaire Larousse, Paris, 1986 tak 1047 : « le roman est un œuvre d'imagination en prose assez longue qui présente des faits vivre dans un milieu des personnages donnés comme réel nous fait connaître leur psychologie, leur destin, leur aventure ».

⁽²³⁾ Dinidinika nataon'i E.D ANDRIAMALALA ny 12 desambra 1966 in lesona kilasy fahatelo Ny tantara foronina Ratrema William.

- Famaritana ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana

“Ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” dia tantara foronina arahina olana mandrakariva, ahitana ady hevitra sy fizohian-kevitra aseho amin’ny alalan’ny tantara; ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana dia fitantarana ady”⁽²⁴⁾. Ambaran’I Boileau Narcejac ihany koa fa:

“() mirona kokoa any amin’ny fampiasana ny sain’ny olombelona ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” noho ny fisian’ny fanadihadiana ao aminy”⁽²⁵⁾.

Nofaritana teo ny antsoina hoe tantara foronina sy tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier”. Manomboka eto kosa no hanadihadiana ny endrika ivelan’ny asa soratr’I Faralahy. Hodinina amin’izany ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina.

2. Ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina

Matetika ny fandinihana ny tara-kevitra amin’ny literatiora no mahamaika ny mpanao fikarohana. Marihina anefa fa manampy be dia be amin’ny fandinihana ny vontoatin-kevitra tian’ny mpanoratra ampitaina ny fandinihana ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra.

Raha ny tantara foronina no ambara dia anisan’ny hasin-javatra mamaritra azy ny toerana, ny fotoana, ny mpandray anjara ary ny firafiny amin’ny ankapobeny.

Koa tsara raha hofakafakaina ireo singan-javatra ireo. Ny firafitra no hanombohana azy.

⁽²⁴⁾ Narcejac Boileau, le roman policier, PUF édition revue, Paris, 1968 tak 11 : « le roman policier apparaît avant tout comme un « roman d’énigme » une discussion logique menée sous la forme d’un récit, une structure narrative duelle ».

⁽²⁵⁾ Narcejac Boileau, op cit, tak 120 : « il [le roman policier] exprime tantôt la confiance de l’esprit humain en ses méthodes (detection) »

2.1. Ny firafitry ny tantara foronina amin'ny ankapobeny

Lafin-javatra telo no mamaritra ny tantara foronina amin'ny ankapobeny dia ny toe-javatra iandohana, ny toe-javatra manova ary ny toe-javatra iafarana. Indro hodinihina mifanesy ireo.

2.1.1. Ny toe-javatra iandohana:

Misongadina ao amin'ny vontootin'ireo tantara foronina nanaovana fanadihadiana ny ezaka ataon'ireo olona na andian'olona sasany ho famotehana ny firenena sy ny hetsika ataon'ireo mpitandro filaminana ho fanoherana izany. Endrika maro no isehoan'izany eo ampiandohan'ny tantara toy ny fanimbana ny fitiavan'olon-droa, ny fanimbana ny fiainam-piankohonana, ny fanimbana ny fiainam-pirenena mihitsy.

2.1.1. Fanimbana ny fitiavan'olon-droa:

Ahitana fanimbana ny fitiavan'olon-droa ny tantara foronina AS sy EI. Rava ny fifankatiavan'olon-droa noho ny tsy fanajana ny zon'olombelona. Toy izao no fahitan'ny mpanoratra izany ao amin'ireo tantara ireo:

AS: Nikasa ny hanambady an'i Landy teratany Malagasy mainty hoditra i Hedrick Gunther teratany Afrika atsimo fotsy hoditra sady manam-pahaizana. Noraran'ireo mpitondra fanjakana ao Afrika atsimo ny fikasan'izy ireo noho ny tsy fitovian'ny volon-koditra. Dia tsy nahazo nifandray intsony izy ireo.

ET: Voatery nisaraka tamin'i Josoa i Eva noho ny fanitsakitsahan'i Josoa azy. Niafara tamin'ny fandratan'i Josoa azy moa izany.

Olana ara-pitiavana toy izany no iandohan'ny tantara ao amin'ity sokajy ity. Niafara tamin'ny fisarahana izany. Anisan'ny toe-javatra niandohan'ny tantara ihany koa ny fanimbana ny fiainam-piankohonana.

2.1.1.2. Fanimbana ny fiainam-piankohonana:

Mampiavaka ny tantara ao amin'ity sokajy ity ny fahasimban'ny fiainam-piankohonana vokatry ny herisetra ataon'ireo jiolahy. Tantara roa no ahitana izany: VA sy AML 3.

VA: Nisy nandona tamin'ny fiara ny zanak'Ingahy Ravelo lahitokana, ka tapaka ny tongony. Ingahy Ravelo kosa novonoin'ireo jiolahy noho ny tsy nanomezany fahazoan-dalana manondrana entana an-tsokosoko mankany ivelany.

AML 3: Nalain'ireo jiolahy an-keriny ny vady aman-janaky ny profesora Rabarinony sy Jaoba Lucien ho fanerena an-kolaka azy ireo hiasa amin'ny tobim-pikarohana lehibe ao Afrika atsimo.

Ireo tantara foronina ireo dia ahitana faharavan'ny fahasambaran'ny ankohonana tampoka noho ny fitiavan-tenan'ireo jiolahy.

Tsy ny fitiavan'olon-droa sy ny fianam-piainam-piankohonana ihany akory no simba vokatry ny asa ratsin'ireo jiolahy, fa nitatra hatrany amin'ny fahasimban'ny firenena izany.

2.1.1.3. Fanimbana ny firenena:

Vontoatin'ny fiandohan'ny tantara amin'ity sokajy ity ny famotehana ny fiainam-pirenena, toy izay ao amin'ny tantara RMP sy MA.

RMP: Nanomana tetika fanonganam-panjakana ny andian-jiolahy notarihin'i Tanassis: natombony tamin'ny fanakorontanana ny faritra atsinanan' i Madagasikara izany, nitohy tany amin'ny faritanin'I Mahajanga sy teto Antananarivo.

MA: Notapahin'ny andian-jiolahy notarihin'ny tariky Ranandria ny lalam-by fotoana fohy mialoha ny handalovan'ny fiaran-dalam-by mpamatsy sakafo ho any

Toamasina. Very tamin'izany ny sakafo tokony haharitra fotoana maromaro. Vokany, nanjaka ny risoriso sy ny varo-maizina isan-karazany.

Araka izany, dia taratra eny am-piandohan'ny tantara ny herisetra ataon'ireo jiolahy. Hita taratra eo amin'ny fiandohan'ny tantara sahady ny olana tokony hovahana araka ireo voatanisa teo aloha ireo.

2.1.2. Ny toe-javatra manova:

Misongadina ao amin'ny toe-javatra manova ny vonan'ny tantara⁽²⁶⁾.

Ambaran'i Lacassin fa *tokony ho hita miavaka tsara sady hahaliana ny vonan'ny tantara*⁽²⁷⁾.

Vona maro no mety ho hita mamorona ny toe-javatra manova. Ao amin'ny tantara nosoratan'i Faralahy, dia amin'ny alalan'ny fifandonana amin'ny fahavalo no anehoany izany. Ahitana dingana samihafa izany: fikarohana ny fahavalo, fisian'ny ady, fahafatesan'ny mpandray anjara sasany.

2.1.2.1. Fikarohana ny fahavalo:

Taorian'ny fahitana ny olana dia nivonona ny hikaoka vaha-olana ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara, indrindra fa ny mpandray anjara fototra. Tsy mijanona fotsiny amin'ny fanadihadiana ireo antontan-taratasy izy ireo amin'izany, fa mirotsaka an-tsehatra mihitsy mba hahafahany manara-maso akaiky ireo jiolahy. Santionany amin'ireo tantara ahitana izany no holazaina eto RMP, MA, AS, VA.

⁽²⁶⁾ Nandikana ny Intrigue. Ny vonan'ny tantara dia ny fifampiankinan'ny toe-javatra samihafa ao amin'ny tantara.

⁽²⁷⁾ BOILEAU NARCEJAC, le roman policier, PUF, édition revue, boulevard Saint Germain, paris, 1968 tak 82 : « L'intrigue doit être solidement écrite et avoir un intérêt en tant qu'histoire ».

RMP: Fanarahan'I Andry sy Fely an'I Letody hatrany Mahajanga noho ny fahafantarana ny asa ratsy kasain'izy ireo hatao.

MA: Fandehanan'I Andry tany Afrika niaraka tamin'ny lehiben'ireo jiolahy ao amin'ny “camp n°04” mba hahafantarany ny asa ratsy ataon'ireo jiolahy.

AS: Niaraka tamin'I Jomo Samora ho any Afrika atsimo I Andry mba hahafantarany ny zava-misy marina, sy hahafahany mihaona mivantana amin'ireo fahavalo.

VA: Fahavononan'I Andry hiara-miasa amin'Ingahy Rasendra mpanao risoriso, na dia tsy mbola fantany aza ny toerana itondran-dRasendra azy.

Tak 98:

“Mazava ho azy fa raha tsy tafiditra lalina kokoa ny fifaneraseran'I Andry amin'ireo mpijirika tsy hisy akory ny porofo azony hamaharana. Ity Rasendra ity aloha no varavarana voalohany voavoha... Asa na hitondra aiza na hitondra aiza”.

Nisetra zava-tsarotra I Andry nandritra ny fikarohana ireo fahavalo. Niray petsapetsa tamin'ireo fahavalo mihitsy aza izy mba hahafahany manohy ny asany toy ny hita ao amin'ny MA sy VA.

MA: Niara-niasa tamin'ny jiolahy notarihin'I Ranandria I Andry nandritra ny fanapahana lalam-by tao Brickaville.

Tak 98:

“tsivalam-by roa andalana no esorina. () Anisan'ireo nitarazodrazoka I Andry. Tsy nampoizina velively ity fitrangan-javatra ity. Hanimba lala-masinina?

VA: Nivonona ny hiara-hiasa amin'ingahy Rasendra I Andry, nanomana “***volavelona***” hiaraha-mivarotra amin'Ingahy Rasendra izy.

Tak 12:

“Mbola fanarahana am-bokony ihany aloha no inoako fa mety indrindra. Tsy mbola mifandray amin'ny tena lohandohan'ny mpisorona aho mandrak'ity androany”.

Araka izany, tsy nataon'I Andry ho ambanin-javatra mihitsy ny fikarohana ireo fahavalo. Narahiny akaiky ny fihetsik'ireo heveriny ho fahavalo na aiza na aiza toerana alehany.

2.1.2.2. Fisian'ny ady:

Mampiavaka ny tantara foronina nosoratan'i Faralahy ny fisian'ny ady. Mandritra ny fifandonana amin'ireo fahavalo dia mafotaka ny ady. Mivoaka ho mpandresy hatrany i Andry amin'izany. Nahitana taratra ny fahaizany miady sy miaro tena ny ady nifanaovany tamin'ireo fahavalo ireo.

Santionany amin'izany izay hita ao amin'ny RMP sy ET.

RMP: Fifandonan'i Andry tamin'i Abdul sy Glenovitch tao amin'ny hotely Major. Nivoaka ho mpandresy i Andry tamin'izany ary nikasa handositra ireo fahavalo.

“() vao nahita izany ity jiolahy mbola nomontsamontsanin'i Andry dia nirohotra nikasa handositra”.

RMP tak 160.

ET: Nivoaka ho mpandresy i Andry nandritra ny fifandonana tamin'ireo jiolahy nikasa handositra ny faritra avaratry ny Nosy.

Nandritra ny ady nifanaovan'i Andry tamin'ireo fahavalony dia niharhary hatrany ny fahasahian'i Andry sy ny tahotr'ireo fahavalo nanoloana izany. Vokatry ny fifandonana dia nisy ny naratra, ary nisy ny maty.

2.1.2.3. Fisian'ny fahafatesana:

I Van Dine dia milaza fa tsy maintsy ahitana faty olona ny tanytara foronina maneho ny asan'ny fitandroana ny filaminana. Tsy azo lazaina ho tantara foronina maneho ny asan'ny fitandroana ny filaminana ny tantara foronina tsy ahitana faty olona⁽²⁸⁾.

⁽²⁸⁾ B. NARCEJAC, op.cit P51 : « un roman policier sans cadavre, cela n'existe pas ».

Ahitana faty olona avokoa ny tantara nosoratan'i Faralahy saingy ny hamaroany no tsy mitovy.

- Ao amin'ny tantara RMP sy AS dia tsy voafaritra mazava ny isan'ireo maty. Ny fahafatesana mitranga dia fahafatesana vokatry ny fifandonan'ny antokon'olona roa samy hafa: ny antokon'ireo olona mikatsaka ny filaminana sy ny antokon'ireo fahavalom-pirenena. Misy ny maty na amin'ny andaniny na amin'ny ankilany.

AS: Tsy nanaiky ny fisamborana an'i Seniamana lehiben'ny mpitari-tolona ireo mainty hoditra, ka nifanandrana tamin'ireo fotsy hoditra manoloana ny paositry ny pôlisy tao Afrika atsimo. Maro ny olona maty tamin'izany na teo amin'ny fotsy hoditra, na teo amin'ny mainty hoditra.

RMP: Maro ny olona maty tany amin'ny faritanin'i Toamasina sy Mahajanga noho ny fanakorontanana fiaraha-monina nataon'ireo jiolahy notarihin'i Tanassis.

- Voafaritra mazava kosa ny fisian'ny fahafatesana ao amin'ny tantara foronina VA, ET sy MA.

- Ao amin'ny VA, dia misesy ny faty olona eny am-piandohan'ny tantara (fahafatesan'ingahy Ravelo sy Velonandro. Tsy misy intsony anefa izany mandrapahatapitry ny tantara.

- Ao amin'ny tantara ET, dia ahitana faty olona mielanelana mandrapahatapitry ny tantara. Any amin'ny farany vao maty ny mpandray anjara fototra.

- Ao amin'ny MA dia eo afovoan'ny tantara no misy ny faty olona dia ny fahafatesan-dRanandria sy Chrisostome Ra-Jean.

Ahitana sokajin'olona maro ireo olona maty. Ny lehilahy no betsaka noho ny vehivavy. Raha araka ny sokajin-taona indray, dia ny tanora no maro an'isa indrindra:

20 ka hatramin'ny 30 taona eo ho eo. Manaraka dia ireo efa lehibe, ary ny sokajin'ireo ankizy no vitsy indrindra.

Misy amin'izy ireo no fanahy iniana novonoina toa an'Ingahy Ravelo sy Velonandro ao amin'ny tantara VA, Chrisostome sy Ranandria ao amin'ny MA. Misy kosa ireo maty noho ny kisendrasendra toa an'i Nzulu ao amin'ny tantara RMP. Maty voatsindron'ny antsy teny an-tanany i Nzulu nandritra ny nifandonany tamin'i Andry sy ny namany. Misy ihany koa ny namono tena toa an'i Ulysse ao amin'ny ET. Naleon'i Ulysse namono tena toy izay hifanazava amin'ny manam-pahefana.

Misokajy ho roa ny antony namonoana ireo olona ireo: ny vono olona tsotra fotsiny, sy ny vono olona noho ny fiahiahiana sao mamoka tsiambaratelo izy ireo.

VA: Novonoin'ireo mpiara-miasa aminy i Velonandro noho ny tsy fahatokisana azy intsony.

MA: Novonoin'ireo mpiara-miasa aminy Ranandria sy Chrisostome Ra-Jean noho ny fiahiahiana azy ireo sao hamoka ny tsimbaratelon'ny asan-jiolahy.

ET: Novonoin'ny namany i Grity satria izy irery ihany no mahafantatra ny momba an'ilay mpampiasa azy, dia Razady Basir.

Azo sokajiana ho telo ny fomba nahafatesan'ireo olona ireo: misy ny maty tamin'ny zava-maranita toy ny antsy; misy ireo novonoina tamin'ny poizina toa an'i Grity ao amin'ny tantara ET; ary misy ireo novonoina tamin'ny basy. Famonoana hafa kely no nanjo an-dRazady ao amin'ny ET satria basy nisy bala “**cyanure**” no nahafaty azy.

Ho fehin'izay rehetra izay, dia tsy voafaritry mazava ny isan'ireo olona maty ao amin'ny tantaran'i Faralahy amin'ny ankapobeny. Ahitana lehilahy sy vehivavy izy ireo ka ny lehilahy no maro an'isa kokoa. Hita ao amin'ireo sokajin'olona maty ny sokajin-taona rehetra toy ny ankizy, ny tanora ary ny lehibe. Maro amin'izy ireo no novonoina; misy ny namono tena ihany koa anefa. Raha ny fitaovana nampiasaina

indray, dia ahitana karazany maro izany: famipiasana fitaovana fahita andavanandro toy ny antsy, fanomezana poizina, fitifirana amin'ny basy, fampiasana fitaovana hary fomba sy lafo vidy dia ny basy misy bala “*cyanure*”.

Tsapa tamin'ny fanadihadiana ny toe-javatra manova fa efa manomboka ny famahana ny olana. Raha ny marina aza dia toa efa vaha-olana ireo fifandonana isan-karazany. Izany moa dia mitondra ho amin'ny fiafaran'ny tantara.

2.1.3. Ny toe-javatra iafarana:

Lafin-javatra telo no misongadina ao amin'ny fiafaran'ny tantara foronina nosoratan'i ***Faralahy*** dia: ny fisamborana ireo fahavalo, ny fahitana ny tsiambaratelon'izy ireo, ny fanehoana ny fandresen'ny mpandray anjara fototra sy ny fitaterana ireo asa vitany.

2.1.3.1. Ny fisamborana ny fahavalo:

Ny ankamaroan'ny tantara, raha tsy izy rehetra mihitsy aza, dia miafara amin'ny fisamborana ny fahavalo. Hita izany ao amin'ny RMP, VA, ET.

RMP: Azo babo avokoa ireo jiolahy notarihin'i Tanassis. Tsy nahomby ny tetika fanonganam-panjakana nomanin'izy ireo teto Madagasikara.

VA: Voasambotra i Eva Rafieldmond lehiben'ny mpanondrana harena sarobidy. Nentina niaraka taminy ireo harena sisa tsy lasan'ilay sambo mpitondra entana an-tsokosoko mankany ivelany.

ET: Voasambotra daholo ireo jiolahy sisa tavela tao amin'ny tobin'Andasitsota, toerana fanondranana olona an-tsokosoko, ary nentina namonjy ny renivohitra.

Azo babo daholo ireo fahavalo araka izany. Ireo avy any amin'ny faritany, dia notaterina mba hamonjy ny renivohitra. Nandray ny valin'ny asa ratsiny avokoa izy ireo. Nandritra ny famotorana natao azy ireo no nahafantarana ny tsiambaratelon'ny asany.

2.1.3.2. Fahitana ny tsiambaratelo:

Miharihary avokoa ny tsiambaratelo ao amin'ny RMP, VA, ET, MA, AS.

RMP: Ny fanadihadiana natao tamin'ireo jiolahy notarihin'i Tanassis no nahafantarana fa teratany vahiny iray no rangory fototry ny afo amin'izao tetika fanonganam-panjakana izao. Hita tao aminy avokoa ireo antontan-taratay mirakitra ireo fifanarahana amin'ny firenena any ivelany rahatrizay tonga eo amin'ny fitondrana izy.

VA: Rehefa voasambotra i Eva sy ny namany dia fantatra fa mpanondrana harena sy zava-tsarobidy an-tsokosoko mankany ivelany izy ireo, taolam-paty vatosoa sy harena ankibon'ny tany samihafa.

MA: Tonga teto Madagasikara i Andry rehefa avy ao Afrika Atsimo toerana misy ny foiben'ny mpikarama an'ady na "camp n° 04". Voandalana nentiny tamin'izany ny "dossier operation Madagasikara" mirakitra ny asan'ireo mpikarama an'ady.

ET: Hita ny toby fanondranana olona an-tsokosoko tao Andasitsota. Fitaovana hary fomba no nampiasain'izy ireo hanaovana ny asa ratsiny: milina fanotam-pirinty, fitomboka sandoka, kara-panondro sandoka.

AS: Nomen'i Hedrick Gunther an'i Andry ireo antontan-taratasy mirakitra ny fikarohana nataony momba ny baomba atomika, antontan-taratasy izay nokarohin'ny fotsy hoditra hatraiza hatraiza, ka namoizana ain'olona maro.

Nahomby avokoa araka izany ny asa fikarohana nataon'i Andry. Fantatra tamin'izany ireo zava-miafina izay tsy nampoizin'ny fanjakana malagasy ny fisiany.

2.1.3.3. Fandresen'ny mpandray anjara fototra sy fitaterana ny asa vitany :

Rehefa tafaverina i Andry, dia nitatitra ny asa vitany tao amin'ny Ministeran'ny ati-tany , sy tamin'ny vahoaka Malagasy ihany koa. Maneho izany ny tantara RMP, ET, AS.

RMP: Nivoaka ho mpandresy hatrany i Andry nandritra ny fifandonana tamin'ny andian-jiolahy notarihin'i Tanassis. Namaranany ny asany ny fitaterana ny asa vitany tamin'Ingahirainy, sy ny filazana ny tetika maty paika efa novolavolain'ireo jiolahy.

MA: Nakotroka ny fandraisana an'i Andry nony tonga teto Madagasikara izy. Nambara nandritra ny tatitra fa fanahy iniana natao ny fanosoram-potaka an'i Andry ho mpanodinkodina ny tsiambaratelon'ny firenena Malagasy mba hahafahana miara-miasa amin'ireo mpikarama an'ady.

ET: Notaterin'i Andry tao amin'ny ministeran'ny ati-tany ny fisian'ny toby fanondranana olona an-tsokosoko any Andasitsota, sy ny volabe azon'izy ireo vokatry ny fanondranana olona an-tsokosoko eto Madagasikara.

AS: Natolotr'i Andry ho an'ny fanjakana Malagasy nandritra ny tatitra nataony ny anjara lovan'i Landy avy amin'i Hedrick Gunther fofombadiny, anjara lova izay mirakitra ny voka-pikarohana nataon'i Hedrick Gunther fahavelony.

Araka ireo tantara foronina nohadihadiana, dia hita fa fahombiazana hatrany no azon'i Andry any amin'ny fiafaran'ny tantara na dia matetika saika namoy ny ainy aza izy. Fahafaham-po sy fiderana hatrany no nasetrin'ny vahoaka Malagasy izany herim-pony izany.

Nohazavaina teo ny firafitry ny tantara foronina amin'ny ankapobeny. Toe-javatra telo no hita ao aminy dia ny toe-javatra iandohana, ny singa manova ary ny toe-javatra iafarana.

Tsikaritra ao amin'ny toe-javatra iandohana ny olana toy ny fanimbana sy ny herisetra isan'ambaratongany. Miantomboka amin'ny fanimbana ny fitiavan'olon-droa sy ny fiainam-piankohonana ary mitohy hatrany amin'ny fanimbana ny fianam-pirenena ny tantara.

Misongadina ao amin'ny toe-javatra manova ny famahana ny olana. Anisan'izany ny fisian'ny ady sy ny fahafatesana mandritra ny fikarohana ny fahavalo.

Aseho ao amin'ny toe-javatra iafarana ny fahombiazan'ny mpandray anjara fototra ny fankasitrahan'ny vahoaka Malagasy azy.

Taratra tao amin'ny fanadihadiana ny firafitry ny tantara foronina amin'ny ankapobeny ny zava-bitan'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara. Ndeha hofantarina misimisy kokoa ny momba azy ireo.

2.2. Ny mpandray anjara ao amin'ny tantara

I François Mauriac dia milaza fa zava-dehibe eo amin'ny fitantarana ny mpandray anjara⁽²⁹⁾. Ny mpandray anjara no antoky ny hetsika rehetra. Samy manana ny endrika amampombany ny mpandray anjara tsirairay avy. Anisan'ny mampiavaka ny mpandray anjara tsirairay amin'ny hafa ny anarana isalorany. Io no ndeha hanombohana ny fanadihadiana, alohan'ny hijerena mifanesy: ny anjara toerany ao amin'ny tantara(mpandray anjara fototra na mpanampy),ny toetrany ,ny fari-piainany.

2.2.1. Ny anaran'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara:

⁽²⁹⁾ FRANÇOIS MAURIAC, op. cit tak 108 : « dans le récit, un personnage a d'importance ».

Toy ny olombelona miaina ao anatin'ny fiaraha-monina,; dia samy manana ny anarany avokoa ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara Ny anarana moa no anavahana ny olona tsirairay.

I Wellek sy i Warren dia manambara fa ny fanomezana anarana azy no ahazoana manavaka ny olona iray amin'ny hafa⁽³⁰⁾. Noezahin'i Faralahy ny hanome heviny ny anaran'ireo mpandray anjara nofinidiny fa tsy nataotaony foana akory.

Azo sokajiana telo izy ireo dia ny anarana Malagasy, ny anarana vahiny ary ny anarana mandray roa.

2.2.1.1. Ny anarana Malagasy:

Amin'ny ankapobeny dia anarana Malagasy no nomen'i Faralahy ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara. Maro ireo anarana miantomboka amin'Ingahy sy Ra izay mariky ny fanajana sy fanomezam-boninahitra. Indro ny fafana maneho izany:

Anarana	Tantara
Rabarinony	Aloka ML3
Razanabahoaka Rabe Zandriny	Rotaka maty paika
Ravelo Ralezo Raozy	Vazimban'Ambato
Rakamisy	Vohitry ny horohoro
Ranaly Ranandria	Mpikarama an'ady
Ratrimo Rakotozafy Fidy Rafika Rasoanary Razady	Eva takalon'aina
Ingahy Razafy	

⁽³⁰⁾ R. WALLEK et A. WARREN, op cit tak 306 : « le nom propre des personnages est le premier stade de leur individualisation ».

Ingahy Rainisoa Ingahy Rasendra	Vazimban'ambato
Ingahirainy	Tantara rehetra

Ankoatra ireo, dia ao ireo anarana izay mirakitra hevitra mafonja avokoa, toy ny hoe: Andry, Tsimilefa, Soatoly.

Andry: Voalaza ao amin'ny Firaketana⁽³¹⁾ fa ny Andry dia olona iankinana na ianteheran'ny sasany. Ao amin'ireo tantara rehetra dia fototry ny tantara i Andry, no sady « Andry » ianteheran'Ingahirainy amin'ireo asa rehetra ampanaovina azy. Tontosain'i Andry an-tsakany sy an-davany avokoa ireo asa nankinina taminy.

Tsimilefa: Maneho ny tsy fananana tahotra, ny tsy fandosirana eo anoloan'ny sarotra. Voaporofa izany ohatra tamin'ny fahasahiany milalao ireo taolam-paty, sy ny fanohizany ny asany tamim-pahatoniana na dia maty aza i Velonandro mpiara-miasa taminy.

Soatoly: anarana mitory hatsaran-tarehy amam-bika.

- Ireo jiolahy kosa dia nomena anaram-bositra avokoa, toa an'i Sokrila, Vainafo, Tombo.

2-2-1-2 Ny anarana vahiny:

Nokendren'ny mpanoratra homena ireo mpandray anjara mahery setra jiolahy na tsia sy ireo teratany vahiny, ny anarana vahiny avy amin'ny vazan-tany efatra izany: **Song, Lue, Seniama, Glenovitch, Hedrick Gunther, Den Harbob, Sam Wai Su...**

⁽³¹⁾ Firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy litera A. tak 228

Avy any Eropà no fiavian'ireo jiolahy amin'ny ankapobeny. Indro ny fafana maneho ny sasantsasany:

Tantara	Anarana	Anjara asa	Fiaviany
Aloka ML 3	Ken Martin Kruger Graslov	Jiolahy Jiolahy	Tsy voalaza anarana Eropa avaratra
Rokata maty paika	Tanassis Glenovitch Song Lue Nzulu	Jiolahy Jiolahy Jiovavy jiolahy	Metisy Eropà Afrikana, Grika Metisy Mongol afrikana Metisy aziatika mainty hoditra Tsy voalaza
Vazimban'ambato	Eva sy Clem	Jiolahy	Tsy voalaza
Vohitry ny horohoro	Pedro sy Sonia Melik Octave Strom sy Griffin	 Jiolahy	Aostraliana Palestina Rhodesie Tsy voalaza
Eva takalon'aina	Hans Ulysse Razady Basir	Jiolahy Jiolahy	Tsy voalaza Tsy voalaza Karana (Inde)
Mpikarama an'ady	Connor Bob Den Har=Den Har Bob	Jiolahy Jiolahy	Eropa avaratra Tsy voalaza
Ady saritaka	Hedrick Gunther Jomo Samora Mbakele Abidiop Seniama Sam Wai Su		Afrika atsimo (fotsy hoditra) Afrika atsimo (mainty hoditra) Chine

2.2.1.3. Ny anarana mandray roa

Ny anarana mandray roa dia ireo anarana Malagasy sy vahiny miaraka toy ny hoe Razady Basir sy Ravelo Edmond. Misy amin'ireo anarana mandray roa ireo no anarana Frantsay no gasiana toy ny:

I **Félix** lasa hoe **Fely** ao amin'ny RMP

I **Flore** lasa hoe **Flora** ao amin'ny RMP

I **Margueritte** lasa hoe **Grity** ao amin'ny ET

Mpandray anjara mpanampy avokoa ireo nomena anarana mandray roa ireo. Hita ao amin'ireo anarana mandray roa avokoa ny sokajin-taona antitra sy tanora. Omena ny anarana mandray roa na lahy na vavy.

Araka izany, dia manana ny lanjany ny anaran'ny mpandray anjara. Toa efa mampahafantatra sahady ny mety ho fizotry ny tantara izy ireny. Efa ahazoana maminavina izay mety ho andraikiny ao amin'ny tantara ihany koa.

2.2.2. Ny anjara toerany ao amin'ny tantara: mpandray anjara fototra na mpanampy:

Mizara ho sokajy roa ny mpandray anjara ao amin'ny tantara dia ny mpandray anjara fototra sy mpandray anjara mpanampy. Ny mpandray anjara fototra no olona fototry ny tantara, koa hojerena voalohany ny momba azy.

2.2.2.1. Ny mpandray anjara fototra:

Avy amin'ny fahitana ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina no anehoan'ny mpanoratra ny mpandray anjara fototra⁽³²⁾. Ny mpandray anjara fototra no olona ifantohan'ny tantara eo am-piandohana ka hatrany amin'ny farany. Miseho mandrakariva izy, ary izy no iorenan'ny tantara. Ny mpandray anjara fototra dia ny mpandray anjara ao amin'ny zana-tantara nentina nanangana ny tantara iray manontolo.

Ao amin'ireo tantara foronina nosoratan'i *Faralahy*, ny mpandray anjara fototra dia i Andry hatrany. Manao fanadihadiana sy mikaroka ny olo-meloka hatrany izy. Izy no mitarika ny fanadihadiana sy miantoka ny fandrosoan'izany. Ao amin'ny tantara MA moa dia i Andry irery no mpandray anjara fototra mandra-pahatapitry ny tantara iray manontolo.

Any amin'ny tantara sasany kosa anefa, dia toa misy ihany mpandray anjara hafa fototry ny tantara.

- Ao amin'ny ET dia i Eva no fototry ny tantara ao amin'ny fizarana voalohany, i Andry no mpandray anjara fototra ao amin'ny fizarana maromaro manaraka, any amin'ny fiafaran'ny tantara vao miara-miseho izy ireo.
- Toy izany koa no hita ao amin'ny tantara AS: I Hedrick Gunther no olona fototry ny tantara ety am-piandohana; eny anelanelan'ny fizarana i Andry vao mandray anjara ary hita foana izy manomboka eo ka hatramin'ny faran'ny tantara. Dia miara-miseho izy ireo any amin'ny faran'ny tantara.

Eo anatrehan'izany dia noraisina ho mpandray anjara fototra ny olona na vondron'olona ifotoran'ny tantara.

Marihina fa ao anatin'ny fahatanorany tokoa ireo mpandray anjara fototra. Manodidina ny 30 taona eo ho eo avokoa izy ireo ka tsy mahagaga raha itoeran'ny herim-po sy ny herin-tsaina.

⁽³²⁾ F. MAURIAC, op cit tak 113 : « les heros du roman naissent du mariage que le romancier contracte avec la réalité ».

Lehilahy ny ankamaroany. Angamba noho ny tantara maneho herisetra?

2.2.2.2. Ny mpandray anjara mpanampy

Ny mpandray anjara mpanampy araka izany anarana izany dia manampy ny mpandray anjara fototra mba hampandroso ny tantara sy hahatonga azy hahaliana.

Azo sokajiana ho roa miavaka tsara ny mpandray anjara mpanampy ao amin'ireo tantara nohadihadiana, dia ireo niharan'ny herisetra⁽³³⁾ sy ireo olo-meloka⁽³⁴⁾. Hojerena tsirairay avy ny momba azy ireo.

a). Ireo niharan'ny herisetra

Ireo niharan'ny herisetra dia mbola misokajy ho roa koa dia ireo mpiara-miasa amin'ny jiolahy, sy ireo olon-tsotra. Izy ireo dia samy novonoina noho ny fiahiahiana sao hamoaka ny tsiambaratelon'ny mpanao ratsy, na sao hilaza ny zava-misy marina.

Misy amin'izy ireo moa dia novonoina tsotra fotsiny izao. Ireo olo-meloka moa no tompo-marika tamin'ny famonoana azy ireo.

b) Ireo olo-meloka

Ireo mpandray anjara mpanohitra ao amin'ny tantara no olo-meloka. Ny fikarohana azy ireo no votoatin'ny tantara. Saika sokajin'olona miaina ivelan'ny fiaraha-monina aradalàna avakoa izy ireo. Tsy manana taratasy ara-panjakana ny ankamaroan'izy ireo. Vahiny moa no maro an'isa aminy, indrindra moa ireo lehiben'ny jiolahy. Santionany amin'izany ireto: Glenovitch, Abdul, Nzulu, ao amin'ny RMP, ary i Yannick Connor ao amin'ny MA.

- RMP tak 166:

⁽³³⁾ Nandikana ny hoe « victime »

⁽³⁴⁾ Nandikana ny hoe « criminel »

“Ny hany tonga tany am-pototsofin’ny vahoaka dia ny filazana tamin’ny fampielezam-peo ireny fampitandremana ireny ho an’izay sendra mahita mpivahiny tsy manana taratasy ara-dalàna fa niditra an-tsokosoko eto amin’ny firenena na mainty na fotsy”.

Anisan’ireny tokoa mantsy ry Glenovitch sy Abdul ary Nzulu. Tsy hita hatraiza hatraiza ny lalana an-kolaka sy an-kinafinafina nidirany teto amin’ny firenena.

- MA tak 145:

“() Izaho no Yannick Connor ... Mizaha tany lian-karena ...

tak 193: “() mitety faritany samihafa eto amintsika hono ny vahiny vitsivitsy milaza azy ho mpizaha tany, izay mampiahiahy”.

Eny am-piandohan’ny tantara, dia tsy fantatra mihitsy hoe olon-dratsy anie izy ireo. Any amin’ny farany vao miseho ny asa ratsiny, tahaka izay hita ao amin’ny VA sy RMP:

- VA: any amin’ny faran’ny tantara vao fantatra fa mpanondrana entana sarobidy sy taolam-paty i Eva Rafieldmod.
- RMP: Nisambotra an’i Tanassis fotsiny i Andry tany am-boalohany fa tsy mbola fantany ireo zava-dratsy kotrehiny.

RMP tak 173:

- “Tsy fantatro mazava. Vorom-be mihitsy angamba izany tratrantsika aty amin’ity toerana ity izany”.

Manjaka ao amin’ireo olo-meloka ny toe-tsaina te-hamaly faty araka izay hita ao amin’ny VA: novonoina Ingahy Ravelo noho ny tsy fanekenany hiara-miasa amin’ireo jiolahy. Toy izany koa ny hita ao amin’ny ET: novonoin’i Josoa i Eva nony tsy nety niaraka taminy intsony.

Teo ihany koa ny fitiavan-karena diso tafahoatra, ka izany no nahatonga azy ireo hanao heloka be vava. Ahitana io fitiavan-karena diso tafahoatra io ao amin’ny

tantara foronina RMP: Nanakorontana ny Malagasy ireo jiolahy tarihin'i Tanassis sy ny namany noho ny faniriana hanan-karena tampoka amin'ny alalan'ny fanonganam-panjakana.

Toy izany koa no hita ao amin'ny ET:

Volabe an-tapitrisany no azon'ireo mpampiditra olona an-tsokosoko eto Madagasikara izay tarihin'i Josoa sy Hans ary Ulysse.

Teratany Malagasy sy vahiny ireo mpandray anjara mpanampy ary avy amin'ny vazan-tany efatra, ka ao ny fotsy hoditra ao ny mainty hoditra, ao ny hafa.

Mba hahafantarana misimisy kokoa ny momba azy ireo dia ndeha hojerena ny fanoritsoritan'ny mpanoratra ny toetrany.

2.2.3. Toetry ny mpandray anjara:

Hojerena mifanesy ny toetra ivelany sy ny toetra anatiny.

2.2.3.1. Toetra ivelany:

Mampiavaka ny mpandray anjara ao amin'ireo tantara foronina maneho ny asan'ny mpitandro filaminana nosoratan'i *Faralahy* ny sokajin-taonany, ny fitafiana anaovany, ny bika aman'endriny.

Ao amin'ireo tantara rehetra, dia tovolahy bikana, vaventy, ranjanana, matanjaka, matsilo maso, eo amin'ny telopolo taona eo ho eo hatrany i Andry.

Miovaova anefa ny fisehoany ivelany arakaraka ny toe-javatra mitranga. Izany moa dia ny mba hahafahany manatanteraka ny asany. Maneho izany ireto ohatra holazaina manaraka ireto, ohatra notsoahina avy ao amin'ny tantara MA:

Nandritra ny fotoana nitanana an'i Andry tany am-ponja dia nanao fitafiana mitovy amin'ny an'ireo namany izy.

MA tak 9 : *“toa ohatry ny mitovy endrika avokoa ny fijery azy rehetra amin'izato loha nokakasana sy ny tava malotoloto rakotry ny volom-bava ela tsy noesorina”*.

Taorian'ny nitsoahany ny fonja, mba tsy hahafantaran'ny olona ny endriny, dia nanova fitafy sy famindra i Andry nandritra ny diany tany Toamasina.

MA tak 48-49:

“Nony nanao azy i Andry dia tena tsy fantatra intsony fa niova hatramin'ny famindrany”.

“Nanjary lehilahy efa zokinjokiny, rakotry ny volom-bava ny tarehiny, manao solomaso matevin-taho ary misatroka bonetra kely sofina. Na ny hogo volony aza, dia nanjary nahalava ny endriny. Izato famindrany somary mandringa ny tongotra havia fa fanahy iniaina nosesefana baoritra tao amin'ny vokitongotra. Ny akanjo nanaovany moa dia komple volombatolalaka efa somary antitrantitra ihany, sady didy efa tamin'ny frantsay. Tsy nisy nahafantarana azy tokoa olom-baovao no nivoaka ny trano”.

Mahafinaritra ny mpanoratra ihany koa ny mandoko amin'ny antsipiriany ny fitafian'ireo mpandray anjara manana ny ampy. Ohatra ahitana ny ET sy RMP.

“Lehilahy 30 taona mahery kely i Josoa “ngetroka” no filazan'ny sasany azy. Akanjo complet tsara didy volon-tsokolà mazava volo no teo ambonin'ny lobaka maitso lokon-tavoahangy sy karavato volonondry matevina kaki. Ny kiraro kosa dia tena kiraro hoditra karazan'irony hodi-boay mampirapiratra fatratra. Rehefa mamindra ny lehilahy dia tsikaritra indraindray ny bà manify toa lasoa lasa kaki”.

ET tak 10

“Akanjo tsotra dia tsotra mitokontany fotsy feno voninkazo kely madinika isan-karazany sy maro loko no nanaovan'ity vehivavy. Saingy toa tsara didy ery, ary manendrika azy tokoa. Ny volony mifatotra amin'ny ribà mitovy loko amin'ny

akanjony avy ao an-damosina. Ny kiraro lamba somary kelikely vodin-tongotra ary mifatotra anoloana. Miloko fotsy sy manga malefaka. Mifanendrika avokoa amin'ny fihetsiny izany rehetra izany.

Ireny fitafiana ireny, dia efa maneho sahady ny zava-kinendrin'ilay olona, na ny toetra anatin'ny mihitsy.

2.2.3.2. Toetra anaty:

Ny fisian'ny mpandray anjara asehon'ny fihetsiny no lazaina hoe toetra anaty eto. Toetra roa no hita misongadina ao amin'ireo tantara: Ny fananana herim-po sy ny fitiavana setratsetra.

a. Ny fananana herim-po:

Voalohany amin'ireo herim-po i Andry. Vonona mandrakariva hanatanteraka ny asany izy, na dia mety hiafara amin'ny famoizany ny ainy aza izany. Saika maneho izany ny tantara rehetra: AS, MA, VA...

AS tak 138 :

« Tsy tolonao mivantana izy ity ry Andry. Raha mbola tafajanona eto fahefatr'adiny fotsiny ianao dia tsy afaka hiala intsony.

Io i Barrik mbola vonona ny hitondra anao hiala eto, hamonjy toerana ahazoanao mialokaloka. () tsy fantatra rahateo koa izay avoaky ny androany. Ary farany, ho sarotra ny hiaro anao eto Soreto.

- Hijanona aho hoy aho tamin'ao”.

Misongadina ao amin'i Andry ihany koa ny fananana herin-tsaina eo amin'ireo fotoan-tsarotra lalovany.

MA tak 138: “ny hany herin-tsaina sisa tavela tao aminy no nanampy an’i Andry hifotafota ireo akanjo teny an-koditr’ily miala aina”.

- **VA**: Na dia tsy mbola fantatr’i Andry aza ny ho fizotry ny fandihadiana ataony, dia tsy nisalasala nantona an’Ingahy Rasendra mpanao varo-maizina izy.

Tak 111-112:

“Ary na dia mbola tsy fantatra mazava aza ny fifandraisany amin’ny famonoana an’Itompokolahy Ravelo duia efa naman’ny miditra amin’ny ady ataontsika amin’ny mpamoaka entana an-tsokosoko avy eto ihany izy ity. () Mbola fanarahana am-bokony ihany aloha no inoako fa mety indrindra. Tsy mbola nifandray tamin’ny tena lohandohan’ny mpisorona aho mandraka androany”.

b. Ny fitiavana manao herisetra sy habibiana:

Ny fomba namonoan’ireo olon-dratsy olona dia ahitana toetra feno habibiana. Mampibaribary izany toetra bibibidy izany ny tantara **MA** sy **VA**:

- Ao amin’ny **MA** tak 137:

“Nisalasala izy nefa tsy maintsy nanatona ny fatin’ily lehilahy miahia tsinay. Narikoditra ary tena nangovitry mihitsy nandre ny fiboiboikan’ireo tsinain’olombelona mbola tsy nilaozan’ny aina tanteraka. Nanezaka ny tsy hijery ireo taova mahatsiravina i Andry”.

- Toy izany koa ny fomba namonoana an’Itompokolahy Ravelo ao amin’ny **VA**.

VA tak 8:

“Fery avokoa ny endrik’ity lehilahy. Tsy misy ahafantarana azy mihitsy fa hoatry ny norasarasaina tamin’ny antsy ka sahala amin’ireny hena vao nivoaka ny labatoara ireny”.

Toy izany sy toy izany ny toetran'ireo mpandray anjara. Ndeha hovahavahana farany ny momba ny fari-piainany.

2.2.4. Ny fari-piainan'ny mpandray anjara:

Azo zaraina ho ao anatina sokajy telo ireo mpandray anjara ao amin'ireo tantara foronina: ny manana ny ampy indrindra eo amin'ny vola hoenti-miasa, ny antonontonony, ny mahantra.

2.2.4.1. Ireo manana ny ampy:

Maro amin'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara no manana ny ampy na ny avy amin'ny mpitandro filaminana izany, na ny avy amin'ireo olon-dratsy.

a. Avy amin'ny mpitandro filaminana:

Ny mpanao fanadihadiana dia olona manam-pahaizana sy manana ny ampy. Mandritra ny fanatanterahany ny asany dia malala-tanana tokoa izy ireo.

b. Ireo olon-dratsy:

Manana ny ampy ihany koa ireo olon-dratsy. Taratra izany amin'ireo sokajin'ny fitaovana ampiasainy amin'ny fanatanterahana ny asa ratsiny.

- Ao amin'ny ET dia basy tsy fahita andavanandro no namonoana an-dRazady, irony basy ambony karazana irony basy misy bala “cyanure”.

ET tak 55: ***“Raha lazaina tsotsotra dia fahafatesana « importé » no azo ilazana azy. Basy no nitifitra an-dRazady, saingy tsy mba basy mamoka bala toy izay fahita andavanandro, fa basy mamafy poizina manapitra ny ain'izay voany ao anatin'ny ampahana segondra fotsiny. Bala “cyanure” no filazan'ireo mahay azy, ary fitaovana tsy eo am-pelatanan'ny sarambaben'olona velively”.***

Taratry ny fananan-karena ihany koa ny fahatsaran'ny fanaka ao an-tranon'i Eva Rafieldmond, na dia lavitry ny tanàn-dehibe aza no misy azy.

- *“Toerana kanto tokoa raha kanto, trano lehibe velarana, tsy misy rihana, miloko fotsy sy maitso antitra eo afovoan'ny hazo midoroboka mahafinaritra”.*

VA tak 99

- *“Fatratra dia fatratra tokoa ny tao an-trano. Tsy azo heverina amin'ny maha lavi-toerana azy. Ao daholo ny kojakoja ilaina rehetra”.*

VA tak 102

Ireo harenan'ny olon-dratsy ireo dia vokatry ny fanodikodinany ny harena ankibon'ny tany sy ny fananan'ny firenena Malagasy.

2.2.4.2. Ireo manana fari-piainana antonony:

Tsy misy anavahana azy manokana ireo manana fari-piainana antonony ao amin'ny tantara. Amin'ny ankapobeny dia mpandray anjara mpanampy izy ireo, mpandray anjara natao mba ho haingon'ny tantara fotsiny ihany. Anisan'ireny i Lenine ao amin'ny RMP, sy Soatoly mpivarotra ao Andasitsota, toerana nivantanana'i Andry ao amin'ny tantara ET.

- *“Taratry ny fari-piainan'i Lenine ny endrik'ireo fanaka mandravaka ny tokantranony efitra kely tokoa, tsy nahitana fanaka firy afa-tsy fandriana sy latabatra iray ary seza telo”.*

RMP tak 14.

- Mpivarotra kafe sy sakafo tsotra no asan'i Soatoly.

“Ny iray kosa toerana fivarotana zava-pisotro no sady toerana fisakafoanana ho an'ny mpivahiny. Tao amin'ny faharoa no nivantanana'i Andry”.

ET tak 127.

2.2.4.3. Ireo mahantra:

Ireo mpandray anjara mpanampy sasany no ianjadian'ny fahantrana ao amin'ny tantara. Vokatry ny fahakambotiany na ny fampijaliana atao aminy no nahatonga ny fahantran'izy ireo.

- I Eva ao amin'ny ET dia nihanahantra noho ny fahakambotiana sy noho ny fampijalian'i Josoa azy. Noroahin'i Josoa tsy hiara-hitoetra aminy intsony izy, ary nodominy tamin'ny fiara nony hitany tany an-dalana ka tsy afaka nanohy ny asany intsony.

“Io no nahalavo ahy toy izao. Mbola sahiny vao teo ny nanambara fa izy no nandona ahy tamin'ny fiara ary nahatonga ahy tahak'izao. ()

Nifangarika tamin'ny zavatra sarobidy tao an-trano ny fijoroany teo an-tokonana teo. Izato akanjo tsy zarizary, izato volo misaritaka, na ny endriny aza toa vasobasoka”.

ET tak 177.

- Vokatry ny fahakambotiany no nampahantra an'i Sokrila. Tsy nahita asa hamelomany ireo zandriny izy ka voatery nangalatra sy nanao asan-jiolahy.

“Tsy azo lazaina ho lehilahy ratsy i Sokrila, saingy voan'ny tsy fidiny satria kamboty vetivety, ary tsy maintsy mitolona mbola zaza tamin'ny ngidin'ny fiainana”.

RMP tak 47.

Fehiny:

Ny fanadihadiana ny fiainan'ireo mpandray anjara no nahitana fa nampitombo ny fari-piainan'ireo olon-dratsy ny fanodinkodinana ny harem-pirenena. Etsy ankilan'izany kosa dia nihanahantra ireo vahoaka noho ny hasomparan'ny fiaraha-monina sy noho ny tsy fananana mpiahy.

Nodinihina teo ny momba ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara. Hain'i *Faralahy* ny nampifanaraka ny toetoetran'izy ireo amin'ny anjara asa notazoniny. Tsy latsa-danja

noho izany koa ny fahaizany nifidy ireo toerana namelomany ny tantara. Andeha hofakafakaina ny momba azy ireo.

2.3. Ny toerana ao amin'ny Tantara foronina:

Ilaina eo amin'ny tantara foronina ny fanoritsoritana ny toerana. Ankoatra ny maharavaky ny tantara azy, dia natao indrindra hanasongadinana ny hetsika ao amin'ny tantara izy. I Lucien Febvre ao amin'ny Combat pour l'histoire dia milaza fa ny toerana no fangitra voalohany iorenan'ny tantara⁽³⁵⁾. Manamafy izany i Joëlle G ao amin'ny dictionnaire de critique littéraire manao hoe: “fototra iorenan'ny fitantarana ny toerana”⁽³⁶⁾.

Raha hanangana zavatra iray, dia tsy maintsy faritana ny toerana hisy azy. Tahaka izany eo amin'ny famoronana ny tantara foronina. Mba hampitombona ny tantara dia ilaina fantarina ny toerana isehoany. Amin'izay koa hoeken'ny mpamaky ny fahamarinan'ny toerana zavatra tantaraina.

Andeha ary hotomorina akaiky ny toerana ambara ao amin'ireo tantara foronin'i *Faralahy*. Hofantarina aloha ireo toerana tsy voafaritra ara-jeografia, vao hatao ny fanadihadiana momba ireo toerana voafaritra ara-jeografia.

2.3.1. Ny toerana tsy voafaritra ara-jeografia

Antsoina hoe toerana tsy voafaritra ara-jeografia ireo toerana tsy voafaritra amin'ny fomba hentitra fa tondroina amin'ny fomba malalaka fotsiny, na ny marimarina kokoa toerana tsy ho hita ao amin'ny sarin-tany. Ohatra: eny an-tsena, ao anaty fiara, any an'arabe, eny ambony fiaramanidina, any an'ala. Ohatra vitsivitsy no hatolotra.

⁽³⁵⁾ Lucien FEBVRE, Combat pour l'histoire, Armand Colin, 1965, tak 038 : « premier coordonnée : l'espace »

⁽³⁶⁾ JOELLE GARDES TAMINE, dictionnaire de critique littéraire, Armand Colin, 1993, tak 111 : « les lieux sont des unités de base du discours »

- AML3: tak 64: *“lasa niantsena Ralinina amin’ny valo ora latsaka kely ao anaty fiara:*

“Tsy mbola maryl akory ny maoteran’ily fiara dia niditra ny varavarana teo akaikin’ny saofera sy tany ambadika sahady i Andry sy ny namany”.

- RMP: tak 136:

“fa mafana ny fifanenjehan’i Letody nanaraka iny sisin’arabe iny”.

- VA: tak 17:

“kanjo raha hiampita arabe indrindra izy dia nisy aloka tampoka nanandrana azy”.

- MA: tak 186:

“tsy nanitsy ny lalana nalehan’ily fiaramanidina. Nihodinkdina mihitsy aza, ireo mba nanandrana hamantatra ny lalana dia tena voan’ny tamberin-tany, tsy nahita intsony ny atsimo sy avaratra”.

- ET: tak 75:

“tsy nanam-potoana hiraharahana i Eva, vao tafavoaka ny varavarana izy dia efa nipololotra avy ao anaty fiara ilay voafidy hiahy azy”.

- AS: tak 70:

“tongotra an-katoka izy roalahy nanavatsava ny ala”.

Ireo notanisaina ireo dia saika toerana faleha andavanandro avokoa. Fa ambonin’ireo, dia mbola misy toerana roa voalaza matetika ihany koa: ny hôtely sy ny fonja.

- **Ny hôtely**, satria noho ny asany, dia voatery miditra any amin’ny hôtely foana i Andry mpandray anjara fototra.

- **Ny fonja**, satria mifototra amin’ny fanenjarahana ny mpanao ratsy ny tantara. Marihina fa ampiasain’ireo farany koa ny fonja hanibohana ireo mpanenjika azy.

- Indreto misy ohatra vitsivitsy amin’ireo hôtely filasian’i Andry:

- AML3: hôtely Ambassador tak 153:

“namonjy ny hôtely Ambassador i Andry ary naka aina tao amin’ny efitrany rehefa avy nihinan-kanina kely izay zakan’ny vavony”.

- RMP tak 109:

“raha vao misy zavatra hafahafa dia antsoy aho any amin’ny hôtely Major”.

- MA tak 142:

“Tonga tao amin’ny hôtely kintana ihany i Andry nony farany”.

- Indreto kosa ireo santionan’ny fonja voalaza ao amin’ny tantara:

• AS tak 150: fonja nanidiana an’i Seniamana. Tao anaty lakaly i Seniamana no nohidina taorian’ny nisamborana azy.

“Tsy nila nitady ela fa efitrefitra telo fotsiny no nisampantsampana tao amin’ity lakaly. Vao niantso tokana an’i Seniamana koa dia namely avy hatrany ilay tompon’anarana”.

• VH: Fonja nanidiana an’i Profesora Rodriguez, Carson, Andry ary Sonia taorian’ny nisamboran’i Profesora Griffin sy Strom azy ireo.

Tak 130: *“Notarihin’izy roalahy ireo mora foana i Andry sy ity Profesora hafa kely ary ela taorian’izay dia voahidy tao anaty efitra kely iray”.*

Tak 131: *“Ny fahatongavan’i Carson natosik’iretsy mpiambina hiditra ilay efitra no zava-baovao nanaitaitra”.*

- VH tak 133: “I Sonia Riton no notaritarin’izy telo lahy hiditra ny fonja”.
- RMP tak 148: Voasambotry ny jiolahy i Fely teo am-pitsikilovana ny tranon’i Flora ary nohidin’izy ireo tao anaty lakaly.

“Fa navelan’ireo mpampijaly azy i Fely nony ela (). Navalany tao anaty lakaly maizina tsy ahitana na inona na inona”.

Ireto toerana tsy voafaritra ara-jeografia ireo dia tsy soritan’ny mpitantara amin’ny antsipiriany, ary tsy voatondro mazava ny toerana misy azy. Andeha hodinihina manaraka ireo toerana voatondro mazava sy voafaritra ara-jeografia.

2.3.2. Ny toerana voafaritra ara-jeografia

Azo tsinjaraina ho roa ny toerana voafaritra ara-jeografia dia ny toerana eto Madagasikara, sy ny any ivelan’i Madagasikara.

2.3.2.1. Ny toerana eto Madagasikara:

Faritra maromaro eto Madagasikara no voaresaka any amin’ireo tantara; ny faritra afovoany, Antananarivo indrindra indrindra, faritra avaratra, ny avaratra andrefana, ary avaratra atsimon’ny Nosy.

a. Ny toerana eto Antananarivo:

Antananarivo no voalaza matetika satria nonenan’ny mpandray anjara nandritra ny fotoana maharitra. Io ihany koa no toerana misy ny foiben’ny Ministeran’ny ati-tany izay toeram-piasan’ny mpandray anjara fototra ao amin’ny tantara rehetra.

- Ao amin’ny AML 3 dia voalaza fa teny Anosy no nandraisan’ireo mpaka an-keriny an-dRabarinony.

Tak 7: “() *Nangina ny zaridainan’Anosy (). Nahatsiaro ny mason’ireo mpandalo nibanjina azy Rabarinony ka nandroso moramora ihany, manaraka iny sisin-dalana manoloana ny tranon’ny fandefasam-peo iny*”.

- Toy izao ny fitantarana ireo toerana nifanenjehan’i Andry sy Tanassis teto Antananarivo ao amin’ny RMP

RMP tak 170:

“Nanavatsava iny araben’ny fahaleovan-tena iny ilay jiolahy () efa nanomboka hiodina ho eny amin’iny lalana mankany Isoraka iny ilay fiarakaretsaka izay i Andry sy i Nary vao nirotsaka tao anaty fiara iray hafa ary nanome baiko ilay mpamily (). Niiakatra nankeny an-dohan’Analakely dia nidina an’Antsahabe ary nahazo iny route circulaire iny”.

- Manambara toerana kely ao Faravohitra koa ny mpanoratra aoamin’ny RMP ihany.

RMP tak 144:

“Mbola variana dia vari”ana i Sokrila mandahatra miaraka amin’ireto namany tery ambodi-tohatohatra miakatra ho eny Faravohitra”.

- Nifanao fotoana tamin-dRasendra lehiben’ny jiolahy teny Soarano i Andry. Ahitana izany ao amin’ny VA tak 113:

“Vao nigadona ny tamin’ny efatra hariva dia efa nijorojoro teny akaikin’ny zaridain’i Soarano i Andry”.

Toerana eto an-tampo-tanàna avokoa ireo. Tsy mahagaga raha fantatry ny mpanoratra tsara ireo satria mponina eto izy. Ireo tanàna sasany manodidina akaiky ny renivohitra ihany koa dia voaresaka. Anisan’izany Ambohidrapeto, Talatamaty, Ivato. Indreto ohatra roa maneho an’izany:

- AML 3: Teny **Ivato** no toerana nanateran-dRaharison an-dRabarinony sy Jaoba Lucien ary ireo vazaha mialoha ny nanjavonan'izy ireo.

Tak 39: “Nateriko teny **Ivato** izy ireo avy eo”.

- RMP: Tonga teny **Ivato** i Tanassis lehiben'ireo jiolahy eo am-piandohan'ny tantara.

Tak 7: *“Toy ny nentin’olombelona ilay Boeing lehibe nitolonjona malefaka tamin’ny “Goudron” n’ny seranam-piaramanidin’Ivato () Anisan’ireo mpandeha tao amin’ny 1ère classe i Tanassis”.*

b. Ny toerana any amin’ny faritany hafa:

Ny faritra atsinanana, avaratra andrefana ary avaratra no voatery matetika ao amin’ny tantara.

- Ny faritra atsinanana: faritanin’i Toamasina. Anisan’ireo jiolahy nitarika ny korontana tany Toamasina i Vainafy ao amin’ny tantara RMP.

RMP tak 70: *“Ny nanintona azy manokana dia ity anaran’i Vainafy ity () tsy mba enjehin’ny eritreriny amin’ny fanakorontanana tany Toamasina”.*

Nifindra monina tany Toamasina i Andry nandritra ny fanenjehan’ny fanjakana azy, ary niray tsikombakomba tamin’ireo jiolahy ao amin’ny tantara MA.

Voatery nanaraka an-dRasendra hatrany Ambato sy Rantabe i Andry ao amin’ny VA mba hahafantarany ny tsiambaratelon’ny asan’izy ireo ka:

“Roso ny dia ho any amin’izany Ambato izany”.

VA tak 120.

- **Ny faritra andrefana**: Mahajanga sy ny manodidina azy.

- Niainga avy eto Antananarivo i Andry sy i Fely ao amin'ny RMP mba hamotopototra ny fihetsiketsehana ao Mahajanga. Tonga hatrany Mahabibo izy ireo tamin'izany.

RMP tak 109:

“Mahajanga mbola tony no nivantanana'i Andry sy i Fely ary i Letody”.

Tak 119: ***“Rehefa avy nametraka hafatra teny amin'ny mpitam-birao i Andry dia naka fiara ho eny Mahabibo”.***

- Ny ET dia mitantara ny fifanenjehan'i Andry sy ireo jiolahy tany amin'ny faritr'i Port Bergé, Mampikony, Antsohihy, hatrany Andasitsota: niserana tao Maevatanana i Andry, dia nanohy ny diany ho any Marovoay. Nijanona fotoana maharitra tao Marovoay izy nanao fanadihadiana izay vao nianavaratra nanaraka ny dian'ireo jiolahy ho any Port Bergé sy Mampikony. Tonga hatrany Antsohihy izy, ary tao amin'ny tanàna atao hoe Andasitsota vao afaka nisambotra ireo jiolahy. Io tanànan'Andasitsota io dia toerana tsy mbola nodiaviny mihitsy. i Soatoly, no niangaviany hanoro azy ny toerana:

“Tafatsangana mihitsy i Andry ary tsy hariny ka niangaviany i Soatoly mba hanoro azy izany tanànan'Andasitsota izany”.

ET tak 132

Rehefa hitany ny toerana dia niezaka izy hamantatra ny zava-miafina koboniny.

Hoy izy: ***“Hamantatra bebe kokoa mikasika an'Andasitsota sy izay afenina eto. Hampahafantatra ireo fahavalo fa vaky bantsilana ny tetika sy ny asa ratsiny”.***

ET tak 161

- **Ny faritra avaratra**: Antsiranana

Toerana fandalovana fotsiny Antsiranana.

Ao amin'ny tantara VH dia nitsangatsangana tany Antsiranana i Sahondra sy Andry mialoha ny nandraisany ny asany teto Antananarivo. Nambarany tamin'izany fa tombony ho an'ny Malagasy ny fisian'Antsiranana.

VH tak 30:

“Fa ho an'i Andry kosa () karazana fahafinaretana tsotsotra ho an'ny sainy aman-eritreriny ny fahazoana toky fa ho an'ny Malagasy tokoa “Antsiranana” sy ny momba azy ankehitriny”.

Efa hita tany amin'ny famakafakana ny momba an'ireo mpandray anjara fa misy amin'izy ireo no tsy Malagasy sady tsy monina eto. Ary na dia ny Malagasy mpandray anjara sasany aza, dia mipetraka any ivelany noho ny fianarana na noho ny antony hafa. Koa dia mitatra hatrany ivelan'ny Nosy ny fanadihadiana ataon'i Andry sy ny fanenjehany ireo olondratsy.

2.3.2.2. Ny toerana ivelan'I Madagasikara:

Toerana telo no misongadina: **Erôpa, Aostralia, Afrika.**

a. Erôpa:

Iray amin'ireo toerana tantaraina ao amin'ny VH sy AS ny faritr'i Erôpa, Parisy no tena misongadina amin'izany.

- VH: Parisy dia toerana niaingan'ny fanadihadiana nataon'i Andry. Nianatra tao Parisy Rakamisy, teratany Malagasy, sakaizan'i Pedro izay teratany Aostraliana.

Mpikambana mafana fo tao amin'ny FROLITIMO i Pedro, fikambanana manana ny foiben'ny tao Parisy. Matynisy namono tao Paris i Pedro sy Rakamisy.

- Ambara ao amin'ny AS fa tany amin'ny faritra avaratr'i Erôpa no toerana nifankahitan'i Landy sy i Hedrick Gunther, ary nanombohan'ny fifankatiavan'izy ireo.

b. Aostralia:

Ao amin'ny tantara VH dia ahitana ny tantaran'i Sonia Riton anabavin'i Pedro: zanaka fianakaviana mahantra avy any amin'ny toerana iray any an'efitra ao Musgrave izy ireo. Mponina ao amin'ny tanàna kely iray ao Musgrave / Oodnodatta any atsimo i Sonia, saingy noho ny fitadiavana dia niasa tao amin'ny Profesora Rodriguez izay monina zato kilaometatra miala ny fonenany izy.

Asehon'ny mpanoratra fa lavitra izany toerana misy an'i Sonia izany:

VH tak 75:

“Niala tao Paris, nankao Cambera renivohitr'i Australie, nanohy avy ao Australie indray ho ao Adélaïde, renivohi-paritanin'i Australie atsimo; 1000km mahery amin'ny fiaran-damasinina. Kilaototo tanteraka i Andry sy Camalo vao tonga tao Oodnodatta”.

Raha nanontany ny toerana misy an'i Sonia i Camalo sy i Andry tao Oodnodatta dia nambaran'i Adolphe fa:

VH tak 76:

“50km vao eto no misy ny tanànanany tena any ambanivohitra mihitsy. Musgrave no anarany”.

d. Afrika:

Ny ankamaroan'ny tantara nokirakiraina dia miresaka momba an'i Afrika atsimo avokoa, toa an'i AML 3, MA ary AS.

- Nalaina hiasa an-keriny ao Afrika atsimo ao Johannesburg i Jaoba Lucien sy Rabarinony ao amin'ny tantara AML 3. i Andry no notendrena hikaoka sy hitondra azy ireo an-tanindrazana.

- Ny tantara MA kosa dia mitantara ny fanarahan'i Andry ireo jiolahy mba hahafantarany ny asa ataony. Tonga hatrany an'efitr'i Afrika izy tamin'izany.

- Vontoatin'ny tantara ao amin'ny AS ny fanavakavaham-bolon-koditra ao Afrika atsimo. Nikasa ny hamonjy an'i Landy fofombadiny aty Madagasikara i

Hedrick Gunther, kanefa tsy nahazo nivoaka ny faritr'i Afrika atsimo. Nitatra ho tolony mainty hoditra tao Soreto sy Johannesburg izany. Nanampy ireo mainty hoditra tamin'izany i Andry. Nitondra ny hafatr'i Hedrick Gunther taty Madagasikara izy nony vita ny tolony mainty hoditra tao Afrika.

Araka ireo ohatra nomena ireo, niala teto Madagasikara i Andry ary nitety tany maro. Anisan'ireny Paris, Aostralia ary Afrika atsimo. Niverina teto Madagasikara izy nony vita ny asany. Nentiny niaraka taminy ireo vokatry ny fikarohana nataony.

Zava-dehibe ho an'i Andry mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara, ny tanindrazana fiaviana. Noho ny asany anefa dia voatery nandao azy matetika izy.

Hita tamin'izany fa na dia eto Madagasikara na ny any ivelany, dia toerana tena misy avokoa ireo notanisain'ny mpanoratra ireo. Izany no nataony moa, dia ny mba hanomezana endrika toa marina ny tantara. Mahaliana kokoa izy noho izany. Tsy notanisaina fotsiny anefa ireo toerana, izay marihina fa mivelatra dia mivelatra tokoa, fa nosoritsoritana ihany koa.

2.3.3. Ny fanoritsoritana ny toerana:

Zava-dehibe ny fanoritsoritana ny toerana. Sady manome endrika ny tantara foronina izy, no manampy amin'ny fahazoana izay tiana hambara ao ihany koa.

Fomba samihafa no ampiasain'i *Faralahy* amin'ny fanoritsoritana:

- fampiasana mpisolo toerana
- fandokoana ny tontolo manodidina
- fampahafantarana ny zava-misy eo amin'ilay faritra na toerana.

2.3.3.1. Fampiasana mpisolo toerana:

Eto dia filazana ny toerana ihany no ataon'ny mpanoratra, toerana izay heveriny fa fantatry ny mpamaky.

Ohatra:

ET tak 172: *“Etsy Ankadindramamy izy no mipetraka”*.

AML 3 tak38: *“Nandalo teto Behoririka izahay () Nateriko teny Ivato ry zareo avy eo”*.

Heverina fa samy mahafantatra tsara an'Ankadindramamy, Behoririka, Ivato ny mpamaky ary mahazo sary an-tsaina azy ireo koa dia ny mpisolo toerana manondro toerana hita maso “**etsy**”, “**eto**”, “**eny**” no nampiasainy.

2.3.3.2. Fandokoana ny tontolo manodidina:

Ambara hoe tontolo manodidina eto, na ny zava-boary isan-karazany toy ny ala, ny renirano, ny tendrombohitra sy havoana, ny biby amam-borona, na ny toe-tany sy ny toetr'andro. Indreto ohatra vitsivitsy nalaina tao amin'ny VA, VH, RMP maneho izany:

- VA tak 34:

“() Kanto dia kanto tokoa ilay toerana () nisy farihy lehibe iray koa teny amin'ny lafiny atsinanana, ary mampirapiratra aok'izany tarafin'ny masoandro madiva hilentika, vorom-potsy an-jatony no manomboka maka toerana teny an-tendron'ireo zozoro sy hazo manamorona ilay farihy. Manakoako ireo feom-biby isan-karazany indrindra ireo vorona mamonjy ny akany”.

Misongadina amin'io ohatra io ny fihiran'ny mpanoratra ny zava-boary amin'ny VH kosa indray dia mitantara ny fahatairana vokatry ny fandrenesana feom-biby samihafa ny mpanoratra. Ambarany fa:

- VH tak_99:

“Samy nanampy trotraka izany fifandiaham-peo izany koa ireo feom-biby isankarazany mbola tsy fandr; ao ny mitoreo, ny mitomany valala, ao ny feo afa mikorisakana ohatry ny lakolosy madinika”

RMP:

Samy manana ny toetr’androny ny faritra samy hafa manerana izao tontolo izao. Fomba entin’ny mpanoratra hanoritsoritana ny toeranaao amin’ny asa sorany koa izany . mampiavaka ny faritry mahajanga sy Aostazia ohatra ny toetr’andro mafana. Toy izao no hanehoan’ny mpanoratra izany:

RMP tak 101:

“Mafana manevokevoka toy ny mahazatra I Mahajanga io maraina io zara raha misy tsio-drivotra indraindray mitondra hatsiaka kely ho an’ireo mpiantsena sy mpiandry kilia ery amin’ny sisin’ny araben’ny Mahabibo iny hanin’ny hain’andro mingaingaina iny.”

Fomba iray hahafahan’ny mpanoratra manoritsoritra ny toerananelanelan’ny tantara ihany koa ny fandokoana ny toe-tany. Ny fisian’ny toe-tany maina no asongadina amin’ny fanoritsoritana ny faritra any ambanivohitry Aostalia Atsimo.

“ Tany tena karankaina. Mamasipasika tsy mahita rano matetika () tena “desert” mihitsy. Tsy ahitana zava-maniry afa-tsy irony tsilo be lava mitsipaka irony (). Tao amin’ny tanàna kelin’i Kilatoo vao mba nahita zava-boary tsindraindray i Andry”.

2-3-3-3- Fampahafantarana ny zava-misy eo amin’ily faritra na toerana

Ohatra vitsivitsy no hatolotra amin'ny fanazavana ny fomba fanoritsoritana ny toerana miainga avy amin'ny zava-misy.

- Avoitry ny mpanoratra ao amin'ny AML 3 ny fahasamihafan'ny fiainan'ny fotsy sy ny mainty hoditra ao Afrika atsimo nandritra ny fitetezan'i Fredina sy i Andry ny tananan'i Johannesburg.

“Ny teny afovoan-tananan'i Johannesburg mantsy dia toerana fiasana avokoa ary mangina sy vitsy olona rehefa alina ny andro. Mpitandro ny filaminana manao fisafoana no matetika mifanena. Ny fonenan'ny mponina dia eny amin'ny sisin-tanàna no tena ahitana azy ary mitsitokotoko araka ny volon-koditra koa. Ny fotsy, ny mainty, ny mavo, ny metisy sy ny sisa. Ny hita miharihary nefa dia ny fahasamihafan'ireny toerana fonenana ireny. Raha madio, milamina sy voaravaka zaridaina kanto ny an'ny fotsy, dia mitory fahantrana sy tsy zarizary kosa ny an'ireo hafa”

AML 3 tak_110

Taratry ny fijaliana mahazo ireo mainty hoditra ao amin'ny “Bar Zoulou” ao Afrika Atsimo ny fahateran'ny efitra misy azy ireo. Toy izao no fanoritsoritan'ny mpanoratra izany:

“Tsy lavitra loatra ny afovoan-tanàna ny misy azy. Trano hazo ihany koa. Tafo garazy. Raha ny marina dia natao ho an'ny olona tsy mihoatra ny folo. Nefa dia tena mifanitsa-kitro tokoa fa efa ho telopolo mahery ireo olona tao”

AS tak_102

- Manambara ny fiadanam-piaianan'i Eva Rafieldmond kosa ny fanoritsoritan'ny mpanoratra ny toerana misy azy any Ambato ao amin'ny tantara VA.

“Toerana mitokatokana izany no misy ity fonenan'i Madame Eva Rafieldmond ity. Toerana kanto tokoa raha kanto. Trano lehibe velarana tsy misy rihana, miloko fotsy sy maitso antitra eo afovoan'ny hazo midoroboka

mahafinaritra. Lavarangana lehibe no manoloana ny trano ary manatrika avy hatrany ny tora-pasika madio sy manify toy ny vovon-tsiramamy”.

VA tak 99.

Ny fanoritsoritana ny fanaka tao an-tokantranon’i Eva ihany koa dia ahazoana milaza fa tsy manan-java-mahory izy.

“Fatratra dia fatratra koa ny tao an-trano. Tsy azo heverina amin’ny mahalavitoerana azy. Ao daholo ny kojakoja ilaina rehetra. Nosokafan’ity vehivavy ilay “refrigérateur” ary noraisiny ilay tavoahangy feno ranom-boankazo. Naka vera iray izy nony avy eo ary nanantona ilay latabatra kely misy telefonina”.

VA tak 102

Azo tsoahina araka ireo ohatra ireo fa tsy nataon’ny mpanoratra ho ambanin-javatra ny fanoritsoritana ny toerana; tsy natao ho haingo fotsiny ihany izy, fa natao mba ho mari-pamantarana ny fiainan’ny mpandray anjara ihany koa.

Fehiny:

Alohan’ny hirosoana amin’ny fandinihana sehatra hafa, dia haravona izay voalaza momba ny toerana. Mizara roa ireo toerana ao amin’ny asa soratr’i *Faralahy* dia ny toerana tsy voafaritra ara-jeografia sy ny toerana voafaritra ara-jeografia. Ny toerana tsy voafaritra ara-jeografia dia ahitana ireo toerana faleha andavanandro sy ireo toerana mihiboka. Ny toerana voafaritra ara-jeografia kosa dia ahitana ireo toerana eto Madagasikara sy ny any ivelany.

Ireo toerana eto Madagasikara dia mbola azo sokajiana ho roa dia ny faritr’Antananarivo sy ny faritra hafa ivelan’Antananarivo.

Ny toerana an-tampon'Antananarivo no voalaza matetika ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*. Azo heverina fa noho izy toerana nonenan'ny mpanoratra no mahatonga izany.

Misy ihany koa ireo toerana hafa ankoatra an'Antananarivo. Anisan'izany ny faritra avaratra atsinanan'ny Nosy dia i Toamasina sy ireo tanàna ao aminy; tao ihany koa ny faritra avaratra sy avaratra andrefana dia Antsiranana sy Mahajanga ary ny tanàna ao aminy.

Toerana telo lehibe no misongadina amin'ireo any ivelan'i Madagasikara dia Erôpa, Afrika atsimo ary Aostralia.

Tsy adinon'ny mpanoratra nandritra ny fitantarana ireo toerana ireo ny fanoritsoritana sy fandokoana.

Singa mamaritra ny tantara foronina ny toerana, kanefa zava-dehibe ihany koa ny fotoana izay hasian-teny manaraka eto.

2.4. Ny fotoana ao amin'ny tantara

Milaza i Guy Michaud fa ny literatiora indrindra ny tantara foronina dia zava-kanto mivelatra amin'ny fotoana⁽³⁷⁾.

Maro karazana ny fotoana ao amin'ny tantara foronina, saingy santionany vitsivitsy ihany no horesahina eto, dia ny fotoana nisehoan'ny tantara sy ny faharetany. Ankoatra ireo dia hodinihina ihany koa ny fifandraisan'ny fitantarana sy ny fotoana ary ny fomba fanondroan'ny mpanoratra ny fotoana ao amin'ny tantara.

2.4.1. Ny fotoana nisehoan'ny tantara

⁽³⁷⁾ GUY MICHAUD, *L'œuvre d'art et ses techniques*, librairie Nizet, Paris, 1983 P.129 « () la littérature, et singulièrement le roman est un art du temps ».

Ny fotoana ameloman'ny mpanoratra ny tantara no antsoina hoe fotoana nisehoan'ny tantara eto, fa tsy ny fotoana nivoahan'ny tantara ho boky. Amin'ireo asa soratr'i *Faralahy* sasany, dia tsy voafaritra mazava ny vanim-potoana nisehoan'ny tantara.

Miainga amin'ny toe-javatra ambarany na ny vontootin'ny tantara no ahafantarana ny vanim-potoana nisehoan'ny tantara.

Ohatra:

- Ao amin'ny tantara RMP dia ny vontootin'ny korontana taorian'ny **mai 1972** no asehon'ny mpanoratra araka ny voalaza hoe:

“Notsongain'ireo mpanao famotorana koa anefa ny zava-nitranga tamin'ireny raharahan'ny volana mai 1972 ireny”.

RMP tak_28.

Ao amin'io tantara io, mialoha ny hanombohan'ireo jiolahy ny asany dia nanadihady ny zava-nisy teto Madagaasikara izy, ary anisan'ny fitaovana izay nahafahany nanao fanakorontanana ny zava-nitranga tamin'ny mai 1972.

- Vontootin'ny tantara AS ny fisian'ny fanavakavaham-bolon-koditra tao Afrika atsimo ka namoizana ain'olona maro. Araka izany, io tantara io dia nivoaka teo anelanelan'ny taona 1960-1972. teo amin'io vanim-potoana io no nampivaivay ny fanavakavaham-bolon-koditra sy ny fanoherana azy eran-tany. I Nelson Mandela moa no nitarika izany fanoherana ny fanavakavaham-bolon-koditra izany tao Afrika atsimo.

Toy izao no anehoan'ny mpanoratra io fanavakavaham-bolon-koditra io:

“Nanomboka tamin'ny taona 1967 dia tsy nanan-kery teto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Afrika atsimo koa ny mariazin'ny fotsy sy ny mainty hoditra vita tany an-tany hafa. Tsy eken'ny lalàna ary saizana mafy hatramin'ny fifandraisana na fifampikasohan'ny vavy sy lahy ao anaty na ivelan'ny fanambadiana”.

- Misongadina ao amin'ny tantara MA ny fanjakan'ny risoriso. Tamin'ny vanim-potoana Repoblika faharoa no tena niroboroboan'izany. Nanjaka ny varo-maizina, indrindra tamin'ireo entana nilain'ny mponina andavanandro. Sady efa mividy lafo ny vahoaka no mbola ilana fotoana maharitra ny fividianana azy.

“Nilaharana avokoa mantsy na ny vary na ny lasantsy, na ny menaka, na ny siramamy sy ny sisa”.

MA tak_117.

Amin'ireo tantara ireo dia ilaina ny fahafantarana ny vanim-potoana nisehoan'ny tantara, satria miankina amin'ny fahafantarana izany no ahazoana bebe kokoa ny asa soratra. Mifamatotra mandrakariva ny zava-misy sy izay voalaza ao amin'ny literatiora. Hoy i Wellek sy Warren: ***“Azo ampiasaina ho tahirin-kevitra ara-tsosialy ny literatiora; avy aminy no ahafantarana ny tantaran'ny fiaraha-monina”***⁽³⁸⁾.

Ankoatra ireo tantara ireo, dia afaka mitety vanim-potoana avokoa ny asa soratr'i *Faralahy* hafa. Santionany amin'izany:

- Ny AML 3 izay manasongadina ny vokatry ny fitiavan-karena sy voninahitra tafahoatra.

- Ny ET izay manindrahindra ny anjara toeran'ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiaraha-monina, ary ny MA izay mitantara ny fomba fanaovana asa fitsikilovana.

Ireo tantara ireo dia maneho ny toe-javatra fahita amin'ny fiainana andavanandro, ary mety hiseho na amin'ny vanim-potoana inona na amin'ny vanim-potoana inona.

⁽³⁸⁾ WELLEK et WARREN op cit tak 140 : « en utilisant la littérature comme document social, on peut parvenir à en dégager les grandes lignes d'une histoire sociale.

Toa manana ny lafy tsarany ihany ny tsy fahafantarana ny vanim-potoana eto, satria afaka hitety vanim-potoana maromaro ny hanitra ananany amin'ny maha-literatiora azy.

Nohazavaina teo ny fotoana nisehoan'ny tantara araka ny vanim-potoana nitrangany. Amin'ny maha-tantara foronina maneho ny asan'ny mpitandro filaminana ny asa soratr'i *Faralahy*, dia ilaina dinihina manokana ihany koa ny fotoana nisehoan'ny voina sy ny fotoana nanaovana ny fandihadiana.

2.4.1.1. Ny fotoana nisehoan'ny voina:

Mety ho voafaritra mazava io na tsia. Antsoina hoe tsy voafaritra izy raha toa ka tsy fantatra mazava ny fotoana nisehoany⁽³⁹⁾.

Ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*, dia tsy voafaritra mazava ny ora nitrangan'ny fahafatesana.

Ohatra:

- Ao amin'ny VA dia ny mpiangona no nahita ny fatin'Ingahy Ravelo tao an-tatatra ny marainan'ny alahady.
- Ao amin'ny ET dia tsy voalaza ny fotoana nahafatesan'i Grity.
- Ao amin'ny VH dia ny fatin'i Vero efa nitsirara teny amin'ny alan'i Bologne no hitan'ny olona.

Nandray ny andraikiny ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara taorian'ny nisehoan'ny voina. Nanao ny fanadihadiana avy hatrany izy.

2.4.1.2. Ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana:

⁽³⁹⁾ BOILEAU NARCEJAC. Op cit P.59 : « l'alibi, le coupable crée une confusion sur l'heure du crime ».

Azo tsinjaraina telo ny fotoana fanaovana ny fanadihadiana. Ireto avy izany: **“mandritra ny voina, mialoha ny voina ary aorian’ny nitrangan’ny voina”**⁽⁴⁰⁾.

Mateti-pitranga ao amin’ny asa soratr’i *Faralahy* ny fanadihadiana taorian’ny voina.

- Ao amin’ny VA dia efa maty Ravelo vao natombok’i Andry ny fanadihadiana, na dia efa fantatr’Ingahy Ravelo dieny mialoha aza fa misy mifofo ny ainy.
- Ao amin’ny VH dia efa maty tany Paris Rakamisy vao niainga teto Madagasikara i Andry.

Misongadina ao amin’ny tantara nohadihadiana ihany koa ny fanaovana ny fanadihadiana na dia alina aza ny andro.

- Ny tantara AML 3 dia maneho fa alina no nidiran’i Andry tao amin’ny toby Kruger.
- Aseho ao amin’ny RMP fa alina ny fotoana nifanenjehan’i Letody sy Andry tany Mahajanga.
-
- Ambara ao amin’ny AS fa alina no fotoana nifanaovan’i Mbele tamin’i Andry sy Barrik.

“Na mahina tokoa i Mbele, dia tsy ho avy mihitsy anio alina”.

AS tak_114.

Amin’ny maha-asa fitsikilovana ny asa ataon’ny mpitandro filaminana, dia mety kokoa ny hanaovana azy amin’ny alina mba tsy hahafantaran’ireo fahavalo ny tetika ampiasaina. Alina no nidiran’i Andry tao amin’ny toby Kruger.

⁽⁴⁰⁾ BOILEAU NARCEJAC. Op cit P.59 : « le moment de l’enquête : elle se déroule à l’époque du crime, aujourd’hui, autrefois, dans l’avenir ».

Miasa andro aman'alina ry Andry mba tsy hahavery fotoana azy ireo sy mba hampiroso ny fanadihadiana.

- Hita izany ao amin'ny AS. Nanavatsava ny reniranon'i Limpopo i Andry sy ireo mainty hoditra na dia alina aza ny andro mba tsy hahatratraran'ireo fotsy hoditra azy ireo.
- Ao amin'ny ET dia nanenjika ireo jiolahy i Andry sy ilay zandary na dia alina aza ny andro.

“Efa nopihan'i Andry ny jiro. Nifampijery mangina tao anaty aizina izy roalahy. Nandeha ny faminavinana tetika samihafa. Tsy misy ny fotoana ivalamparana”.

ET tak_98.

Etsy andaniny koa anefa dia mba ampiasain'ny fahavalo ny alina hanaovany ny asa ratsiny.

- Alina no nanimban'ny tariky Ranandria ny lalam-by tao Brickaville ao amin'ny MA.

“Aza misy misaratsaraka fa tsy mahazo mandrehitra jiro mihitsy isika mandrapahavitan'ny asa () tsy haharitra ela akory ny famitana ny asa. Izao alina izao ihany”.

MA tak_96.

- Alina no nikasan'i Eva sy ny tariny hitondrana ireo entana sarobidy handositra amin'ny sambo ao amin'ny VA.

“Fa ny mahavariana an'i Andry dia ireto olona maro tsy nitsahatra nivezivezy mitatitra entana isan-karazany, mankeny amin'ny morona. Inona ireo entana maro avoaka amin'ny andro alina aty anebakeban-tany tsy misy olona aty?”.

VA tak_169.

Fehiny:

Nohazavaina teo ny fanadihadiana ny fotoana. Manana ny lanjany manokana amin'ny tantara tokoa ny vanim-potoana nisehoany. Manampy amin'ny fahazoana ny tantara ny fahafantarana azy. Tsy voatery ho voasoritra mazava anefa io fotoana io, ary tsy voatery hanorina ny tantarany amin'ny vanim-potoana iray voafaritra ny mpanoratra. Ho an'ny asa soratr'i *Faralahy* manokana, dia nampiasa ny fotoana alina izy amin'ny maha tantaran'ny asan-jiolahy sy ny asa fitsikilovana azy.

Nambara teo ny fotoana nisehoan'ny tantara. Hodinihina manaraka indray izao ny fotoana naharetan'ny tantara.

2.4.2. Ny fotoana naharetan'ny tantara:

Maro amin'ny tantara foronina no mitantara ny fiainan'ny olona iray manontolo. Amin'ny asa soratr'i *Faralahy* anefa, amin'ny maha-tantara maneho ny asam-pitsikilovana sy asan-jiolahy azy, dia ny ampahany mirakitra ny zava-dehibe teo amin'ny fiainan'ny mpandray anjara ihany no asehony. Anisan'izany ny fotoana naharetan'ny ady sy ny fotoana naharetan'ny famotorana ary ny fotoana naharetan'ny fanadihadiana.

2.4.2.1. Ny fotoana naharetan'ny ady:

Ny ady resahina eto dia ny fifandonana mivantana teo amin'i Andry sy ireo jiolahy enjehiny. Fotoana fohy ihany no naharetan'izany ao amin'ireo asa soratra rehetra nokirakiraina.

Ohatra:

- AML 3 tak 74:

“() Raha ny marina dia minitra iray na mahery kely fotsiny ihany tokoa angamba no lasa hatramin'izay nidirany tao an'efitra kelin'i Jaona sy Ralinina izay”.

- Segondra vitsy koa no naharetan'ny fifandonana teo amin'ireo jiolahy sy i Andry ao amin'ny VH.

“Tao anatin'ny segondra iray no sady maty ny jiro, nankarenin-tofina ny poa-basy nifanesy () namonjy nandadilady tany amin'izay azony niafenana i Camalo sy Andry, samy nihohoka tamin'ny tany izy roalahy”.

VH tak_58.

- Ny tantara RMP dia milaza fa tsy mihoatra ny dimy ambin'ny folo minitra ny fifandonana nisy teo amin'i Andry sy ireo jiolahy nikasa hanafika an'i Rianala. Fahefatr'adiny taorian'ny ady dia efa tany amin'ny biraon'ny ati-tany ireo jiolahy.

“fahefatr'adiny taty aoriana dia efa tonga teny amin'ny biraon'ny ati-tany ireo jiolahy”.

RMP tak_161.

Amin'ireo tantara ireo, aorian'ny fifandonana dia samborina avy hatrany ireo jiolahy azo babo mba hanaovana famotorana.

2.4.2.2. Ny fotoana naharetan'ny famotorana:

Ilana fotoana maharitra ny famotorana ireo jiolahy noho ny tsy famaliany avy hatrany ny fanontaniana.

- Ora maromaro no nanadinana ireo jiolahy ao amin'ny AML 3.

“Nandritra ny ora maromaro no nanadinana ireo ary efa ho maraina amin'ny enina sy sasany vao niala ireo mpanao famotorana”.

AML 3 tak_75.

- Naharitra elaela ihany koa ny fampijaliana ilay jiolahy azon'i Andry sy Camalo tao amin'ny “café lotus” vao manaiky hilaza izay fantany izy.

“Naharitra elaela ihany ny fampijaliana () efa ho rendrika torana ilay zalahy vao navelan’izy roalahy naka aina kely aloha, dia lasa indray ny tery vay manta. Nivalo ilay zalahy nony farany ary nanomboka nidradradradra, vonona hitantara ny fiainany rehetra”.

VH tak 57.

Fomba iray anatanterahana ny fanadihadiana ny fanaovana famotorana. Ny tantara iray manontolo mihitsy no mitantara io fanadihadiana io. Hojerena ny fotoana faharetan’izany.

2.4.2.3. Ny fotoana naharetan’ny fanadihadiana:

Maharitra amam-bolana mazàna ny faharetan’ny asan’i Andry:

- Ao amin’ny MA dia naharitra iray volana ny diany nandritra ny fanaraha-maso ireo jiolahy nanomboka teto Antananarivo hatrany Afrika atsimo.

Hoy ny mpanoratra maneho izany:

“() Eto no mifarana ny tonelina nidirany efa ho iray volana mahery izay”.

MA tak 171.

- Ao amin’ny VH dia maharitra tapa-bolana mahery ny dian’i Andry tany ivelany, fony izy nikaroka ny namono an-dRakamisy sy nanadihady momba ny fikambanana FROLITIMO. Lazain’ny mpanoratra fa:

“Ny tebiteby no be nandritra ny tapa-bolana mahery naharetan’ny dia”.

VH tak 179.

- Telo volana mahery kosa no faharetan’ny tantara ao amin’ny ET. Telo volana no niarahan’i Josoa sy Eva; taorian’izay dia tsy niara-nonina tamin’i Josoa intsony i Eva.

“Niverina toy ny isan’alina indray ny nofy ratsim-piainan’I Eva. Telo volana izao no niarahany tamin’i Josoa. Telo volana tsy nahitany fahafinaretana sy zara fahasambarana afa-tsy telo na efatra andro fotsiny”.

ET tak 11.

Araka ireo voalaza ireo, azo lazaina fa tantara tsy dia mitarazoka loatra no hita ao amin’ireo asa soratr’i *Faralahy*. Misy mihitsy aza ny fotoana dinganin’ny mpanoratra ao amin’ny fitantarana ataony fa ireo zava-mitranga ka misy fiantraikany eo amin’ny tantara ihany no ivalamparany.

Tsikaritra ihany koa fa misy ifandraisany ny toe-javatra tantaraina sy ny fotoana anehoan’ny mpanoratra ny tantara.

2.4.3. Ny fifandraisan’ny toe-javatra tantaraina sy ny fotoana:

Ahitana fomba fitantarana roa karazana ao amin’ny asa soratr’i *Faralahy* dia ny fitantarana manaraka ny fizotry ny fotoana sy ny fitantarana tsy manaraka ny fizotry ny fotoana.

2.4.3.1. Ny fitantarana manaraka ny fizotry ny fotoana:

Amin’ity fomba ity dia manaraka ny fizotry ny fotoana ny fandaharana ny toe-javatra tantaraina.

- Ao amin'ny MA dia mitantara ny fiainan'i Andry tany am-ponja ny fiandohan'ny tantara; tohizana amin'ny fandosirany tany Toamasina izany; avy eo ny fiverenany teto Antananarivo sy ny fandehanany tany Afrika. Tafaverina eto an-tanindrazana izy ao amin'ny fiafaran'ny tantara.
- Ny tantara VH dia maneho ny dian'i Andry nandritra ny fikarohany ireo namono an-dRakamisy sy ny fanadihadiana ny momba ny fikambanana FROLITIMO. Niainga teto Madagasikara izy, nihaona tamin'i Camalo.

Niara-nikaroka an'i Sonia izy roalahy. Nony hita i Sonia dia niara-nanafika ny toby ao Aostralia izy ireo. Nivoaka ho mpandresy izy ireo any amin'ny fiafaran'ny tantara.

Amin'ireo tantara ireo dia tsy misy fandaminana ataon'ny mpanoratra eo amin'ny fampifandraisana ny fotoana sy ny fitantarana. Miroso hatran'y ny tantara, ary ny onjan'ny fotoana sy ny toe-javatra mitranga no arahina.

Tsy manaraka io fomba fitantarana io kosa anefa ireo tantara sasany: fitantarana tsy manaraka ny fizotry ny fotoana no hita.

2.4.3.2. Ny fitantarana tsy manaraka ny fizotry ny fotoana:

Antsoina hoe fitantarana tsy manaraka ny fizotry ny fotoana ny fitantarana manao dia mianotra indraindray.

Ireo tantara nohadihadiana ka ao anatin'ity sokajy ity, dia ireo tantara manao dia mianotra na mihemotra ny fitantarana azy, izany hoe ahitana fampahatsiahivana fohy ny lasa ao amin'ny tantara. Ataon'ny mpanoratra izany mba hahafahany manazava ny toe-javatra miseho ankehitriny. Ireo vavolombelona mandray fitenenana ihany koa, dia mazava ho azy, fa mitantara ny toe-javatra efa lasa.

Santonan'ny tantara ahitana ireo ny AML 3 sy ET.

- AML 3: Zoma maraina, nitamberina tao an-tsain-dRabarinony ny zava-nitranga ny alarobia dia ny fakana an-keriny ny vady aman-janany izany. Miverina amin'ny zava-misy ankehitriny ny tantara nony tonga ilay fiara naka an-dRabarinony.

- Ao amin'ny ET dia i Nika zandrin'i Gity no vavolombelona nahita ny famahana poizina sy toaka an'i Gity. Nandritra ny fanadihadiana nataon'i Andry taminy no nanambarany ny zava-nitranga tamin'io fotoana io.

Ahitana tantara mifampitohy ihany koa ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*, tsy manaraka ny fizotry ny fotoana ny fitantarana amin'izany.

Antsoina hoe tantara mifampitohy ireo tantara misy fahatapahana tampoka ka tohizan'ny mpandray anjara hafa indray. Dia toy izany hatrany⁽⁴¹⁾. Natao io fanapahana ny tantara io mba hisian'ny fitaintainana eo amin'ny mpamaky eo am-piandrasana ny tohin'ny tantara⁽⁴²⁾. Ity fampiatoana tampoka ny tantara ity dia anisan'ny mampiavaka ny tantara foronina maneho ny asan-jiolahy.

Maneho ireo fomba fitantarana voalaza ireo ny tantara ET sy RMP.

- Ao amin'ny ET dia ny tantaran'i Eva no asehon'ny mpanoratra voalohany. Rehefa izany dia tohizany amin'ny fitantarany ny momba an'i Andry ny tantara. Dia toy izany hatrany. Any amin'ny faran'ny tantara vao mihaona izy ireo.

- Ny tantara RMP dia maneho ireo asan-jiolahy tarihin'i Tanassis eny am-piandohana asehony aorian'izany ny tantaran'i Andry. eny afovoan'ny tantara vao mihaona ireo mpandray anjara roa tonta ireo.

⁽⁴¹⁾ T. TODOROV et A. DUCROT, *Dictionnaire encyclopédique des sciences du langage*, édition du Seuil, collection point, Saint Armand, 1979. « Histoires enchaînées : on n'invertit pas l'ordre dans la première histoire, mais on l'interrompt pour en commencer une seconde, ensuite une troisième... »

⁽⁴²⁾ « Ces ruptures dans le parallélisme temporel entre histoire et écriture sont souvent utiles pour créer l'effet de suspens ».

Araka izany dia misongadina ao amin'ny asa soratr'i Faralahy ny fampiatoana tampoka ny tantara⁽⁴³⁾.

Ho famintinana izay voalaza teo izay, dia azo ambara fa mifandray mandrakariva ny toe-javatra tantaraina sy ny fotoana ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*. Mety hanaraka ny fizotry ny fotoana ny fitantarana na tsia. Tsy manaraka ny fizotry ny fotoana ny fitantarana rehefa manao dia mianotra ny fitantarana, na ajanon'ny mpanoratra kely aloha ny fitantarana ny momba ny mpandray anjara iray, fa mitodika amin'ny mpandray anjara iray hafa izy.

Toy izay ny fifandraisan'ny toe-javatra tantaraina sy ny fotoana. Hohazavaina manaraka indray ny fomba fanondroan'ny mpanoratra ny fotoana ao amin'ireo asa sorany.

2.4.4. Ny fanondroana ny fotoana:

Misy ireo tantara foronina tsy ahitana fanondroana ny fotoana mihitsy. Ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy* anefa dia nofaritany mazava ny fotoana ary miverina matetika aza izany mandra-pahatapitry ny tantara. Mandritra izany dia manao fanoritsoritana mihitsy izy.

Misokajy ho roa ny fanondroana ny fotoana ao amin'ny tantara nosoratany dia ny fanondroana fotoana amin'ny alalan'ny ora, sy ny fanondroam-potoana amin'ny fomba malalaka.

2.4.4.1. Fanondroam-potoana amin'ny alalan'ny ora:

⁽⁴³⁾ JACQUES DEMOUGIN, dictionnaire historique, thématique et technique des littératures, librairie Larrousse, Paris, 1986. « Suspens : moment d'une œuvre littéraire où l'action s'arrêtant un instant, tient le lecteur dans l'attente plus ou moins angoissées de ce qui va se produire ».

Miseho matetika ao amin'ny asa soratra nohadiahadiana ny filazana ny ora sy ny minitra. Izany no natao, dia mba ahafahana mikajy ny fotoana lany sy ny fotoana mety hahazoana ireo jiolahy.

Ohatra: ***“Nojeren’i Andry ny famantaranandro teny an-tanany, nanondro tamin’ny valo ora”.***

VA tak 166.

- Raha niandry an’i Nzulu i Letody sy Andry ao amin’ny RMP dia nokendreny tsara ny fotoana tokony hahatongavan’i Nzulu mba hahafahana misambotra azy. Hoy ny mpanoratra maneho izany:

“Efa samy vonona avokoa hifanadrina amin’izay fahavalo sahy hiseho tava eto. Nahery dimy minitra ny tamin’ny dimy ora. Samy tazan’izy rehetra ilay fiara R 16”.

RMP tak 150.

- Ao amin’ny AML 3 dia nomarihin’i Andry ny fotoana nandraisan’i Fredina azy tao amin’ny hotely Ambassador.

“Tamin’ny fito latsaka fahefany vao tonga naka an’i Andry tao amin’ny hotely Ambassador Ramatoa kely Fredina”.

AML 3 tak 108.

Voafaritra mazava ny fotoana ao amin’ny asa soratr’i *Faralahy* fa tsy arahina fanoritsoritana noho ny maha-tantara maneho ny asa fitsikilovana azy. Amin’ny asa tahaka ireny, dia ilaina ny famaritana mazava ny fotoana mba hahafahana mikendry ny fotoana hahazoana ireo fahavalo.

2.4.4.2. Ny fanondroana fotoana amin’ny fomba malalaka:

Tetsy ankilan'ny fanehoana ny ora nampiasa ny fanondroana fotoana amin'ny fomba Malagasy ihany koa izy araka izao:

“Tsy ampy herinandro akory ity fikambanana nijoro ho mpanohitra ny fanavakavaham-bolon-koditra, ny fanandevozana, ny fandrohana ny harenan'ireo firenena malaza ho mahantra no tafatsangana dia efa eo am-pisedrana ny mafy sahadry”.

VH tak 43.

“Ahoana moa no andraisan'ny olona azy eto amin'ity tanàna ity amin'izao misasak'alina izao?”.

VA tak 137.

Araka ireo dia tsy ahitana fanoritsoritana ny fotoana ny tantara nohadihadiana. Fanondroana ny fotoana amin'ny fomba malalaka sy amin'ny alalan'ny filazana ny ora no nampiasain'ny mpanoratra.

Fehiny:

Nodinihina nandritra ny fanadihadiana ny fotoana nisehoan'ny tantara, ny fotoana faharetan'ny tantara ary ny fifandraisan'ny toe-javatra tantaraina sy ny fizotry ny fotoana.

Ny ampahany amin'ireo tantara dia niseho nandritra ny vanim-potoana 1960-1984, ny tantara hafa kosa dia afaka mitety vanim-potoana. Amin'ny maha-tantara maneho ny asanjolahy azy anefa, dia nasian-teny ihany koa ny fotoana nisian'ny fahafatesana na dia tsy voafaritry mazava aza izany tao amin'ireo tantara nohadihadiana. Tsy nanao fanadihadiana mantsy ry Andry raha tsy aty aorian'ny fotoana nisehoan'ny loza. Mateti-pitranga ihany koa ny fiasana amin'ny alina, na ho an'ny jiolahy izany, na ho an'ny mpitsikilo. Tsy maharitra ny faharetan'ny tantara ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*: ampaham-potoana eo amin'ny fiainan'ny mpandray anjara ihany no voalaza.

Eo amin'ny fifandraisan'ny toe-javatra tantaraina sy ny fizotry ny fotoana dia mampiasa fomba fitantarana roa karazana ny mpanoratra: ny fitantarana manaraka ny fizotry ny fotoana sy ny fitantarana tsy manaraka ny fizotry ny fotoana. Amin'ireo fitantarana manaraka ny fizotry ny fotoana dia manaraka ny fizotry ny fotoana ny fandaharana ny toe-javatra tantaraina. Tsy manaraka ny fizotry ny fotoana kosa ny fitantarana ao amin'ireo tantara manao dia mianotra na mihemotra ny fitantarana azy. Ampiasain'ny mpanoratra ihany koa ny fanondroam-potoana, manondro ny fotoana amin'ny alalan'ny ora sy amin'ny fomba malalaka izy.

Fandravonana ny fizarana faharoa

Nohazavaina tato amin'ny fizarana ity ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina nosoratan'i *Faralahy*. Nialoha izany anefa dia nofaritana ny antsoina hoe tantara foronina sy ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier”. Tsy tahaka ny tantara foronina tsotra ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana noho ny fisian'ny fitantarana ady ao aminy.

Taorian'izay dia nodinihina ny firafitry ny tantara foronina amin'ny ankapobeny.

Miandoha amin'ny fanimbana ny fitiavan'olon-droa sy ny fianam-piankohonana ary mitohy hatramin'ny fanimbana ny fiainam-pirenena ny tantara. Anisan'ny singa manova ao amin'ny tantara ny fisian'ny ady sy ny fahafatesana mandritra ny fikarohana ny fahavalo. Miafara amin'ny fisamborana ny fahavalo sy ny fahitana ny tsiambaratelon'ny ary ny fitaterana ny asa vitany izany.

Mamelona ny tantara avokoa ireo mpandray anjara vahiny sy Malagasy; miely patrana manerana ny vazan-tany efatra izy ireo. Ny mpandray anjara fototra dia ahitana an'i Andry izay tanora, be herim-po sy fikirizana. Ireo mpandray anjara mpanampy kosa dia tia herisetra sy habibiana ny ankamaroany. Mahantra ireo vahoaka madinika voalaza ao amin'ny tantara. Mitovy kosa ny fari-piainan'ny mpandray anjara fototra sy ireo jiolahy: samy manana ny ampy izy ireo.

Toerana maro eran'izao tontolo izao no hita ao amin'ny tantara nohadihadiana. Anisan'ireny Erôpa, Afrika ary Aostralia. Maro anefa ireo tantara niseho teto Madagasikara. Nisy ireo niseho tany amin'ny faritra avaratra, avaratra andrefana ary avaratra atsinanan'ny Nosy. Nisongadina manokana ny faritr'Antananarivo amin'ny maha-toeram-ponenan'ny mpanoratra azy. Nandritra ny fitantarana ireo toerana ireo no nanoritsoritan'ny mpanoratra azy koa. Niainga avy amin'ny zava-misy ara-boajanahary sy ny endrik'ilay toerana izy tamin'izany.

Manamarika ny tantara nosoratan'i *Faralahy* ihany koa ny fanehoany ny fotoana ao amin'ny tantara. Misy ireo tantara izay fantatra ny vanim-potoana nisehoany; misy kosa ireo tantara tsy dia voafaritra mazava izany ka afaka mitety vanim-potoana. Azo lazaina fa tsy maharitra ny faharetan'ny tantara ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy* amin'ny maha-tantara maneho ny asan'ny mpitandro filaminana azy. Ampaham-potoana eo amin'ny fiainan'ny mpandray anjara fototra ihany no tantaraina amin'izany. Azo sokajiana ho roa ny fifandraisan'ny fotoana sy ny toe-javatra tantaraina dia ireo fitantarana manaraka ny fizotry ny fotoana sy ny fitantarana tsy manaraka izany. Tsy manoritsoritra ny fotoana ny mpanoratra fa fanondroana mazava fotsiny no ataony.

Nifarana hatreo ny fizarana faharoa izay nanehoana ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina. Vokatry ny fahitana ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronin'i *Faralahy*, dia azo atao ny milaza fa ireo tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” vahiny no nadikan'ny mpanoratra ho tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” Malagasy amin'ny ankapobeny. Handeha hovahavahana ny fizarana fahatelo. Mandritra izany no hampahafantarana fohy ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” sy handiniana ny tara-kevitra misongadina ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy* dia ny fiarovam-pirenena izany.

FIZARANA FAHATELO:

**Ny fiarovam-pirenena tara-kevitra iray mibahana
ao amin'ny asa soratr'I Faralahy**

Naseho tao amin'ny fizarana faharoa ny endrika ivelan'ny tantara foronina nosoratan'i *Faralahy*, nodinihina tamin'izany ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina. Ato amin'ity fizarana fahatelo ity kosa no hamoaboasana mikasika ny fiarovam-pirenena izay tara-kevitra misongadina ao amin'ireo tantara foronina ireo.

3. Ny fiarovam-pirenena tara-kevitra iray mibahana ao amin'ny tantara foronin'i Faralahy:

Ny fiarovam-pirenena no tara-kevitra mibahana ao amin'ny tantara foronin'i Faralahy. Ireo tantara foronina nosoratan'i Faralahy moa dia azo sokajiana ho anisan'ireo tantara foronina momba ny asa fitsikilovana⁽⁴⁴⁾.

Mialoha ny hanadihadiana io tara-kevitra voalaza etsy ambo,ny io dia ndeha hampahafantarina amin'ny ankapobeny ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana na ny “roman d’espionnage”.

3.1. Ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana:

Saika ahitana tantara foronina momba ny asa fitsikilovana avokoa manerana izao tontolo izao; ka hodinihina ato amin'ity toko ity ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana frantsay, ny RE Anglisy ary ny tantaran'ny RE eran-tany.

Manana ny loharano nipoirany avokoa ny zavatra rehetra, toy izany koa ny RE; koa ndeha hampahafantarina dieny ety am-piandohana ny fototra antirôpôlôjikan'ny RE sy ny fidiran'ny fitsikilovana teto amin'ny sehatry ny literatiora tamin'ny taon-jato faha XIX.

⁽⁴⁴⁾ Roman d’espionnage (RE)

- Fototra antirôpôlôjika:

Ny “Ethnologue” Desmond Morris dia naneho amin’ny ambangovangony ny biologian’ny kanto. Voalazany fa azo atao ny fandinihana ara-biolojia, ny fampitahana ara-etnolojia, ary ny fandinihana ara-piaraha-monina ny tantaran’ny fitsikilovana. Azo atao koa ny manadihady ny manodidina azy; azo ambara ihany koa ny fisian’ny fahavalo, azo halefahana ihany koa ny fihoara-pefin’ny vondrom-piaraha-monina iray.

Richard Rowan kosa dia manamarika fa ny fitsikilovana dia nisy fiantraikany bebe kokoa teo amin’ny tantara fa tsy teo amin’ny mpahay tantara. Vokatry ny tsy fahalalana dia miely ny fahadisoan-kevitra izay milaza fa ny fitsikilovana dia toe-javatra vao niseho. Vao niseho izy satria any amin’ny gazety no ahitana azy fa tsy any amin’ny fitahirizam-boky.

Ireo mpanoratra izay nandalina manokana ny tantara fitsikilovana kosa anefa dia maneho fa tsy vaovao akory ny asa fitsikilovana, efa voarakitra amin’ny boky izy ireny matetika. Ambaran’i Charles Wighton ao amin’ny The real world of Spies fa “*anisan’ireo asa tranainy indrindra ny asa fitsikilovana*”⁽⁴⁵⁾.

Nambara teo ny fototra antirôpôlôjikan’ny RE. Hodinihina manaraka kosa ny fomba fidiran’ny fitsikilovana teo amin’ny sehatry ny literatiora tamin’ny taon-jato faha XIX.

- Ny fidiran’ny fitsikilovana teo amin’ny sehatry ny literatiora tamin’ny taon-jato faha XIX

Azo lazaina fa nangingina ny fidiran’ny fitsikilovana teo amin’ny sehatry ny literatiora. Niovaova araka ny vanim-potoana ny hevitra ny teny hoe “espion”. Tamin’ny taon-jato faha XIII dia nantsoin’ny Frantsay hoe “espie” izy. Niova ho

⁽⁴⁵⁾ GABRIEL VERALDI, le roman d’espionnage, édition PUF, Paris, 1983, tak 9 : « l’espionnage est certainement le second plus vieux métier du monde ».

“épie” na fandinihana amim-pitandremana izany taty aoriana .I Jean Jacques Rousseau kosa no nanova azy ho “espion”. Io teny hoe “espion” io dia avy amin’ny teny Italiana manao hoe “spione”.

Tamin’ny taona 1821 no nipoiran’ny RE voalohany. Ilay tantara nitondra ny lohateny hoe: “Ilay mpitsikilo” na “L’espion” nosoratan’i **James Fenimore Cooper** (1789-1851), no tantara niseho voalohany. Noraisina ara-keviny io lohateny io. Ny tantara “l’espion” nosoratan’i F. Cooper dia tantara mbola mikavihavia. Tantaran’i Harvey Birch izy io; Harvey Birch dia pôlisy manam-boninahitra anglisy iray. Toy izao ny vontootin’io tantara io: nandritra ny tolona ho an’ny fahaleovan-tenan’ny Amerikana dia nanao fitafian’ny mpivarotra i H. Birch mba tsy ho fantatry ny olona. Mody hoe hamangy ny fianakaviany no anton-diany tamin’izany; tetsy ankilan’izany anefa dia nisy ny fihetsiketsehana nataon’ireo mpitolona. Nahatonga azy hirotsaka an-tsehatra ny fahitana io fihetsiketsehana io; firotsahana an-tsehatra izay nahafantarana ny fomba ratsin’ireo mpihoa-pefy. Azon’ireo fahavalony sambo-belona i H. Birch tamin’izany ary novonoiny ho faty, famonoana ho faty izay fihetsika mifanohitra amin’ny fahamarinana.

Ny fisian’io tantara momba ny asa fitsikilovana somary mikavihavia izay azo antsoina ihany koa hoe literatioram-bahoaka io, dia nahatonga ny mpanoratra F. Cooper halaza. Taorian’io tantara io dia nanoratra ilay tantara fanta-daza mitondra ny lohateny hoe: “Le Dernier des Mohicans » i F. Cooper.

Tahaka izay hita any amin’ireo tantara niangaliana ankehitriny ny vontootin’io tantara “ilay mpitsikilo” nosoratan’i F. Cooper io. Ahitana olana, sahy nisetra ireo fahavalony dia ny “Lieutnant” Birch. Nibaribary ny faharisihany manoloana ny zava-tsarotra nolalovany. Taratra ao amin’io tantara io ihany koa ny endriky ny literatiora momba ny asa fitsikilovana.

Farany, azo lazaina fa nahafahan’i F. Cooper naneho ny loharanon’ny aingampanahiny ity tantara ity. Na izany aza anefa dia tsy mbola nahazo nivoaka io tantara io nandritra ny antsasaky ny taon-jato iray.

Tamin'ny taona 1846 no niseho tany Frantsa ny tantara iray nosoratan'i Joseph Balsamo. Nanaraka azy taty aoriana ireo tantara telo nosoratan'i Alexandre Dumas ary nampitondraina ny lohateny hoe: “Ireo Fahatsiarovan'ilay Dokotera” na “Les mémoires d'un médecin”.

I Balsamo, ao amin'ny tantara nosoratany dia mitantara momba ny ady sy ny herisetra, ady izay nanomboka tamin'ny fikorontanan'ny taona 1789⁽⁴⁶⁾. Tsy nampiasaina intsony tato amin'ity tantara ity ny teny hoe “mpitily” na “espion” sy ny “fitsikilovana” na “espionnage”. Tsy nisy intsony teto ny fitantarana momba ny fahaizana miady. Vontoatin'ity tantara ity ny fikirakiran'ireo manam-pahaizana ireo fanafody fampatoriana. Nodinihin'ny mpanoratra tato amin'ity tantara ity ny hoe teknisiana ary nambarany ihany koa ireo antony nahatonga azy hanonofy.

I Alexandre Dumas kosa no nanoratra sy naneho voalohany ilay antsoin'ny Amerikana hoe “the non fiction novel” na ny “fact” sy “fiction”, izany hoe ireo zavatra noforonin'ny saina.

Ny asa soratr'i Dumas dia tsy nanaraka ireo fepetra momba ny tantaran'ny asa fitsikilovana. Naka tahaka ny tantara ara-pôlitika izay noforonin'ny saina na ny “fiction politique” miantefa indrindra amin'ny sarambabem-bahoaka izy. Ny ankamaroan'ny tantaran'i Dumas dia tantara misarin'ady, hany ka tsy dia nampazoto ny olona loatra ny famakiana azy. Nampihena ny famokarana ireo tantara ireo izany.

Vanim-potoana lehibe teo amin'ny RE ny vanim-potoana manodidina ny taona 1840; nirotsaka an-tsehatra nanomboka teto ireo sangany amin'ireo mpahay literatiora. Tamin'ny taona 1839 dia namoaka ny boky Chartreuse de Parme i Stendhal. Io boky io dia nosokajian'i Balzac ho anisan'ny tantara noforonin'i Machiavel tamin'ny taon-jato faha XIX. Io asa soratra io dia tsy azo lazaina ho tena RE. Na izany aza anefa dia hita mibahan-toerana ao amin'io tantara io ny tsiambaratelo, ny fitandroana ny filaminana ara-pôlitika, ny famonoana olona na

⁽⁴⁶⁾ Révolution en 1789

andian'olona mba hahafantarana ny tsiambaratelony, ny fiovan'endrika, ny fiampitana ranomasina...

Tsy niseho mivantana avokoa ireo mpanoratra tamin'ity vanim-potoana ity fa niafina. Anisan'ireny i Stendhal ao amin'i Chartreuse de parme. Ny hevitra ambadika hatrany no nampiasainy tamin'izany. Na toy inona na toy inona endriky ny mpandray anjara ao amin'io tantara io, dia hita taratra hatrany ny fanehoana ny fihetseham-po.

I Balzac dia nanoratra ny tantara an-tsehatra momba ny fitsikilovana ny asa ataon'ny olona na ny “espion de metier”. Ahitana izany ireto tantara ireto: Une ténébreuse affaire (1843) sy Splendeurs ary Misères des courtisanes (1838-1847).

Ny vontootin-kevitra ny asa soratr'i Michel Boyron kosa dia niompana tamin'ny fampitsaharana ny asan-jiolahy, ny fiarovana ny fananam-panjakana sy ny tombontsoany manokana. L'envers de l'histoire contemporaine no asa soratra nosoratany farany hatramin'ny taona 1848.

Ny fikarohana ny tsiambaratelo no tena tanjon'i Stendhal sy Balzac. Na dia izany aza anefa dia tsy nohamaivaniny ny fisamborana ireo olon-dratsy sy ny fanaovana fanadihadiana mikasika ireo fakany am-bavany teo aloha na “*préjugés courants*”. Amin'i Stendhal sy Balzac dia tsy azo atao ny mikaroka ny tsiambaratelo avy amin'ny lalan-tokana. Avy amin'ny fanangonana ireo vaovao tsy marina rehetra no mety hahafantarana izany.

Raha fintinina izay voalaza teo izay dia azo ambara fa misoko mangina ny fidiran'ny fitsikilovana teo amin'ny sehatry ny literatiora tamin'ny taon-jato faha XIX. Tamin'ny taona 1821 no niseho voalohany ny RE izay nosoratan'i James Fenimore Cooper, tamin'ny 1846 kosa no niseho tany Frantsa ny tantara nosoratan'i Joseph Balsamo; taorian'izay dia nanomboka nanoratra ihany koa i Alexandre Dumas. Nanodidina ny taona 1840 vao nirotsaka teo amin'ny fanoratana RE ny

mpanoratra malaza eo amin'ny lafiny literatiora, anisan'ireny i Stendhal, Balzac ary Michel Boyron.

Nambara tamin'ny ankapobeny teo ny fototra antirôpôlôjikan'ny RE sy ny fomba fidiran'ny fitsikilovana teo amin'ny sehatry ny literatiora. Ho voasambotra manomboka eto ny tantaran'ny RE; hambara eo am-piandohana ny tantaran'ny RE Frantsay; manaraka izany ny tantaran'ny RE Anglisy, ary nany amin'ny farany no hanehoana ny tantaran'ny RE erantany.

3.1.1. Ny “Roman d’Espionnage” Frantsay:

Nitondra akony teo amin'ny literatiora Frantsay ny fisian'ny RE. Ambara mandritra ny famakafakana ny tantaran'ny RE Frantsay, ny faharetany, ny loharano nipoiran'ny RE Frantsay, ary hotanisaina eto ihany koa ny santionany amin'ireo mpanoratra RE Frantsay sy ny asa sorany.

3.1.1.1. Ny faharetan'ny “Roman d’Espionnage” Frantsay:

Tratra aoriana kokoa sady tsy dia hita firy ny fomba fisehon'ny RE tany Frantsa raha oharina amin'ny fomba fisehony tany Grande Bretagne. Ireo mpanoratra RE Frantsay dia tsy nihevitra afa-tsy izay hampielezana sy hanomezan-danja ny RE tao an-tanindrazana.

Taratra nandritra ny vanim-potoana 1870 izay vanim-potoana nisian'ny faharavana ny fanavaozana ny fomba fiadiana. Fepetra noraisin'ny fanjakana Frantsay tamin'izany ny fanofanana ireo mpianady mba hahazoana vokatra tsara kokoa. Na izany aza anefa dia tsy mbola nahazo nampiasain'ny olon-tsotra sy / na ny miaramila ny teny hoe « fitsikilovana ». nafenina tao ambadiky ny teny hoe « valifaty » ny tantara momba ny asa fitsikilovana tamin'izany. Santionany amin'ireo ny tantara « le dossier de la revanche » sy ny « asa fitsikilovana Alemana tany Frantsa » na « l’espionnage allemand en France » izay nosoratan'i François Loyal tamin'ny 1887 tao Paris.

Ny taona 1888 no nanomboka hita teo amin'ny tantara an-tsehatra ny teny hoe tsikilo na « espion » sy « espionne ». Nanamarika io fivoahan'ny teny hoe tsikilo io ny tantara nosoratan'i Kolonely rosiana W.N. Klembosky izay nampitondrainy ny lohateny hoe « **ny asa fitsikilovana miaramila mandritra sy taorian'ny ady** » na « **l'espionnage militaire en temps de paix et de guerre** ». taorian'izay dia nihanitombo ireo mpanoratra RE. Ohatra tamin'ny taona 1887 tao Paris dia nanoratra ny tantara « **ny fitsikilovana sy ny famadihana** » na « **l'espionnage et la trahision** » i R. Detourbet. Teo ihany koa « **ny asa fitsikilovana miaramila sy ny tsiambaratelon'ny ady tany Frantsa sy tany ivelany** » na « **l'espionnage militaire et les fonds secrets de la guerre en France et à l'étranger** » nosoratan' i Lieutenant A. Froment.

Na dia teo aza izany rehetra izany dia ny taon-jato faha XX vao nanomboka nanoratra tantara foronina maneho amin'ny antsipirihany momba ireo fandravana ady nataon'ireo Frantsay ny mpanoratra RE. Nambara teo ny fahaterahan'ny RE Frantsay. Ndeha hasian-teny amin'ny ankapobeny ny loharano nipoiran'ny RE frantsay.

3.1.1.2. Ny loharano nipoiran'ny « Roman d'Espionnage » Frantsay :

Raha ny RE Frantsay no horeshaina dia azo lazaina fa i *Pierre Nord* no fampisian'izany. Ambaran'i Boileau Narcejac fa anisan'ny nampiroborobo ny RE ny fisian'ny tantara “**double crime sur la ligne Maginot**” nosoratan'i Pierre Nord⁽⁴⁷⁾. Manamafy izany i Josée Dupuy raha nilaza fa « John Buchan no loharano nipoiran'ny RE Anglisy ary Pierre Nord kosa no niandohan'ny RE Frantsay »⁽⁴⁸⁾.

Telopolo taona talohan'ny nanoratan'i Pierre Nord dia efa nisy ny RE Frantsay , saingy mbola tsy niely patrana izany.

⁽⁴⁷⁾ GABRIEL VERALDI, op cit tak 76 : « c' est Pierre Nord qui, avec double crime sur la ligne Maginot donnant au roman d'espionnage l'impulsion décisive ».

⁽⁴⁸⁾ GABRIEL VERALDI, op cit tak 76 : Josée Dupuy va jusqu'à dire que « les premiers romans d'espionnage sont nés en Angleterre avec John Buchan et en France avec Pierre Nord ».

Tahaka ireo mpanoratra indray nihira taminy dia nankafy manokana ny RE izay ahitana olana i Pierre Nord. Santionany amin'izany ilay tantara malaza mitondra ny lohateny hoe « *Ilay saron-tava* » na « *le masque* » izay navoakan'ny famoaham-boky Champs Elysées.

Vokatry ny fifangaroan'ny fananany traik'efa sy ny talenta no nahatonga azy hanoratra tantara. Ireo tantara nosoratan'i Pierre Nord dia saika maneho ny zava-nitranga teo amin'ny fiainan'ny olona avokoa. Nanoratra RE miisa 100 eo ho eo izy.

Iray amin'ireo mpanoratra RE Frantsay i Pierre Nord. Maro ireo mpanoratra RE Frantsay toa azy, koa ndeha hotanisaina amin'ny ankapobeny izy ireo sy ny asa sorany.

3.1.1.3. Ireo mpanoratra « Roman d’Espionnage » frantsay sy ny asa sorany :

Maro ireo mpanoratra RE Frantsay. Santionany amin'izy ireo sy ny asa soratra novokarin'ny no haseho eto, anisan'ireny i *Gerard de Villiers* ; *Lequeux* sy *Paul d'Ivoix*, *Jean Bruce* sy ny namany, *San Antonio*, *John Gardner* sy *Celestin Valois* ary *Souvestre* sy *Alain* ...

Teraka tamin'ny taona 1929 i Gerard de Villiers, tamin'ny taona 1963 izy no namoaka RE voalohany. Nanavanana an'i Gerard de Villiers ny fanoratana ny tantara foronina momba ny herisetra ara-moraly (fitantarana ny fiainana baribariana tsy amin-tahotra sy tsy misy fetrany) sy ny herisetra ara-batana (fakana an-keriny sy fampitahorana). Nitondra akony teo amin'ny ara-politika ny fivoizan'ny mpanoratra ireo tara-kevitra ireo. Tsy ny fanoratana tantara mampitahotra, tantara maneho fijaliana sy fahasahiana ihany no nabaribarin'ny mpanoratra tao amin'ireo asa sorany ireo; nitsikera ireo firenena maro eran-tany ihany koa izy.

Azo lazaina fa manana ny nampivavaka azy teo amin'ireo mpanoratra hafa i Gerard de Villiers. Tsy isalasalana ihany koa fa anisan'ireo mpamokatra RE tsara indrindra izy.

Asehon'i LeQueux sy Paul d'Ivoi ao amin'ireo RE nosoratany fa any amin'ny firenen-kafa lavitra azy no amelomany ny tantara. Ho azy ireo dia mampisy aingam-panahy kokoa ny fahitany ny toerana vaovao. Marihina anefa fa na dia miova aza ny toerana ny tantara dia tsy miova ny mpandray anjara fototra ; ahitana ny vonan'ny tantara ihany koa ao amin'ireo asa sorany rehetra.

Tamin'ny taona 1909 dia namoaka RE i Paul d'Ivoi, ny fisian'io RE io dia nitarika ny firoboroboan'io karazana asa soratra io tao amin'ny firenena. Santionany amin'ireo tantara nosoratany ny « *mpitsikilo* » x 323 » na « *l'espion* x 323 » sy « *ilay olona tsy manana endrika* » na « *l'homme sans visage* ». Tamin'ny septambra 1910 ny gazety « *l'action française* » dia namoaka lahatsoratra mikasika ny fanoherana ny fangejana ara -indostria, aratsaina, ara-piandraiketan-draharaha nataon'ny Alemana amin'ny Frantsa. Nanomboka tamin'io fotoana io dia nihamaro ny tantara foronina niompana tamin'ny fitiavan-tanidrazana izay miendrika fitsikilovana.

Ankoatra an'i Paul Bertnay izay nanoratra ny « *l'espionne du Bourger* » sy L. Sollard izay nanoratra ny « *L'espionne des Balkans* » dia niseho teo amin'ny fanoratana literatiorambahoaka ihany koa i Léon Sazie sy Arthur Barnède ary Germaine Aubry.

Nony nipoaka ny ady dia nirona ho any amin'ny fanoratana tantara mirakitra tsiambaratelo ireo mpanoratra tantara mitohy². Miseho matetika tamin'ity karazana tantara ity ireo trangam-piainana izay mahaliana ny mpamaky. Santionany amin'ireo mpanoratra tantara mitohy ireo i Arsène Lupin sy Maurice Leblanc izay nampiantso vonjy maika ny tantara momba ireo mpangalatra eny anivon'ny fiaraha-monina ary nirona tany amin'ny tantara momba ny asa fitsikilovana.

⁽⁴⁹⁾² Roman feuilleton

Ny taona 1912 dia namoaka ny tantara “Naz en l’air” i Souvestre sy Alain ; io tantara io dia miompana indrindra amin’ny famadihan’ireo miaramila ny mpitondra azy ireo. Hita ao amin’io tantara io ny fifangaroan’ny fitiavan-tanindrazana sy ny fanakorontanam-pitondrana izay nampivavaka ireo mpanoratra ireo.

Nanana ny mampivavaka azy manokana ireo asa soratra nivoaka teo anelanelan’ny taona 1910-1919. Raha i Marc Angenot no resahina dia azo lazaina fa tsy nijanona teo amin’ny filazana ny ara-pihetseham-po fotsiny izy fa nitatra hatrany amin’ny fanafihana ireo mihantsy ady aminy mihitsy, taratra izany ao amin’ireo tantara foronina antsoina hoe “roman revanchard”. Mibahan-toerana ao amin’io sokajiana tantara foronina io ny fifangaroan’ny tsy fifandeferan’ny firenena Frantsay sy ny fahatahorany ny herisetra nataon’ny Alemana sy ny Anglisy. Nandritra ny fanoherana ny fihantsiana ady sy ny fanavakavaham-bolon-koditra no nisehoan’ity sokajin-tantara ity.

San Antonio na Frédéric Dard izay teraka tamin’ny 1921 dia mpanoratra avy ao Lyon. Izy irery ihany no mpanoratra Frantsay mitovitovy fanoratra amin’i Gérard de Villiers, samy somary mirona kokoa amin’ny nofinofy ny asa soratr’izy ireo. Tsy dia niomana ho mpanoratra RE loatra i San Antonio. Ny tena nanavanana azy dia ny tantara foronina niompana amin’ny fitsaboana ireo marary saina saingy mpiandraikitra manokana momba ny fitandroana ny filaminana no asa niandraiketany. Ny taona 1949 izy no niara-namoaka ny tantara foronina “fleuve noir” tamin’i Jean Bruce.

Ny antony ara-barotra no nahatonga an’i Jean Bruce sy ireo namany hirotsaka eo amin’ny sehatry ny fitantarana RE, ny nofinofy no tena vontoatin-kevitry ny asa sorany tamin’izany. Nataon’izy ireo ho fitadiavam-bola ny fanoratana tantara, vokatr’izany dia tsy mitovy amin’ny hatsaran’ny asa soratr’i Pierre Nord sy Kipling ny endriky ny asa sorany.

Anisan'ireo mpanoratra tantara momba ny trangam-piainana⁽⁵⁰⁾ i Paul Deleutre santionany amin'ireo tantara nosoratany ny les cinq sous de Lavarede; le corsaire; triplexe....

Ireo tantara foronina nosoratany dia tsy nahitana hetsika firy. Noezahin'ny mpanoratra naseho ny tena endriky ny literatioram-bahoaka ; tsy nahitana fanitarana mihitsy tao anatin'izany asa sorany izany.

Vitsy dia vitsy ireo mpanoratra RE mampihomehy (Roman d'espionnage comique) frantsay fantadaza. John Gardner izay teraka tamin'ny 1927 no malaza indrindra amin'izany ireny, ny tantara nanavanana azy indrindra dia ireo tantara ahitana fisehoan-javatra tsy fahita andavanandro.

Tsy dia naharitra loatra teo amin'ny literatiora ny RE mampihomehy, tsy dia nahasarika loatra ireo mpanoratra RE frantsay ihany koa izy. Ny tantara Basile le Distrain izay nosoratan'i Célestin Valois no tantara foronina nivoaka farany tamin'ity karazana asa soratra mampihomehy ity.

Azo lazaina fa “misongadina ao amin'ny RE frantsay ary anisan'ny anton'ny fisiany ny faharetana sy ny famaliana”⁽⁵¹⁾. Tanjon'ny famoronana RE Frantsay ny famalian'ireo herisetra nataon'ireo fahavalon'ny Frantsay. Niteraka akony ara-politika ny fisian'ny RE Frantsay mialoha kelin'ny ady lehibe. Niteraka tsy fandraisan'ny Governemanta miaramila anjara teo amin'ny ady izany, vokat'izany dia maro tamin'ireo vahoaka no maty. Nanodidina ny taona 1910 dia niompana tamin'ny tara-kevitry ny fitiavan-tanindrazana ny RE; San Antonio sy Villiers ary J. Bruce dia manompana ny asa sorany tamin'ny nofinofy. Tsy dia hita teo amin'ny literatiora Frantsay ny RE mampihomehy, na izany aza anefa dia noezahan'i Paul Deleutre naseho ny tena endriky ny literatioram-bahoaka.

⁽⁵⁰⁾ Roman d'aventure

⁽⁵¹⁾ GABRIEL VELARDI, op cit tak 64 : « le roman d'espionnage français naît sous le signe de la revanche et de la résistance ».

Nampahafantarina tamin'ny ankapobeny teo ny momba ny RE Frantsay. Nambara tamin'izany fa niandalana ny fahaterahan'ny RE Frantsay. Azo lazaina fa anisan'ny loharano nipoiran'ny RE Frantsay i Pierre Nord. Notanisaina teo ihany koa ny ampahany tamin'ireo mpanoratra RE Frantsay sy ny asa sorany. Ity fizarana manaraka ity kosa no hanehoana ny tantaran'ny RE Anglisy

3.1.2. Ny “Roman d’Espionnage” Anglisy.

Hita teo fa manana ny maha izy azy ny RE Frantsay, manana ny lanjany manokana teo amin'ny sehatry ny literatiora iraisam-pirenena ihany koa ny RE Anglisy. Ndeha hohazavaina ety am-piandohana ny tantara niandohan'ny RE Anglisy ; ao aorian'izay ny RE tany Etazonia.

3.1.2.1. Ny niandohan'ny « Roman d’Espionnage » Anglisy

Azo lazaina ho loharano nipoiran'ny asa fitsikilovana Anglisy i John Buchan. Teraka tany Perth tamin'ny taona 1875 izy. Anisan'ny mampalaza azy ny tantara foronina mitondra ny lohateny hoe Prester John izay nosoratany tamin'ny 1910. Io tantara foronina io dia mirakitra ny tsiambaratelon'ny fiainana ara-politika na “roman de politique secrete”. Izy no anisan'ireo mpanoratra Anglisy sangany indrindra ; manan-tsaina izy, mpanao politika ngezalaha ihany koa ankoatra ireo dia mpahay tantara izy ary fara-tampony eo amin'ny fanoratana. Nanoratra RE izy satria tsapany fa io no ahafahany maneho ny heviny.

Taratra ao amin'ny asa soratr'i John Buchan ny fivoaran'ny RE. Niainga avy amin'ny asa soratr'i John Buchan avokoa ireo mpiangaly ny literatiora Anglisy rehetra.

Ankoatra an'i John Buchan dia anisan'ireo mpanoratra nampiroborobo ny RE Anglisy ihany koa i Steiber sy Le Queux. Mialoha ny hanambarana ny lalana

nodiaivin'i Le Queux ka nahatonga azy ho lasa mpanoratra Anglisy malaza dia ampahafantarina amin'ny ankapobeny aloha ny lalana nodiaivin'i Steiber.

Taorian'ny faharavan'ny fanjakana faharoa dia niorina ny fanjakana an'i Alemana. Nodinihin'ireo mpitondra tao ny zava-nisy mba hahafahan'izy ireo maminavina ny ho aviny. Tsapan'izy ireo nandritra izany ny fandresen'i Bismarck noho ny nahafantarany ny tsiambaratelon'ny ady.

Wilhelm Steiber dia mpanolo-tsaina voalohan'i Bismarck; anisan'ireo marani-tsaina ny amin'ny resaka fitsikilovana izy, izy ihany koa no nanangona ireo toe-javatra momba ny fitsikilovana tao Frantsa. Notombanany nandritra izany ny herin'ny ady; nandray fanapahan-kevitra hentitra izy : namorona antokon'olona fahadimy i Steiber... Mody nolazaina fa mpifindra monina io antokon'olona io nefa naorina mba hanakorontana tao Paris. Tetsy ankilan'izany, nanome famotsoran-keloka i Bismarck ; nanara-maso ireo mpitondra Frantsay vaovao izy ary nametraka tamin'ny toerana tokony hisy azy avy ireo antokon'olona mpitsikilo sy nijery ny vokatr'izany.

Nitondra akony teo amin'ny asa fitsikilovana ireo toe-java-niseho ireo. Vokatr'izany dia niova ny sata mifehy azy. Nony maty i Steiber dia natao makotroka tokoa ny fandevenana azy.

Nanomboka ny taona 1871 ka hatramin'ny faran'ny taon-jato faha-XIX dia nanova ny fomba fiasany eo amin'ny sehatry ny fitsikilovana ireo hery lehibe rehetra. Niova ny toe-tsaina tao amin'ny fitondra-miaramila : tsy notsinotsinoavin'ireo mpitondra miaramila intsony ny asa fitsikilovana. Nanjary nanana anjara toerana lehibe teo anivon'ny tanindrazana ny asa fitsikilovana. Noho ny fisiany dia niha-niova ny fitondran-tenan'ny olona: niha-narani-tsaina izy ireo; nitombo ny fahasahiany ary nanjary nanana fahafoizan-tena.

Vokatr'io fisehoan-javatra io dia tonga saina ireo mpitondra pôlitika sy miaramila anglisy; nihevitra izy ireo fa tsy hahazaka ny ady amin'ny fomba vaovao

intsony ny fireneny; noheveriny ihany koa fa mety hisy hamadika ao amin'ireo vahoakany. Nanomboka teo dia niha-hentitra ny fitaovana ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra, nampiasaina hatramin'ireo sambo mpiady tsara aro.

Hita araka izany fa nahazo vahana ny asa fitsikilovana anglisy noho ny antony ara-politika. Nandray anjara teo amin'ny fampiroboroboana ny RE anglisy ihany koa i Le Queux na dia teratany frantsay aza. Ndeha hofantarina ny antony nahatonga izany.

William Le Queux dia zanaka lahimatoan'i Guillaum Le Queux. Teraka tany Londres tamin'ny taona 1864 izy ary nanoratra RE tamin'ny teny anglisy noho ny fitiavany io karazana asa soratra io. Na dia teratany frantsay aza izy dia tsy nahasakana azy hanoratra tantara amin'ny teny anglisy izany. Faritra maro manerana izao tontolo izao no nolalovany (Alemana, Italia, Frantsa ...); araka izany dia niteny tamin'ny fitenim-pirenena maro izy. Noho io fahaizany tenim-pirenena maro io dia nisafidy ny ho mpanao gazety mahaleo tena “reporter freelance” izy.

Tamin'ny taona 1890 dia namoaka lahatsoratra maro tao amin'ny gazety “Times” izy; miompana amin'ny hetsika nataon'ny rosiana ny vontootin-kevitr'io lahatsoratra io. Nanoratra tantara foronina momba ny fanoherana ny “Tsar” mitondra ny lohateny hoe “Guilty Bonds” ihany koa izy. Marihina fa tsy nahazo navoaka tany Rosia io tantara foronina io.

Herintaona taorian'io dia notendrena ho tompon'andraikitra momba ny raharaham-bahiny tao Globe izy. Nametra-pialana anefa izy ny taona 1893 ary nanomboka teo dia tsy nanoratra afa-tsy tantara foronina. Ny revio “Answers” no namoahany tantara foronina an-gazety voalohany izay nampitondrainy ny lohateny hoe “The great war in England in 1897”. Niha-nalaza manerana an'i Frantsa sy Rosia io tantara io. England's Peril kosa no asa sorany faharoa; nahitana taratra momba ny asa fitsikilovana io asa sorany io.

Tamin'ny taona 1896 dia nanoratra tantara momba ny revolisiona “Russe” i Le Queux, io tantara foronina io dia maneho ny hetsika nataon'ireo vahoaka ho fanoherana ny Jiosy na ny Pogroms, nampitondrainy ny lohateny hoe A secrets Service io tantara io. Marihina fa noraran'ny mpitandro filaminana “tsariste” ny famoahana io tantara io. Taorian'io dia mbola nanoratra tantara hafa toy ny Secrets of the foreign office; the hunchback of westminster ary the czar's spy ny mpanoratra.

Taorian'ny taona 1904 izay nisian'ny fifanarahana pôlitika teo amin'i Frantsa sy Rosia no nanehoan'i Le Queux ny tena endriky ny “RE” sy ny vontootin-keviny.

Mandra-pahafatiny (hatramin'ny taona 1927) dia nanjary mpanoratra “RE” fantabahoaka i Le Queux. Nankafy manokana ny asa sorany ireo mpitondra ; vokatr'izany dia nadika tamin'ny fitenim-pirenena maro ny asa sorany (japoney, sinoa, arabo ...)

Nahatonga ireo mpanoratra anglisy hanoratra « RE » ihany koa ny fahitany ny zavamisy niainany. Iray amin'ireo mpanoratra “RE” anglisy i Fenimore Cooper. Nandritra ny ady lehibe faharoa izay nifanandrian'ny Amerikana sy ny Anglisy dia nanara-maso (nitsikilo) ny farihy lehibe tamin'ny alalan'ny fitaovana hary fomba izy. Taorian'izay dia niandraikitra ny asa amin'ny maha-solombavam-bahoaka azy izy. Nandritra izany no nanolorany ny volavolan-kevitra momba ny hamoronana sampan-draharaha “Département of Naval Intelligence” izay misahana ny asa fitsikilovana.

Araka izany, azo lazaina fa nanjary mpanoratra “RE” ireo olona havanana amin'ny fanaovana asa fitsikilovana.

Nohadihadiana teo ny niandohan'ny “RE” anglisy, hita nandritra izany fa niforona noho ny fisian'ny raharaha ara-pôlitikan' ny miaramila izy. Maro amin'ireo mpanoratra “RE” anglisy talohan'ny taona 1900 no niandraikitra ny raharaha miaramila, na nitana andraikitra ambony ao amin'izany sampan-draharaha izany. Ny

17 amin'ireo mpanoratra 19 talohan'ny taona 1900 dia pôlisy sy mpiandraikitra ny raharaha miaramila avokoa.

Nanana ny lanjany manokana teo amin'ny literatiora ihany koa ny “RE” amerikana, ndeha hambara amin'ny ankapobeny ny momba azy ireo.

3.1.2.2. Ny “Roman d’Espionnage” tany Etazonia

Misokajy ho telo lehibe ny “RE” tany Etazonia dia ireo “RE” noforonina ho fitadiavam-bola (les series commerciales); ireo “RE” lehibe (les grands romans) ary ireo “RE” nampiasaina ho fampielezan-kevitra (les supports de propangande).

Ny tena ifotorana momba ny “RE” any Etazonia dia ny fampiasana ity sokajin-tantara foronina ity ho fampielezan-kevitra izay antsoina ihany koa hoe “political warfare”. Hohazavaina amin'ny ankapobeny izay voalazan'ny mpanoratra vitsivitsy ao anatin'ny asa sorany. Anisan'ireny ilay tantara foronina mitondra ny lohateny hoe “Topaz” nosoratan'i Léon Uris izay nivoaka tamin'ny taona 1967. io tantara foronina io dia niteraka savorovoro nandritra ny taona maro.

Naelin'i Léon Uris manerana ny fampahalalam-baovao amerikana fa ny bokiny irery ihany no ahafahana mamantatra ny politika iraisam-pirenena mikasika an'i Frantsa. Hoy indrindra izy: ***“mirakitra ny politika iraisam-pirenena an'i Frantsa ny asa soratro tsy mamoaka ity boky ity ireo mpanoratra boky Frantsay noho ny fahatsapany fa nanafintohina azy ireo ity boky ity. Nefa tsara raha toa ka ampahafantarina ny firenena rehetra ny zava-mitranga amin'ny frantsay. Noho izany dia miangavy ireo mpizaha-tany amerikana mandalo any Frantsa aho mba hametraka santionany iray amin'ity boky ity ho an'ny Frantsay. Izany no natao dia mba hahafantaran'ireo Frantsay azy”***.

Toy izany no voalazan'ny mpanoratra Exodus ao amin'ny asa sorany. Nikasa ny hanaratsy an'i Frantsa nandritra ny fitondran'i De Gaule izy. Fomba iray nampiasainy ny famoronana tantara foronina manaratsy ny governemanta Frantsay.

Nanan-danja lehibe teo amin'ny fiainan'ny Amerikana ny “RE”. Nampiasaina nandritra ny ady mangatsiakan'ireo sivily izy io. Niteraka herisetra tany Etazonia ny taona 1972 ka hatramin'ny taona 1980 ny fisian'ny “RE”.

Santionany amin'ireny ny nihatra tamin'ny CIA⁽⁵²⁾ sy ny FBI⁽⁵³⁾. Latsaka an-katerena izy ireo noho ny fisian'ny “RE” izay nosoratan'ireo fahavalom-pirenena. Vontoatin-kevitry ireo tantara ireo ny filazana fa mpamadika ny CIA sy ny FBI.

Raha fintinina izay rehetra izay dia azo ambara fa nibahan-toerana lehibe teo amin'ny fiainana ara-politika ny “RE” tany Etazonia. Nanjary fitaovam-pifandraisana iray mahomby ho an'ny sarambagem-bahoaka izy. Nahitana azy avokoa ny tany amin'ny gazety, na tany amin'ny fahitalavitra, na tany amin'ireo fitaovam-pifandraisana hafa.

Nampahafantarina teo ny momba ny “RE” frantsay sy ny “RE” anglisy. Holazaina amin'ny ankapobeny indray izao ny tantaran'ny “RE” eran-tany.

3.1.3. Ny “Roman d’Espionnage” eran-tany

Nieli-patrana manerana izao tontolo izao ny “RE”. Nanoratra “RE” avokoa na ny tatsinanana na ny tandrefana. Nahitana “RE” ihany koa taty amin'ny tany an-dalam-pandrosoana. Ndeha hambara amin'ny ankapobeny ny momba ny “RE” any amin'ireo firenena ireo; aorian'izay dia hasian-teny fohy ny fivoaran'ny “RE” eran-tany. Ampahafantarina any amin'ny farany ny anjara asan'ny “RE”.

- Maro ireo mpanoratra “RE” tany amin'ny firenena tatsinanana, an'isan'ireny i **A. Gulyashky** izay nanoratra ny tantara “ilay hatsaran-tarehy teo an-tendron-kazo” na “la belle au bois dormant” sy ny dia tany Montchilovo na “mission à Montchilovo”. Tera-tany Bulgare izy saingy nanoratra tamin'ny teny rosiana.

⁽⁵²⁾ CIA : Central Intelligence Agency

⁽⁵³⁾ FBI : Federal Bureau of Investigation

Roman kim izay nanoratra ny “ilay iraka manokana” na “agent special” kosa dia tera-tany sovietika.

Ho an’ny rosiana kosa dia nionona teo amin’ny lafiny fampielezan-kevitra fotsiny ihany ny “RE”. nahitana ny “RE” ihany koa teo amin’ny resaka politika na “fiction politique”. Anisan’ireny ny tantara dix sept instants au printemps na ny the himmler ploy. Ambaran’i Julian Semenov ao amin’io « RE » nosoratany io ny tantaran’ny olona iray sady manam-pahamendrehana no olo-marina.

Mikasika ny “RE” tany URSS kosa dia azo lazaina fa tsy dia nomen-danja loatra izy ireo. Noheverina mantsy fa hanome sain-dratsy ho an’ny olona ny famakiana azy. **Vladimir Semitchastny** dia niantso ireo mpanoratra sosialista rehetra ho fanoherana ny fampielezan-kevitra diso tafahoatra izay nahatafakatra an’i James Bond. James Bond dia manam-pahaizana manokana momba ny fandresen-dahatra “combat idéologique”. Izy no nilaza ny marina rehetra momba ny Pasternak sy ny Soljenitsyne. Nitatra manerana ireo firenena sosialista io hetsika nataony io. Ny repoblika demokratikan’i Alemana ihany no afa-nanohitra izany.

Vokatr’io fampielezan-kevitra io dia nahatratra hatrany amin’ny 339 ireo sampan-draharaha samihafa tonga mpanohitra ireo firenena sosialista ka i Etazonia no lohalaharana tamin’izany. Marihina fa noho ny fisian’ny boky criminal roman izay azo hafahezina amin’ny hoe krimi no anisan’ny namotika an’i Alemana andrefana tamin’ny alalan’ny kapitalisma.

Ankoatra ny efa voalaza tany aloha, tiana ihany koa ny manamarika fa misy amin’ireo mpanoratra tandrefana nanoratra “RE” momba ny zava-misy ao amin’ny fireneny irery ihany. Anisan’ireny i Hans Helmut Kirst sy Karl Wander, ny asa soratr’i Karl Wander dia niompana tamin’ny ady amin’ny kolikoly; ny zava-mahadomelina; ny fivarotan-tena ary ny herisetra.

Ho an’ireo mpanoratra amin’ny teny Alemana kosa dia tsy nisy afa-tsy ilay Aotrisiana **Johannes Mario Simmel** irery, io ihany no hany nahita fahombiazana tany

Frantsa sy tany an-kafa. Nahafantarana io mpanoratra io ny fanoratana tantara foronina ahitana mpandray anjara fototra sahy sedra na jiolahim-boto, tsy mifidy tany iadiana kanefa mahay miara-miaina amin’olona. Ho an’i Alemana dia tsy teo amin’ny literatioram-bahoaka ihany no nisehoan’ny famelezana ny Frantsay; nahitana izany avokoa ireo karazana asa soratra literera niseho.

Raha ny momba ny “RE” any amin’ireo tany an-dalam-pandrosoana kosa no asian-teny dia azo lazaina fa sarotra ny manombana azy ireo amin’ny ankapobeny. Tsy dia hita taratra mivantana loatra ny tantara momba ny asa fitsikilovana. Fahita matetika any ireo tantara miompana amin’ny famelezan-dratsy ny olona na “plaisanterie”.

Nandritra ny fahasahiranana Bondomanie na “crise de Bondomanie” dia namoaka tantara an-tsary momba an’i James Bomb ny revio “jeune Afrique”. Io tantara io dia miompana amin’ny fanahin’ireo firenena tavaratra an’ireo firenena mahantra. Ao amin’io tantara io dia tovovavy kely tsara tarehy mpanao majia no fahavalon’ireo mpitsikilo. Tian’ity mpanoratra ity tantara ity hasongadina eto fa tsy afaka ny hihoatra na hifaninana ara-teknika amin’ireo firenena efa mandroso ny Afrikanina.

Raha fintinina izay rehetra izay dia azo ambara fa ireo firenena miteny Anglisy no tena havanana indrindra eo amin’ny teknikan’ny fanoratana “RE”; manaraka azy i Frantsa ary aorian’ireo ny URSS. Tsy dia hita misongadina loatra kosa ny fanoratana “RE” any amin’ireo firenena hafa.

Nambara teo ny momba ny “RE” eran-tany; noho ny fikelezan’ireo mpanoratra aina dia niha-nivoatra io sokajin-tantara io. Ndeha hasian-teny fohy izany fivoarany izany.

3.1.3.1. Ny fivoaran'ny “Roman d’Espionnage” eran-tany:

Ny taona 1950 ka hatramin'ny 1960 dia nanjary nanana ny anjara toerany lehibe eran-tany ny asa fitsikilovana. Niely manerana ireo fitaovam-pifandraisana maro izy toy ny fahitalavitra, ny filazam-baovao, ny horonan-tsary mihetsika ...

Nitondra akony teo amin'ny “RE” io firoboroboan'ny asa fitsikilovana io. Vokatr'izany dia niha-lalim-paka tao an-tsain'ny maro ny fisiany ary niha-nankafizin'ny sarambagem-bahoaka izy.

Tsy tongatonga hoazy ny fakafizan'ny olona “RE”; anisan'ny nahatonga ny olona hankafy ny “RE” ny fanehoan'ny mpanoratra ny anjara asan'ny “RE” ao amin'ny asa sorany na mivantana izany na ankolaka.

3.1.3.2. Ny anjara asan'ny “Roman d’Espionnage”

Tsy azo hamaivanina ny anjara asan'ny « RE » eo anivon'ny literatiora. Manana anjara asa fanabeazana sy fampitam-baovao izy.

Ho an'ireo mpiangaly manokana ny asa fitsikilovana toa an'i **John Buchan** sy **Pierre Nord** dia “manana anjara asa fanabeazana ny “RE”. Santionany amin'izany ny fanabeazana amin'ny alalan'ny fanehoana ny fomba fitatanam-panjakana na / sy ny fanehoana ny fomba fiady”⁽⁵⁴⁾.

Natao ho fampahalalam-baovao ihany koa ny “RE”; amin'ny alalan'ny “RE” no ahafahana mandefa hafatra tsy tiana ambara mivantana. Santionany amin'ireny izay voalaza amin'ny tantara foronina “le gorille en revolution” izay nosoratana tamin'ny taona 1958. Nanjary be mpividy io boky io (hatramin'ireo tsy mpamaky “RE”) noho ny fiheverana fa amin'ny alalan'ny famakiana io boky io no ahafantarana ny fomba niverenan'i Jeneraly Degaulle teo amin'ny fitondrana.

⁽⁵⁴⁾ Gabriel VERALDI, op cit tak 122 « il « le RE » exerce une fonction proprement éducative en donnant un cours « crypté » sur l'art d'empire ou sur la pratique de la guerre secrète ».

Nambara teo ny anjara asan'ny “RE”; hita tamin'izany fa azo atao ho fampahalalam-baovao sy ho fanabeazana izy.

Famintinana:

Raha fintinina izay rehetra izay dia azo lazaina fa niandalana ny fidiran'ny “RE” teo amin'ny sehatry ny literatiora. Nanodidina ny taon-jato faha XIX no tena nisehoan'izany. Raha ny Frantsay manokana dia tany amin'ny taon-jato faha XX vao tena hita teo amin'ny sehatry ny literatiora ny “RE”. i Pierre Nord no anisan'ny loharano nipoiran'izany. maro ireo mpanoratra “RE” Frantsay toa an'i Gerard de Villier, Paul d'Ivoi, San Antonio ..., tsy tambo isaina ihany koa ireo tara-kevitra novoiziny toy ny herisetra, ny fitiavan-tanindrazana. Nampahafantarina nandritra ny fanehoana ny tantaran'ny “RE” ihany koa ny momba ny “RE” Anglisy sy ny lanjan'izany tany Etazonia. Voalaza fa angady nananana sy vy nahitana ny “RE” Anglisy i John Buchan; teo ihany koa i Steiber sy William le Queux. Nanampy azy telo ireo ka nahatonga ny firoboroboan'ny “RE” Anglisy ny antony ara-politika. Nanana ny anjara toerany lehibe teo amin'ny lafiny politika tany Etazonia ihany koa ny “RE”; nampiasaina ho fampielezan-kevitra sy ho fitaovan-tserasera izy.

Nanoratra RE avokoa ny ankamaroan'ireo mpanoratra eran-tany. Saingy ireo firenena tandrefana no tena havanana amin'izany. Ankoatra ny maha fitaovam-pifandraisana ny RE dia natao ho fanabeazana ihany koa izy.

Hita tao amin'ity toko ity ny tantaran'ny RE. Tsapa nandritra izany fa misy itoviany ny toetry ny RE vahiny sy ireo tantara foronina nosoratan'i *Faralahy* raha ny tara-kevitra no dinihana dia azo ambara fa maro amin'ireo tara-kevitra izay novoizin'ireo mpanoratra vahiny indrindra ireo Frantsay no hita taratra ihany koa ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*; anisan'ireny ny “fiarovam-pirenena” izay tara-kevitra misongadina ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy*. Novoizin'ny mpanoratra io tara-kevitra io noho ny fahatsapany fa tadiavin'ireo vahiny hobodoina ny haren'ny Malagasy.

“Ny atao hoe firenena dia fitambaran’ny vahoaka ahitana ireto toetra ireto : iray razana, iray fonenana, na tanindrazana, iray fomba amam-panao amin’ny zava-baventy momba ny fiainana, iray fiteny, iray fitondrana, ary iray toe-tsaina aman-toetra”⁽⁵⁵⁾

Araka io famaritana io, dia tsapa fa sarobidy sady masina ny firenena. Noho izany indrindra no nahasrika ny mpanoratra hiresaka betsaka ny amin’ny fiarovam-pirenena izay hitanay ho mibahan-toerana tokoa ao amin’ny asa sorany.

Tsy lavina fa misy tara-kevitra maro lafy ventesin’ity mpanoratra ity toy ny ady, ny alina, sns.. fa ny tara-kevitra mikasika ny fiarovam-pirenena no hanompanana ny fanadihadiana. Mialoha ny hijerena ny tanjona tiany ho tratarina amin’izany, dia andeha ho hadihadiana aloha ny fomba nanehoan’ny mpanoratra ny fanakorontanana nataon’ireo fahavalom-pirenena sy ny setriny ho fanoherana izany, avy amin’ny mpitandro filaminana.

3.2. Ny fanakorontanana nataon’ireo fahavalon’ny firenena

Singa iray maha-firenena ny firenena ny mponina ao aminy. Ny fanaovana tsinontsinona azy ireny dia midika ho fanakorontanana ny fiainam-pirenena. Taratra izany ao amin’ny asa soratr’i *Faralahy*. Anisan’ny nataon’ireo fahavalom-pirenena ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona. Eo ihany koa ny fanamparam-pahefana tafahoatra, ary ny fampisarahambazana izay heverin’izy ireo fa tetika tena mahomby tokoa. Indro hohasinkasinina etsy ambany ny momba ireo.

3.2.1. Fanitsakitsahana ny zo maha-olona

Manana ny zo ho velona sy hiaina an-kahalalahana ny olona rehetra na iza na iza. Ao amin’ireo tantara foronina nohadihadiana, dia ahitana taratra ny

⁽⁵⁵⁾ FIRAKETANA NY FITENY SY NY ZAVATRA MALAGASY, op cit litera F tak 432

fanitsakitsahana ny zo maha-olona. Mampiharihary izany ny fandefasana an-tsesi-tany ary ny fandripahana ain'olona maro.

3.2.1.1. Fampanaovana asa an-terivozona

- Ny olona tsirairay dia tokony ho afaka an-kalalahana, hampiasa ny fahaizany araka izay tiany. Ny mpanoratra iray dia milaza fa ***“ny olona rehetra dia tokony halalaka eo amin’ny safidin’ny asa hataony; voararan’ny lalàna ny fanandevozana na inona na inona endrika isehoany”***⁽⁵⁶⁾. Ao amin’ny asa soratr’i Faralahy anefa dia noteren’ireo fahavalom-pirenena hanao asa tsy araka ny safidiny ireo mpandray anjara sasany ao amin’ny tantara.

Ao amin’ny AML 3 dia nalaina an-keriny ny vady aman-janaky Rabarinony ho fanerena azy ireo hiara-hiasa amin’i Profesora Ken Martin sy Masinera any Afrika atsimo. Voalaza aoamin’ny tantara anefa fa fahasambarana ho an-dRabarinony ny fiaraha-miaina amin’ireo vady aman-janany.

“Fa antoky ny fahasambarany indrindra ireo vady aman-janany ireo”.

AML 3 tak 9

Notsinontsinoavin’ireo jiolahy ny fiaraha-miainan’ny ankohonan-dRabarinony eto. Voalazan’i Patrick COURBE anefa fa ***“anisan’ny loharanon’ny fananana zo feno ny fiaraha-miaina”***⁽⁵⁷⁾.

Tsy vitan’ny hoe noterena hiara-hiasa amin’ny toby Kruger fotsiny Rabarinony sy Jaoba Lucien, fa nataon’ireo fahavalom-pirenena ho tsinontsinona ihany koa ny ampahany amin’ny vokatry ny asan’izy ireo:

“() Isan’ny sangany’asan’ny laboratoara Kruger io ranom-panafody io. Isan’ny asan-dRabarinony sy i Jaoba Lucien, Ah! Ah! Ah!. Raha fantany mantsy fa mety ho zava-doza ny fikotrehana itony bibin’aretina itony an!” AML 3 tak 134.

⁽⁵⁶⁾ P.H. CHALVIDAN, les droits del’homme, édition Armand Colin, Paris, 1995, tak 66 « toute personne a droit au libre choix de son travail, l’esclavage et la traite des esclaves sont interdits sous toutes leurs formes »

⁽⁵⁷⁾ P. COURBE, droit de la famille, Armand Colin, Paris, 1997, tak 79 : « la communauté de vie peut être source de droit ».

- Ny tantara VH dia maneho ny fanerena ny profesora Rodriguerz hiara-hiasa amin'ny profesora Strom sy Griffin. Vokatr'io fanerena io dia tsy misy lanjany tamin-dRodriguez ny volabe raisiny isam-bolana. Toy izao no anehoan'ny tantara izany:

“Niha-navesatra taminy [Rodriguez] ny fahanginana sy ny maha-singan-drery azy. Nangeja azy mihitsy ka niha tsy tantiny intsony ny fihetsika henjana sy hentitra mifehy ny fiainana tao amin'ny toby. Ary dia niha-natsatso koa ny volabe raisiny” VH tak 38.

- Ingahy Ravelo ao amin'ny VH dia voatery niara-niasa tamin'ireo jiolahy noho ny fitiavany ny zanany lahitokana. Fony mbola tsy nanaiky ny hiara-hiasa amin'ireo jiolahy mantsy izy, dia nisy nandona tamin'ny fiara ny zanany.

- Tsy nanaiky ny hiara-hiasa tamin'ireo fotsy hoditra tao Afrika atsimo I Hedrick Gunther ao amin'ny AS. Vokatr'izany, tsy navela hiala tao Afrika atsimo izy ary natao tsara ambina mihitsy ny toerana misy azy.

Ao amin'ireo tantara voalaza ireo, dia ahitana taratra ny fanerena hiasa an-terivozona na mivantana izany, na an-kolaka. Endriky ny tsy fahafaha-miaina an-kalalahana izany, no sady fanosihosena ny zo maha-olona.

Santionany amin'ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona ny fanaovana asa an-terivozona. Etsy an-daniny anefa dia misy ireo mpandray anjara izay nalefa an-tsesitany.

3.2.1.2. Ny fandefasana an-tsesi-tany:

Midika ho fanaovana tsinontsinona ny maha-olona ny fandefasana an-tsesi-tany. Maro amin'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara anefa no nalefa an-tsesi-tany. Santionany amin'ireny ireto:

- Naondrana ho any amin'ny tany be any an'efitr'i Afrika atsimo ireo mpikarama an'ady tsy lany vidity ao amin'ny tantara MA.

- Nalefa sesi-tany tao Afrika atsimo i Jaoba Lucien sy Rabarinony miaraka amin'ny ankohonany ao amin'ny tantara AML 3.

Araka ireo dia hita fa nataon'ireo fahavalom-pirenena ho tsinontsinona tanteraka ny maha-olona ireo mpandray anjara nalefa an-tsesi-tany. Tsy noheverina intsony ny fiainan'izy ireo any aoriana. Toy izao no nanehoan'ny mpanoratra izany:

MA tak 170: “() – *Dia mankaiza ireo izay tsy lany?*

- mankaiza moa tsy entindrizareo any ivelan'ity nosy kely ity.

Any dia avelany any ...”

Rahalina izao, misy andiany dimy lahy no ho entina any amin'ny “tany be”. Manaporofa ny tsy fiheverana ny hoavin'ireo mpikarama an'ady tsy lany vizity ny fampiasana ny mpisolo manondro toerana tsy hita maso “any”.

Na ny fandefasana an-tsesi-tany na ny fampanaovana asa an-terivozona dia samy fihetsika ratsy maneho ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona. Loza noho ireo ny fandripahana ny ainy.

3.2.1.3. Ny fandripahana ain'olona

Ny fandripahana ain'olona no fihetsika ratsy indrindra vitan'ny zanak'olombelona. Sarobidy mantsy ny aina, ka tokony ho kolokoloina sy hotandrovina mandrakariva. Ao amin'ireo tantara nosoratan'i Faralahy anefa dia natao ho tsinontsinona izany hasarobidin'ny aina izany. Nisy hatrany faty olona.

- Ao amin'ny AML 3 ohatra, dia fanahy iniana naely ny otrik'aretina mba handripahana ain'olona maro. Eto dia abaribarin'ny mpanoratra fa vokatry ny fikarohana siantifika nataon'ireo manam-pahaizana no nahitana ny otrik'aretina. Io otrik'aretina io dia tsy nampiasaina araka ny tokony ho izy satria natao handripahana ain'olona. Niteraka voka-dratsy teo amin'ny fiaraha-monina izany ny fandrosoana teto.

Toa izao ny nanehoan'ny mpanoratra ny fandripahana ain'olona amin'ny alalan'ny famafazana io otrik'aretina io ao amin'ny AML3:

“zava-doza ity otrik'aretina atao fitaovam-piadiana ity () tsy hiandry herin'andro akory dia ho tapitra ringana ny mponina ao amin'ny iray tanàna, ary raha tsy voavonjy haingana dia hiitatra ny aretina ka hanenika ny vazan-tany efatra

... (). *Sarotra ho an'ny eritreritra ny manaiky izany nefa zava-misy tokoa tsy noforonim-poana akory ny hoe “guerre bactériologique” na ny aretina ampiasaina an-kitsirano ho solom-piadiana” AML 3 tak 51.*

- Ao amin'ny AS indray fandripahana ain'olona tamin'ny alalan'ny tfitra vary raraka no nataon'ireo fotsy hoditra, ary tsy nifidy olona hovanoina izy ireo tamin'izany.

“Nirefodrefotra ny basy, nitsipatsipaka ny voan'ny bala” AS tak 148.

Maro araka izany ireo olona maty vokatry ny herisetra nampiharina ireo fahavalom-pirenena tamin'ny tsy mana-tsiny. Endriky ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona izany.

Fehiny:

Voahitsakitsaka ny zo maha-olona. Noteren'ireo jiolahy hiasa tsy araka ny safidiny ireo izay azony babo. Nanampy trotraka ny asa an-terivozona nampanaovina azy ireo ny fandefasana an-tsesi-tany. Nitatra hatrany amin'ny fandripahana ny ainy moa izany.

Iray amin'ireo endrika fanakorontanana ny firenena nataon'ireo jiolahy ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona. Tsy izany ihany anefa fa nanampatra ny fahefany ihany koa izy ireo.

3.2.2. Ny fanamparam-pahefana

Maro karazana ireo jiolahy: ao ireo jiolahy manam-bola, ao ireo manam-pahaizana, ao ireo mpitondra fanjakana. Samy nanampatra ny fahefany ho fanakorontanana ny fireneny avokoa izy ireo.

3.2.2.1. Ireo mpanam-bola

Ny vola no hozatry ny fiainana koa samy mikely aina ny rehetra mitady izay fomba rehetra hahazoam-bola. Ireo vahoaka madinika any amin'ny tany an-dalam-pandrosoana dia miezaka hiala amin'ny fahantrana. Dia araraotin'ireo mpanam-bola ny tsy fananany ka karamainy volabe izy ireo mba hanao ny asa ratsiny.

- I Eva Rafieldmond ao amin'ny VA dia nanampatra ny fananany vola ka sahy nanakarama lafo an'i Velonandro sy Tsimilefa mba hanangonana ireo taolam-paty na an-dehibe izany na ny an'ny ankizy.

Amin'ny Malagasy anefa dia ambony kokoa noho ny velona ny razana eo amin'ny antanatototra. Jamban'ny vola i Velonandro sy Tsimilefa ka sahy nanao tsinontsinona ny hasin'ny razana.

- Ao amin'ny RMP dia ahitana ny fanapariahan'i Tanassis volabe ho an'ireo jiolahy. Iray amin'ireo jiolahy i Vainafy. Ho tambin'ny karama be raisiny, dia nitarika ireo fanakorontanana samihafa teto Madagasikara izy. Nipaka hatrany amin'ny faritra ambanivohitra lavitra indrindra izany.

Very tanteraka ilay fisainana Malagasy fahiny manao hoe: “Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana”.

- I Connor ao amin'ny MA dia nanakarama volabe an-dRanandria sy ny tariny mba hamotika ny lalamby ao Brickaville. Tsy nampahafantarina ireo jiolahy teo ampandraisana ny antsasa-karamany ny asa hataony. Nony tonga teny an-toerana dia tsy afa-nandà intsony izy ireo teo am-pahitana ny asa hataony.

MA tak 97:

“akory ny hatairan’ny rehetra nahatsikaritra ny tsivalam-by roa falehan’ny lamasinina. Nazava tao an-tsain’ny ankabeazany ny anton’ity dia indray mandeha ity. Niharihary koa ny antony tsy niresahan’i Ranandria ny momba azy hatramin’izay, () tsy misy intsony anefa ny fotoana nitavozavozana na niadiana hevitra. Efa am-paosy rahateo ny ampaha-karama. Tsy afa-nihemotra intsony”.

Fanerena ankolaka no hita eto. Nohararaotin’ireo mpanam-bola ny fahantran’ireo tovolahy avy amin’ny sarambabem-bahoaka. Nokaramainy am-pitaka izy ireo ho fanatanterahana ny asa ratsy kasainy hatao, ka zary lasa jiolahy tsy fidiny.

- I Josoa ao amin’ny ET dia nanampatra koa ny fananany vola, ka tsy niasala nanadala an’i Eva mba hiaraka aminy. i Eva kosa tsy nahadinika intsony izay tena toetran’i Josoa teo am-pikirakirana ireo volabe. Potika tanteraka ny fiainan’i Eva taorian’ny fiarahany tamin’i Josoa. Nailiky ny fiaraha-monina nisy azy izy.

Asehon’ny mpanoratra eto ny vokatry ny fanamparam-pahefana ataon’ireo jiolahy mpanam-bola amin’ireo vahoaka madinika.

Araka ireo tantara ireo dia azo lazaina fa nataon’ireo jiolahy mpanam-bola ho fitaovana fanatanterahana ny asany fotsiny ihany ireo vahoaka madinika. Niteraka voka-dratsy teo amin’ny fomba fisainana maha-malagasy izany fihetsik’ireo jiolahy mpanam-bola ireo izany.

3.2.2.2. Ireo jiolahy manam-pahaizana

Miverina matetika ao amin’ny asa soratr’i *Faralahy* ireo mpandray anjara manam-pahaizana, saingy ny fomba fisehony no samy hafa. Manararaotra ny

fananany fahaizana ireo jiolahy ireo mba hahafahany manakorontana ny firenena. Hohazavaina manaraka etoana ny momba izany fanamparam-pahefana ataon'izy ireo izany:

AML 3 tak 133: ***“otrik’aretin’ny haromotana daholo ity. () Io fanafody hitan’ialahy ao anaty tavoahangy kely io dia ho ampy haharomotra ny mponin’i New-York iray manontolo! Olona valo tapitrisa. Ny mponin’i Madagasikara iray manontolo ! »***

Tsy nampiasain’ireo manam-pahaizana araka ny tokony ho izy ny fahaizany fa nampiasainy mba handripahana ain’olona.

- I Profesora Griffin sy Strom ao amin’ny VH ihany koa dia manam-pahaizana manokana avy ao Aostralia. Notereny hiara-hiasa aminy an-kolaka i Profesora Rodriguez. Iray amin’ny voka-pikarohana nataon’izy ireo ny milina elektronika natao hiambina. Nampiasaina tsy araka ny tokony ho izy koa anefa io milina io ao amin’ny tantara. Noho ny fisian’io fitaovana io dia voasambotra mora foana i Andry izay nikasa hiara-hiasa amin’i Profesora Rodriguez.

- I Gislaine ao amin’ny RMP dia tovovavy manam-pahaizana, miara-miasa amin’ireo jiolahy tarihin’i Tanassis. Mpifanerasera amin’ny mpianatra eny amin’ny ambaratonga ambony no asany. Nandritra izany dia nataony izay hiarahana tamin’i Lenina iray amin’ireo mpianatra eny amin’ny ambaratonga ambony, mafana fo amin’ny fanaovana pôlitika. Natokisan’i Lenina tanteraka i Gislaine ka namborahany ny tsiambaratelon’ny tolona izay hataony. Nohararaotin’i Gislaine

- izany mba hamotopotorany ny fiampianan'ny Malagasy, ary hahafahany manomana tetika fanakorontanam-pirenena.

Araka izany, dia nitondra voka-dratsy teo amin'ny fianam-pirenena ny fahaizana nananan'ireo jiolahy. Nampiasain'izy ireo hanatanterahana ny asa ratsy hataony ny fananany fahaizana.

Ampiasaina ho amin'ny zava-dratsy araka izany ny fananana volabe sy/na fahaizana امام-pahalalana. Ireo mpandray anjara sasany ao amin'ny tantara kosa, dia nanararaotra ny fananany toerana eo amin'ny fitondrana mba hanatanterahany ny sain-dratsiny.

3.2.2.3. Ireo Mpitondra:

“Ny olona rehetra dia manna-jo hifindra monina araka izay tiany. Afaka mandao ny taniny ihany koa izy”⁽⁵⁸⁾ () hoy I P. H. CHALVIDAN. Vokatry ny fanamparam-pahefana nataon'ireo mpitondra tao Afrika atsimo anefa dia tsy navelan'izy ireo handao an'i Afrika i Hedrick Gunther araka ny voalaza ao amin'ny tantara AS. Natao tsara ambina sy narahi-maso hatrany i Hedrick Gunther. Nataon'ireo fotsy hoditra izany ho fanakanana ny fanambadiany an'i iLandy.

Nohararaotin'ireo mpitondra tao Afrika atsimo ny fahefana teo am-pelatanany mba hiarovana ny fahadiovan'ny taranaky ny fotsy hoditra.

- Ao amin'ny AML 3 dia nanararaotra ny toerana ambony misy azy ao amin'ny toby Kruger i Profesora Masinera sy Strom. Nobaikony araka izay tiany hatao ireo mpiambina eo ambany fiadidiany. Koa dia tsy navelany hamonjy an'i

⁽⁵⁸⁾ PH CHALVIDAN, op cit tak 67 : « Toute personne a le droit de circuler librement, toute personne a le droit de quitter tout pays, y compris le sien ».

Andry ireo mpiambina na dia nikasa hamonjy azy aza. Toy izao no nanehoan'ny mpanoratra izany:

AML3 tak 138:

“Tsy miray petsapetsa amin’izy roalahy ireto izany ireo mpiambina. Nihika niantso vonjeo I Andry. () Nivoha tampoka ny varavarana ary ireo mpiambina roalahy no nijoro teo am-baravarana.

- ***Angaha nisy niantso anareo teo hoy i Masinera nifetoka. Mandehana mivoaka fa tsy misy ilana anareo.***
- ***Aza fady tompoko fa nahare nihika izahay, hoy ireto mpiambina.***
- ***Lasa ianareo ambeno tsara ny tanàna.***
- ***Niondrika izy roalahy ary lasa nivoaka”.***

Ao amin’ny asa soratr’i Faralahy dia mateti-pitranga ny fiarovan’ireo mpitondra ny tombontsoany manokana. Araraotiny ny fahefana eo am-pelatanany mba hiarovany ny tenany sy ny manodidina azy. Miteraka fitiavan-tena izany. Tsy maintsy foanana anefa io fitiavan-tena io raha tiana handroso ny firenena.

Raha fintinina dia nitera- boka-dratsy teo amin’ny fiainam-pirenena ny fanamparam-pahefana nataon’ireo olona isan-tsokajiny ireo. Nanova ny toe-tsain’ny Malagasy ny fahazoana volabe avy amin’ireo mpanam-bola. Very ny fahendrena Malagasy dia ny fandalana ny fihavanana sy ny firaisan-kina izany. Nampiasaina tsy araka ny tokony ho izy ny faharanitan-tsaina teo amin’ireo manam-pahaizana. Ny fanamparam-pahefana tafahoatra teo amin’ireo mpitondra ihany koa dia anisan’ny sakana iray tsy ahafaha-mampandroso ny firenena.

Ankoatra ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona sy ny fanamparam-pahefana, dia anisan’ny fihetsika ratsy nasehon’ireo fahavalo mba hanakorontanana ny firenena ihany koa ny fampisaraham-bazana ny mpiray firenena.

3.2.3. Ny fampisaraham-bazana ny mpiray firenena

Tetika iray nanakorontanan'ireo jiolahy ny firenena ny fampisaraham-bazana. Fomba roa samihafa no nentin'izy ireo nanatanteraka izany dia ny fandrinitana adim-poko sy ny fanavakavaham-bolon-koditra.

3.2.3.1. Ny fandrinitana adim-poko

“Arakaraka ny maha lasan-davitra ny firaisan-kinan’ny foko no mahamafy orina ny fifanampiana sy ny fifankatiavana. Raha voatandrina ho mahatsangy avokoa ny ambaratonga ao ambonin’ny foko, dia izany nio miteraka firenena vanona”⁽⁵⁹⁾ (). Araka izany dia hita fa zava-tsarobidy teo amin’ny Malagasy ny foko.

- Ao amin’ny RMP dia nohadihadian'ireo jiolahy ny zava-misy teto Madagasikara. Fantany fa sarotiny amin’ny fiarovana ny foko misy azy ny Malagasy. Ny antony dia noho ny fahasamihafan’ny fomba amam-panao, sy ny ezaka hitahiry izany fomba amam-panao mampiavaka ny fokon’ny tena izany.

Nohararaotin'ireo jiolahy izany. Tany Toamasina ohatra ao amin’ny RMP dia nisy ny fandoran'ireo jiolahy ny hotely sy ny trano fonenan’ny Malagasy namany. Nandritra izany dia nisy ny antsoantso sy ny fihantsiana ady. Toy izao no anehoan’ny mpanoratra izany:

Tak 53: ***“Kanjo injao nisy antsoantso avy any amoron-dranomasina any. Antsoantso tsy fandre, antsoantso hafa dia hafa. Mamparikoditra ()***

- ***Fa iza hono no fahavalo? Ny Malagasy hono. Ny Malagasy hono no enjehina e!!
Fa iza no manenjika?***
- ***Ny Malagasy ihany angaha hoe!!”.***

Taratry ny fandrinitana adim-poko ihany koa ny fihetsik'i Letody tany Mahajanga. Manambara izany ny teny nataony manao hoe:” ***Manampy anay amin’izao ry ilay ity ny foko ... izao a. () Koa inona no***

⁽⁵⁹⁾ P. RAMASINDRAIBE, Ny fihavanana, Imprimerie catholique, Tananarive, 1971 tak 13.

antenain'ialahy isany amin'izany. Ialahy izay tsy misy firy akory manerana ity nosy ity. Mandeha tantarao amin'ny naman'ialahy sy ny iray firazanana amin'ialahy izany ... Inona anefa izay ialahy isany?" RMP tak 134.

Teto dia tsy mahalala na inona na inona ireo jiolahy nokaramain'i Letody tao Mahajanga. Nisendaotra anefa izy ireo vokatry ny fampirisihan'i Letody azy, ka nivonona ny hiady amin'ilay olona tsy fantany akory.

- Ao amin'ny MA dia fanahy inian'ireo jiolahy notapahina ny lalam-by fandehanan'ny lamasinina mpitatitra sakafo ao Brickaville. Nataon'izy ireo izany mba hisian'ny ady eo amin'ny mponin'Antananarivo sy ny mponin'ny faritra atsinanan'ny Nosy.

Nandaitra teo amin'ireo vahoaka Malagasy ny fandrinitana adim-poko nataon'ireo jiolahy. Vokany, nanjaka ny fifampirafesana sy ny fandatsahan-drà amin'ny samy Malagasy.

Tsy ny fandrinitana adim-poko ihany no fomba nampisaraham-bazana ny mpiray firenena. Fomba nentina nanao izany ihany koa ny fanavakavaham-bolon- koditra.

3.2.3.2. Ny fanavakavaham-bolon-koditra :

Fihetsika mahatonga fisaraham-bazana eo amin'ny mpiray firenena ny fanavakavaham-bolon-koditra. Ny firenena Afrikana no anisan'ny lohalaharana amin'ny fanavakavaham-bolon-koditra. Endrika maro no isehoan'izany : fahasamihafan'ny toeram-ponenan'ny fotsy sy ny mainty, tsy fahazoan'izy ireo

mifanambady. Niseho tao Afrika atsimo avokoa ireo fanavakavaham-bolon-koditra voalaza ao amin'ireo tantara nohadihadiana.

- Ao amin'ny AML3 dia nibaribary nandritra ny fitsidihan'i Andry sy Fredina ny tanànan'i Johannesburg ny fisian'ny fanavakavaham-bolon-koditra. Miavaka tsara ny toeram-ponenan'ireo fotsy hoditra sy ny mainty hoditra. Porofon'izany, tsy azon'i Fredina natao ny nitondra an'i Andry nitsidika ny tanànan'ireo fotsy hoditra noho ny tsy fananany taratasy fahazoan-dalana ho amin'izany.

AML3 tak 110 : « *Fa niezaka dia niezaka Ramatoakely Fredina hampiseho an'i Andry ny tanànan'i Johannesburg. () Ireo tena endriky ny tanàna voageja araky ny lalàna manan-kery sy ny zava-misy eto amin'ity tany fatra-panavakavaka ity. Voafetra anefa ny toerana azon'izy roa nivezivezena satria tsy manana « *laisser-passer* » itetezana ireo toerana fitobian'ny mponina manodidina ny tanànai Ramatoakely Fredina ».*

Ambaran'ny tantara AML3 ihany koa fa ao Afrika atsimo dia miara-miasa ny fotsy hoditra sy ny mainty hoditra, saingy eo amin'ny fifampitondrana no maha samy hafa azy : ny fotsy no mpibaiko ary ny mainty no baikoina sady eo ambany fifehezana. Taratra izany ao amin'ny toby Kruger, toeram-piasan-dRabarinony sy Jaoba Lucien.

Ao amin'ny toby Kruger dia fotsy hoditra i Ken Martin sy Masinera. Rabarinony sy Jaoba Lucien kosa dia mainty hoditra. Endrika isehoan'ny famoretana ireo mainty hoditra eo amin'ny asa ataony ny fakana an-keriny an-dRabarinony sy Jaoba Lucien.

“Tsy zakan'ireo mpiasa mainty hoditra ny famoretana natao azy ireo. Niteraka korontana teo amin'ny firenena maro eran-tany izany fampijaliana izany”⁽⁶⁰⁾.

⁽⁶⁰⁾ C COQUERY, *Afrique noire*, Paris, édition harmattan, 1985, tak 308 : » Le malaise ouvrier noir, accentué par le durcissement de l'apartheid est approfondi par la conjuncture de crise mondiale ».

- Ny tantara AS indray dia mampiharihary ny fisaraham-bazana eo amin'ny mpiray firenena amin'ny fifandrafesana ny fotsy sy ny mainty hoditra. Ny lalàna napetrak'ireo fotsy hoditra no mahatonga izany.

AS tak 17: “() *Andalana vitsivitsy amin'ireo lalàna 80 mahery manan-kery amin'ny fampiharana ny pôlitikan'ny fanavakavaham-bolon-koditra ireo. () Lalàna velona noforonin'ny fotsy hoditra samirery nefa dia mihatra ho an'ny mponin'i Afrika Atsimo rehetra*”.

Santonany amin'ireo lalàna nampiharina tao Afrika atsimo ny fandrarana ny fanambadian'ny fotsy sy ny mainty hoditra. Noho ny fisian'io lalàna io no nahatonga an'i Hedrick Gunther hankahala ireo fotsy hoditra toa azy. Toy izao izany lalàna izany.

AS tak 17:

“Tsy eken'ny lalàna ary saizana mafy mihitsy ny fifandraisana, na fifampikasohan'ny vavy sy ny lahy tsy mitovy volon-koditra na ao anatin'ny na ao ivelan'ny fanambadiana”.

Nanamafy ny tolona nataon'ireo mainty hoditra tao Afrika atsimo ny fandrarana ny fanambadian'i Hedrick Gunther sy Landy. Niara-nitolona tamin'ireo mainty hoditra i Hedrick Gunther. Tsy nanaiky intsony ny fanavakavahana nampiharina taminy ireo mainty hoditra. Vokatr'izany dia nisy ny fifandatsahan-drà teo amin'ireo samy Afrikana.

Noho ny fisian'ny fanavakavaham-bolon-koditra dia nifankahala ny fotsy sy ny mainty hoditra na dia iray firenena aza.

Araka izany, mahatonga fisaraham-bazana eo amin'ny mpiray firenena ny fandrana adim-poko sy ny fanavakavaham-bolon-koditra. Fisaraham-bazana izay mitarika ho amin'ny fifamonoana.

Nohazavaina teo ny fanakorontanana ny fiainam-pirenena nataon'ireo fahavalo. Fihetsika maro no nasehon'izy ireo. Nohitsakitsahin'izy ireo ny zo maha-olona tamin'ny alalan'ny fampanaovana asa an-terivozona ireo azony babo sy ny fandefasana an-tsesitany azy ireo. Niafara tamin'ny fandripahana ain'olona mihitsy aza moa izany ao amin'ny ampahany sasany ao amin'ny tantara. Nahatonga fikorontanan'ny firenena ihany koa ny fanamparam-pahefana nasehon'ireo jiolahy mpanam-bola sy manam-pahaizana. Ireo manam-pahefana eo amin'ny fitondrana kosa dia nanararaotra ny fahefana nananany mba hanakorontanana ny firenena. Endriky ny fanakorontanana nataon'ireo jiolahy ihany koa ny fampisaraham-bazana ny mpiray firenena. Nasehoan'izy ireo tamin'ny alalan'ny fandrinitana adim-poko sy ny fanavakavaham-bolon-koditra izany.

Manoloana ny fanakorontanan'ireo fahavalon'ny firenena anefa, dia niezaka nanohitra izany ireo mpitandro filaminana notarihin'i Andry.

3.3. Fanoherana ny fahavalom-pirenena:

Nasehon'ireo jiolahy nandritra ny fanakorontanany ny firenena ny heriny sy ny tanjany. Mitaky asa, herin-tsaina, herim-po sy herim-batana ary tetika samihafa ny fanoherana izany. Koa dia nandray ny andraikiny hatrany i Andry, ary niara-niasa tamin'ireo manodidina azy.

3.3.1. Fandraisana andraikitra:

Samy tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ny fireneny ny olona rehetra, saingy ny fomba anatanterahana izany no samy hafa. Arakaraka ny toerana misy ny tsirairay eo anivon'ny fiaraha-monina no ahafahany manatanteraka izany.

Manoloana ny antso avo ataon'ny fanjakana dia tsy nisalasala i Andry. Nankato ny lehibeny izy, ary nanatontosa ny andraikiny teo anivon'ny fiaraha-monina sy ny tanindrazany.

3.3.1.1. Fankatoavana ny lehibe:

Manana anjara toerana lehibe ny an-tanantohatra eo amin'ny fomba fandrindrana ny fiaraha-monina: misy ny mpifehy ary misy ny fehezina. Toy izany koa eo anivon'ny toeram-piasana. Ireo lehibe no tompon'andraikitra voalohany sy tokony hankatoavin'ireo eo ambany fiadidiana.

Ao amin'ny asa soratr'i *Faralahy* rehetra, dia nanaiky ny asa nampanaoavin'Ingahirainy azy hatrany i Andry. Namaly ny antso avy hatrany izy na taiza na taiza toerana misy azy. Ndeha haseho amin'ny ohatra vitsivitsy izany.

- Ao amin'ny VH dia tany am-pialan-tsasatra tany Antsiranana i Andry no nantsoina tampoka ka namonjy ny asany avy hatrany.

VH tak 32:

“() Nandao tsy satry an'i Sahondra fa maika ny antson'Ingahirainy. Nampitamby fitia ny asa aman'andraikiny”.

Nandritra izany dia tsy nandà ireo baiko avy amin'Ingahirainy lehibeny mihitsy izy. Na dia tsy mbola fantatr'i Andry aza ny anton-diany any Paris dia tsy nandà mihitsy izy. Nanaiky ireo toromariky ny lehibeny hatrany izy.

VH tak 32:

“() Tsy misy sasin-teny fa avy hatrany dia hentitra ny baiko

- Rahampitso ianao no haka ny fiaramanidina ho any Parisy. Misy raharaha saropady miandry anao any. Ity ny bié ... »

() Tsy naka sarotra kosa i Andry. Nanaiky ny fahanginana koa ary nandika izany ho azy hoe “... Dia ahoana koa ny manaraka?...”

- Ao amin’ny MA ihany koa dia nankato ny baikon’Ingahirainy hatrany i Andry. Nanaiky ny fanendrikendrehana azy ho isan’ireo olo-meloka sy mpamadika firenena araka ny baikon’Ingahirainy izy:

MA tak 12:

“... Manomboka izao dia olo-meloka no fahafantarako anao sisa ry Andry”

Hita araka ireo fa nankato ny baikon’ny lehibeny hatrany i Andry tamin’ireo asa notanterahiny. Vokatr’izany, ahitana fahombiazana hatrany ny asany.

Azo ambara àry fa ilaina hatrany ny fandraisana ny toro-hevitry’ireo “ela nihetezana ka lava volo” teo amin’ny fiainana mba hahitana fahombiazana. Mariky ny fanajana azy ireo ihany koa izany tamin’izany fanatanterahany ny tenin’ny lehibeny izany dia niara-niasa tamin’ny vahoaka teo anivon’ny fiaraha-monina i Andry.

3.3.1.2. Fandraisana andraikitra eo anivon’ny fiaraha-monina

Tandra vadin-koditry ny fiaraha-monina ny adidy aman’andraikitra. Hery manosika amin’ny fanatanterahana izany ny feon’ny fieritreretana. Nahatsiaro tena ho tompon’andraikitra voalohany amin’ny tsy fisian’ny fandriampahalemana i Andry. Ny tantara rehetra dia manasongadina io fandraisan’i Andry andraikitra eo anivon’ny fiaraha-monina io avokoa. Miaina any anivon’ny fiaraha-monina mantsy ireny jiolahy ireny ka tsy maintsy any no fongorina.

- Ao amin’ny AS dia tsy andraikitr’i Andry mivantana ny fandaminana ny ady nifanaovan’ireo mainty sy fotsy hoditra tao Afrika atsimo, saingy noho ny fahatsapany ny maha olon’ny fiaraha-monina azy, dia notanterahiny izany asa izany.

Niara-nitolona tamin'ireo mainty hoditra ho fanoherana ny tsindry hazo lena natao taminy izy. Nambaran'i Wapita taminy ny loza mety hanjo azy raha toa ka miara-mitolona amin'ireo vahoaka izy, kanefa tsy nampiaraka azy izany. Hoy ny ao amin'ny takila faha 138:

“- Tsy tolona mivantana izy ity ry Andry. Raha mbola tafajanona eto fahefatr'adiny fotsiny ianao dia tsy afaka hiala intsony.

- Hijanona aho hoy aho taminao.

Andraikitra izaho samirery ny momba izany”.

- Ao amin'ny AML3, dia ny fikarohana an-dRabarinony sy Jaoba Lucien ihany no asa nampandraiketina azy tany Afrika atsimo. Noho ny fahatsapany ny andraikiny eo anivon'ny fiaraha-monina anefa, dia tsy nanaiky ny eritreriny raha tsy voasambotra i Profesora Masinera sy Ken Martin. Toy izao ny ao amin'ny takila 21:

“() Sa tsy izany ry Andry?

Ianao no omeko ny andraikitra hikaoka ny marina momba ity raharaha ity.”

Tak 153: ***“() Efa ireo izy dimy mianaka [Ny ankohonan-dRabarinony sy Jaoba Lucien].***

() Tsy dia miditra intsony ao anatin'ny andraikiny ny zavatra kasainy hatao fa karazana fanomezana fahafahampo ny eritreriny eo amin'izay heveriny fa rariny sy mety”.

Araka ireo dia azo ambara fa nirotsaka an-tsehatra teny anivon'ny fiaraha-monina mivantana i Andry ho fisamborana ireo jiolahy. Tsy nandry ny eritreriny raha tsy tontosa ny andraikitra na dia tsy anjarany mivantana aza izany.

Tsy nijanona teo anivon'ny fiaraha-monina fotsiny ny fandraisan'i Andry andraikitra, fa tafapaka hatrany amin'ny sehatry ny tanindrazana.

3.3.1.3. Fandraisana andraikitra eoanivon'ny tanindrazana

Tsy mitovy ny fandraisan'ny olona ny hevitra ny teny hoe **tanindrazana**. Misy ny mihevitra izany ho ny toerana nahaterahana, misy ny mihevitra fa ny faritra misy ny fasan-drazana izany; tsy vitsy koa ireo mihevitra fa i Madagasikara no tanindrazan'ny Malagasy. Toy izao no amaritan'i ED Andriamalala azy:

“Fa ny tanindrazana dia ny tany hitsahin'ny tongotra hodidinin'ny zava-boary sy ny habakabaka eo amboniny ka mamokatra ho an'izay miaina eo aminy. Tendry avy amin'Andriamanitra no mahatonga ny firenena iray honina amin'ny toerana voafaritra, ary ny fitambaran'ny hery tsy fantatra miboiboika avy amin'ny tany no manefy sy mamolavola ny fomba aman-tsatan'ny firenena mivelona amin'io zara-taniny io. Madagasikara no zara-tanin'ny Malagasy”⁽⁶¹⁾.

Masina ny tanindrazana ka tsy maintsy kolokoloina sy arovana. Fihetsika anehoana ny fiarovana ny tanindrazana ny fahatsiarovan-tena sy ny fandraisana andraikitra ao aminy.

Noho ny fahatsapan'i Andry io andraikiny io dia tsy nisalasala izy nanatanteraka izany.

- Ao amin'ny tantara AS ohatra dia nanolo-tena avy hatrany i Andry, nanaiky ho solotenan'ny ho any Afrika atsimo, na dia tsy mbola fantany mazava aza ny hataony any. Mariky ny fitiavan'i Andry ny tanindrazany izany fahavononany handray andraikitra izany.

AS tak 49:

“() Tamin'ny alalan'ny firahalahiana sy ny foto-kevitra mitovy eo amin'ny fanoherana tsy misy hambahamba ny pôlitikan'ny mpanavakavam-bolon-koditra no nanomezana an'i Andry ny alalana hizaha ny marina mikasika ity raharaha ity. () I

⁽⁶¹⁾ FANASINA, laharana 489, 1967 tak 4

Andry koa narisika rahateo. () Eny tsy misy fihambahambana no nasetriny ny fanendrena azy hianady indray any amin'ny “tsy tia mainty”.

- Ao amin'ny tantara ET dia nahatsapa tena i Andry fa manana andraikitra amin'ny fikarohana ny momba an-dRazady : ny asa ratsy nataony teto Madagasikara sy ny antony namonoana azy. Nanohy ny asany avy hatrany izy na dia tsy neken'ireo zandary tao Maevatanana aza izany.

ET tak 57:

“() vao niditra tao amin'ny tobin'ny zandarimaria tao Maevatanana i Andry dia avy hatrany dia nahatsapa fa tsy mora akory ny resaka amin'ilay tompon'andraikitra.

Tsy anjarany anefa ny mandefitra satria andraikitra no omena azy, ary ny fahavononany hanatanteraka ny adidiny no nahatongavany eto fa tsy ny hifamaly amin'izay hambom-pon-dehilahy diso toerana”.

Nahatsapa tena anefa ireo zandary taty aoriana ka nibaboka teo anatrehan'i Andry. Naneho fahavononana hiara-hiasa amin'i Andry izy.

ET tak 65:

“ – Ialana tsiny be dia be Andriamatoa Andry () raha toa misy ilanao anay dia aza misalasala. Nazava ny baiko azonay avy amin'ny foibe. Koa dia vonona hanampy araka izay azo atao”.

Araka ireo voalaza ireo dia azo ambara fa ilaina ny fiaraha-mientana ho fanasoavana ny tanindrazana iombonana. Mitaky fahatsiarovan-tena sy fikirizana ny fitiavana ny tanindrazana ny fandraisana andraikitra.

Ilàna fandraisana andraikitra mivantana ny fanoherana ny fahavalom-pirenena. Miantomboka amin'ny fandraisana andraikitra eo anivon'ny toeram-piasana izany mitohy eo anivon'ny fiaraha-monina ary miafara eo anivon'ny tanindrazana.

Tsy ho tontosa anefa izany fandraisana andraikitra izany raha tsy misy fiaraha-miasa amin'ny manodidina.

3.3.2. Fiaraha-miasa amin'ny manodidina:

Ilana fahaizana mifanerasera aman'olona ny fanaovana asa fitsikilovana. Izany no natao, dia mba hahafantarana ny tsiambaratelo sy ny asa ratsy kasain'ny jiolahy hatao. Karazan'olona samy hafa no hifaneraserana sy mety hitadiavana fanampiana.

3.3.2.1. Fifandraisana amin'ny karazan'olona samihafa:

Mandritra ny asa nataon'i Andry dia maro ireo karazan'olona nifanerasera taminy. Samy manana ny fomba fiainany izy ireo, sady tsy mitovy saranga ihany koa.

Niara-niasa tamin'ireo olona miaina ivelan'ny fiaraha-monina mihitsy aza i Andry. Anisan'ireny ireo jiolahy niaraka taminy tao amin'ny VA sy MA.

- Ao amin'ny VA dia nataon'i Andry izay fomba hiaraha-miasa amin'Ingahy Rasendra, iray amin'ireo jiolahy mpiara-miasa amin'i Eva.

VA tak 94:

“Nitodika teny amin'i Andry Ingahy Rasendra. Nifampijery segondra vitsy teo aloha izy roalahy vao samy nifanolotra tanana.

- Misy resaka tiako hatao aminao tokoa hoy i Andry velon-tsiky. Fa raha azo atao, resak'isika sy ianao ihany”.

- Ao amin’ny MA kosa indray dia misarin-jiolahy mihitsy i Andry mba hahafahany miara-miasa amin’izy ireo. Anisan’ny asa niarahan’izy ireo nanatontosa ny famotehana lalamby tao Brickaville.

MA tak 98:

“Anisan’ireo nitarazodrazoka i Andry. Tsy nampoiziny velively ity fitrangan-javatra ity. Hanimba ny lala-masinina?!”

Nahay nifandray tamin’ireo mpivaro-tena ihany koa i Andry. Araka ny voalazan’ilay adiresy nomen’i Sokrila azy, dia niaraka tamin’i Jijy izy mba hahafantarany ny momba an’i Vainafo.

RMP tak 68:

“- Ndao ary ry malala à. Mahazo fahafaham-po i Malala sady “bôgany” ao amin’ny itiavan’i Jijy azy tsara. Aiza anefa no tianao hitondrana ahy?

Efa maro dia maro ireo fanontaniana mibosesika ao an-dohan’i Andry. Efa nanorotoro ny lalan-kombana koa izato resak’i Jijy. Iza ity Vainafo ity? »

Ao amin’ireo tantara sisa kosa dia nahitana ny fiaraha-miasan’i Andry tamin’ireo olon-tsotra : anisan’ireny i Camalo sy i Sonia ao amin’ny VH, ary ireo vahoaka mainty hoditra tao Afrika ao amin’ny AS.

Araka ireo dia azo lazaina fa hain’i Andry ny nifanerasera tamin’ireo karazan’olona samihafa. Nataony toy ny trandraka an-tanimena ny fanatanterahana ny asany ka ny volon-tany no narahiny. Noho ny fahaizany manaraka ny volon-tany misy azy, dia tsy diso fanampiana mihitsy izy.

3.3.2.2. Fanampian'ny manodidina :

Nataon'Andriamanitra ho samihafa ny olombelona mba hahafahany mifameno eo amin'ny fiainana. Tsy misy akory olona iray afaka hihevitra ho tsy mila ny hafa. Tsy misy koa vondron'olona tokony hihevitra fa tsy ilaina ny olona iray. Tsy misy olona mahavita tena eto an-tany. Tahaka izany koa i Andry izay mpandray anjara fototra. Na dia teo aza ny herim-po sy ny herin-tsaina nananany dia tsy nihambo ho nahavita tena izy. Nilainy hatrany ny fanampian' ny manodidina azy.

- Ao amin'ny tantara AML3, nandritra ny dian'i Andry tao Afrika atsimo, dia nanampy azy ara-pitaovana sy ara-bola Ingahy Radona.

AML3 tak 93:

“Izaho no Radona (). Miala tsiny aho fa tsy afaka hanampy anao mivantana. Sarotra ny toerana misy ahy. Raha misy anefa azoko atao dia aza misalsala fa ho hita foana ny hevitra”.

Tak 149:

“Vita ny tsindrona. Nomen'i Radona an'i Andry koa ny poleta fanao am-paosy iray sy bala maromaro”.

Nanoro an'i Andry ny toerana misy ny toby Kruger ihany koa i Fredina nandritra ny fitsidihan'izy ireo ny tanànan'I Johannesburg.

AML3 tak 109:

“- Nony vita ny sakafo, dia nasain'i Andry nandalovana teny amin'ny toerana misy ny fonenan'ireo mpiasa ao amin'ny Laboratoara Kruger. Natoron'i Fredina tsy am-pihambahambana izany”.

- I Sokrila ao amin’ny RMP, dia jiolahy nanampy an’i Andry tamin’ny asa fitsikilovana nataony. i Sokrila no nanoro ny toerana nisy an’i Vainafo, lehiben’ireo jiolahy mpandroba.

RMP tak 47:

“Tsy azo lazaina ho lehilahy ratsy i Sokrila () Hany herin’ireo manam-pahefana dia ny nampiasa an’i Sokrila taty aoriana mba ho mpanoro sy milazalaza ny vaovao avy amin’ireo namana zatra mpiara-dia aminy”.

- Nanampy an’i Andry ihany koa ny mponin’i Rantabe ao amin’ny VA. Nampiantranon’izy ireo i Andry na dia tonga misasaka alina aza.

VA tak 140:

“Nahafa-po ny fikarakaran’ireo tompon-trano. Tsy misy fihafahafana: voadio tamin’ny rano avy tao an-tsinibe ireo ratra teny amin’ny tenan’i Andry. Naroso izay ambin-kanina masaka ary dia afaka niala sasatra teo ambony tsihy madio i Andry nony avy eo”.

Miseho amin’ny lafim-piainana samy hafa ny fifanampiana eto. Samy mahatsiaro na ny andaniny na ny ankilany fa manana adidy amin’ny mpiara-belona aminy.

Tsy ampy ho fanoherana ireo fahavalom-pirenena ny fandraisana andraikitra sy ny fahaizana miara-miasa amin’ny manodidina. Ilaina fahafoizan-tena ihany koa ny fanaovana izany asa izany.

3.3.3. Ny fahafoizan-tena:

Fitaovana lehibe eo am-pelatanan’ny olona ny herim-po na ny finiavana hanao zavatra. Miankina amin’ny fananan’ny olona izany finiavana sy herim-po izany no hahitany fahombiazana amin’izay ataony. Ao amin’ireo tantara rehetra

nosoratan'i *Faralahy*, dia ahitana io fahombiazana io avokoa, fahombiazana vokatry ny fahafoizan-tena.

Nandritra ny fanatanterahan' i Andry ny asany dia tsy nitandro ny ainy mihitsy izy. Nilaozany matetika mihitsy aza na ny andefimandriny na ny tanindrazany tamin'ny fotoana rehetra nilana izany.

3.3.3.1. Ny fahafoizana ny aina:

Amin'ny Malagasy “**Ny aina tsy ananam-piry**”, ary “**Lahitokana ny aina**”, koa dia notandrovina fatratra. i Andry anefa, ao amin'ireo tantara rehetra, dia toa mivonona ny ho faty mihitsy mba hahatratrarany ny tanjona kendreny dia ny fisamborana ireo fahavalo.

- Notifirin'ireo fahavalo ny fiara nitondra an'i Fredina sy Andry ao amin'ny AML3; i Andry no tena nokendren'ireo jiolahy tamin'izany, saingy i Fredina no voa. Hoy ny tak 112:

“Nifangaro tamin'ny feom-basy nipoaka ny kiakan'i Andry hoe “tandremo” sy ny fitaratry ny fiara miparasaka. Ampahana segondra no nahitan'i Andry ny vavan'ilay basy teo amin'ny sisin'ny fitaratr'ilay fiara nihoatra azy, ary niepohany ka tsy nahavoazan'ireo bala sesilany natao hamonoana azy. () I Fredina kosa anefa nihohoka eo amin'ny familiana. Tsy mihetsika intsony”.

- Ao amin'ny MA dia saika matin'i Connor i Andry nandritra ny fifandonan'izy ireo. Efa nanakaiky an'i Andry ilay hareza namonoan'i Connor an-dRanandria sy Chrysôstome. Tak 149:

“Ny namahatra tamin'ilay tanana nitana ny hareza ihany sisa no nifantohan'ny sain'i Andry () Nony farany nitambotsitra moramora i Andry. Torana tsy nahatsiaro izay ambonin'ny tany intsony. Lavo ny lehilahy. Nitatao ny tandidon'ilay hareza”.

- Ao amin'ny ET, dia efa nanakaiky an-dRafahafatesana i Andry nandritra ny fotoana nihazonan'ireo jiolahy azy.

ET tak 167:

“Efa nihenjana avokoa ny hozatry ny tenany manontolo. Niady hatramin'ny farany. Ny renirano telo metatra avy etsy ankavia. Ny vava basy boribory mainty manatrika azy. Fahafatesana tsy azo ivalozana”.

Araka ny voalazan'ireo tantara ireo dia notandindomin'ny fahafatesana hatrany i Andry nandritra ny fanatanterahany ny asany.

Raha hofintinina izay voalaza momba ny fahafaizana ny aina, dia ambara fa raha tiana ny hahazo zavatra iray dia tsy maintsy miezaka manao izay hahazoana azy, na dia mety hamoizana ny olo-malala toy ny andefimandry aza izany.

3.3.3.2. Ny fahafaizana ny andefimandry:

Voatery nandao an'i Sahondra andefimandriny matetika i Andry noho ny asany. Tsy afa-nianoka ny fahasambaran'ny mpivady araka ny tokony ho izy i Sahondra. Koa dia araraotiny izay mba fotoana kely mahatafaraka azy roa.

- Ao amin'ny AML3 dia nohararaotin'i Sahondra ny fotoana niarahan'izy ireo teo amin'ny zaridainan'Anosy.

Tak 78:

“() Raha i Sahondra no nanontaniana dia ny fotoana tahaka izao no iriany iarahana amin'i Andry matetika. Tena ho tsiambaratelon'ny mpifankatia marina”.

- Ao amin'ny VH dia manararaotra ny fakan-drivotra tany Antsiranana mba hiarahana amin'i Andry i Sahondra.

VH tak 30:

“Fakan-drivotra lavorary ny an’i Andry sy i Sahondra tamin’ity indray mandeha ity. Nankafiziny aoka izany ny ora mandeha. () Navelan’izy roa teo ilay lahy antitra sy ny fahatsiarovany; ary lasa ny mpifankatia nifampisakambina namonjy ny fiara hitodi-doha ho any an-tanàna”.

Araka izany, noho ny fitiavan’i Andry ny asany sy noho ny fananany finiavana hanohitra ny fahavalom-pirenena dia matetika ampandeferiny ny andefimandriny.

Mariky ny fahavononany hanohitra ny fahavalom-pirenena izany. Tsy vitan’izany fa nampandeferiny koa ny tanindrazany raha misy ilana izany.

3.3.3.3. Ny fahafoizana ny tanindrazana:

Masina ny Tanindrazana. Ny fandaozana azy dia midika ho fandaozana ny vovoky ny razana ihany koa. Izany no tsy ahafoizan’ny Malagasy ny taniny. Nefa raha antony lehibe no tsy maintsy handaozana azy, dia mandeha ihany.

Nandao ny tanindrazany matetika i Andry mba hahafahany mitsongo dia ireo fahavalom-pirenena. Ahitana izany ao amin’ireto tantara ireto: AML3, VH, MA ary AS.

- Ao amin’ny AML3 dia tonga hatrany Afrika atsimo izy nanenjika ireo naka an-keriny an-dRabarinony sy Jaoba Lucien.

“Tamin’ny efatra latsaka kely no nipetraka teo amin’ny seranana “Jam Smuts” ao Johannesburg ny fiaramanidina nitondra an’i Andry”.

AML3 tak 91

- Ny tantara VH dia manambara fa nanalavitra an'i Madagasikaza i Andry. Tonga hatrany Aostralia mihitsy izy mba hahafahany mikaroka ny marina momba ny nahafaty andRakamisy. Na izany aza anefa, tsaroany hatrany ny tanindrazany. Mariky ny fahatsiarovany ny fahamaikany hody mandrakariva.

“Lavitra dia lavitra ny lalan-kaleha () ny hiverina any an-tanindrazana tokoa mantsy no zava-dehibe indrindra”.

VH tak 179

- Tonga hatrany Afrika atsimo izy ao amin'ny MA ho fikarohana ny tobin'ireo mpikarama an'ady. Mafy ny nanjo azy tany, saika tsy tafaverina an-tanindrazana intsony izy raha tsy nampiasa tetika. Izany no nataony, dia ho famongorana ny fahavalom-pirenena.

Naka an-kolaka ny toeran'i Mamadou Jérôme tao an-toby izy. Nony teny ambony fiaramanidina anefa dia naharay filazana ilay mpanamory fa tsy i Mamadou no ao anaty fiaramanidina fa i Andry. Ho famahana ny olana dia voatery nanambana basy ilay mpanamory i Andry.

- Ao amin'ny tantara AS indray, dia ahitana ny dian'i Andry tany Afrika Atsimo. Niara-nitolona tamin'ireo mainty hoditra izy. Nifanena matetika tamin-dRafahafatesana izy tamin'izany.

Nisedra olana hatrany i Andry nandritra ny diany tany ivelany. Saika namoizany ny ainy izany matetika. Tsy mahagaga raha toa ka maika ny hamonjy ny Tanindrazany izy nony vita ny asany. Mafy tamin'ny Malagasy mantsy izany mandao ny Tanindrazana izany, ary indrindra moa izany tsy milevina an-tanindrazana. Voatery nilaozan'i Andry matetika anefa io Tanindrazana io satria izay no fomba iray ahafahany manohitra ireo fahavalom-pirenena.

Fehiny:

Nanoloana ny fanakorontanan'ny fahavalo ny firenena, dia tsy nipetrapotsiny i Andry sy ireo namany. Nandray ny andraikiny hatrany izy ireo, niaro

mandrakariva ny tombontsoan'ny mpiray monina taminy sy ny fireneny. Nandritra izany dia niara-niasa tamin'ireo manodidina azy izy, nifandray tamin'ny karazan'olona samihafa, nangataka fanampiana tamin'izy ireo tamin'ny fotoana nilàna izany. Ankoatra izany dia nahafoy tena handao ny andefimandriy, indraindray aza nandao ny Tanindrazana mihitsy mba hahafahany miaro ny firenena manoloana ny hetraketraky ny fahavalo.

Nambara teo ireo fomba nampiasain'ny mpitandro filaminana ho fanoherana ireo fahavalom-pirenena. Hodinihina manaraka kosa ny tanjona nokendren'izy ireo amin'ny fiarovana ny firenena.

3.4. Tanjon'ny fiarovam-pirenena

Ny vahoaka ao amin'ny firenena iray dia iray toe-tsaina aman-toetra, iray fiteny ary iray fomba amam-panao. Toetra iray manavaka ny Malagasy tamin'ny hafa ny fandalana ny fihavanana sy ny firaisan-kina. Nohitsakitsahin'ireo fahavalom-pirenena izany araka ny hita ao amin'ny asa soratr'i Faralahy. Ho fanarenana izany dia noezahin'i Andry narovana ny firenena: naveriny ny hasina maha-olona ireo vahoaka, indrindra ireo izay niharan'ny herisetra; nabaribariny ny marina teo amin'ny fiainam-pirenena; ary ny farany izay anisan'ny mavesa-danja indrindra, dia notandrovin'ny fiandrianam-pirenena izay nahozongozon'ireo jiolahy.

Ndeha hodinihina tsirairay ireo tanjona nataony hotratrarina mba ho fiarovana ny firenena ireo. Hohazavaina voalohany ny famerenana ny hasina maha-olona.

3.4.1. Famerenana ny hasina maha-olona:

Ndeha hofaritana aloha ny atao hoe: hasina .Ny hasina dia hery misy fahefana hanasoa na handresy na hahavitan-javatra tsy vitan'ny hafa, heverina ho misy ao amin'ny fanahy na olona na zavatra na toerana iray, ka mahatonga azy hohajaina sy hatahorana.

Ao amin'ireo asa soratr'i Faralahy, dia nohosihosen'ireo jiolahy ny hasina maha-olona. Nozimbazimbain'izy ireo ny anjara toeran'ny olona eo anivon'ny fiaraha-monina, nohitsakitsahiny ny zo maha-olona, ary dia tsy nahitana fifanajana mihitsy noho izany teo aminy sy ny vahoaka. Nandritra ny fanatanterahan'i Andry ny asany, dia noezahany naverina izany hasina maha-olona voahitsakitsaka izany. Nalaminy ny fianam-bahoaka ary niady ho amin'ny tsy fanavakavahana izy.

3.4.1.1. Fandaminana ny fiainam-bahoaka

Vokatry ny herisetra nataon'ireo jiolahy dia nikorontana ny fiainam-bahoaka. Nanoloana izany, dia niezaka nitondra fandriampahalemana teo anivon'ny fiaraha-monina ireo mpitandro ny filaminana. Namerina amin'ny toerany ny fiainan'ny mponina andavanandro izay tsy zarizary sy feno tahotra mandrakariva izy ireo.

Toy izao avy ny fiainan'ireo mpandray anjara teny am-piandohan'ny tantara:

- Ao amin'ny AML3 dia niaina amin-tahotra mandrakariva ny ankohonan-dRabarinony tao Afrika atsimo. Ny fanerena azy ireo hiasa an-terivozona sy ny fiambenana azy ireo no nahatonga izany.

- Ao amin’ny RMP dia tsy nandry ny sain’ny olona noho ny tahotra. Tsy nandry saina ireo mponina an-tanàn-dehibe noho ny firoboroboan’ny asan-jiolahy, na eny an-dalana izany na any an-trano. Tsy afa-mividy an-kalalahana ny entana ilainy akory ireo mpiantsena noho ny fisian’ny asan-jiolahy.

RMP tak 47:

“Samy niherikerika ny olona. Samy mitily ny manodidina. Samy mamihina mafimafy kokoa ny poketrany na mitsapa ny paosiny avy. () Tsy nisy nahatsikaritra sady tsy nisy sahy nanondronondro koa fa mamy ny aina. Tsy te-hifanena amin’ny antsy maranitra, na ireo mpiantsena na ireo mpivarotra vavolombelona tsy fidiny”.

Tsy eny an-dalana ihany no anaovan’ny jiolahy ny asa ratsiny, fa manafika hatrany an-trano mihitsy izy ireo. Noho izany, mandry an-driran’antsy ny mponina.

Tak 33: ***“Variana mitafa sy miresaka ny mpianakavy teo am-pihinanana sakafo hariva. () Kanjo injao tampotampoka naneno ny telefona.***

- Allô renareo izany. Ho avy izahay dahalo haka ny anjaranay. Tonga ny fotoana...”

Na an-tanàn-dehibe, na ambanivohitra dia robain’ireo jiolahy avokoa izay sendra azy. Nanjaka ny tsy fandriampahalemana. Tsy afa-mivelona araka ny tokony ho izy ny mponina, tsy afa-miaina an-kalalahana.

Tak 32:

“Tsy mandry andro tsy mandry alina ny mponina, tena sahiran-tsaina ary mivadi-po lalandava”.

- Ao amin’ny VA dia velon-tahotra mandrakariva ireo mponin’i Rantabe noho ny fahafantarany ny lazan’ily vazimban’Ambato izay tsy lavitra azy

ireo. Nandritra ny fiarahan-dRaozy sy Andry dia raiki-tahotra Raozy nony nanontaniana'i Andry ny momba ilay vazimba. Tsy afaka nanome valin-teny mahafa-po an'i Andry izy noho ny tahotra tao aminy.

Tak 190:

***“Nipararetra i Raozy nilaza izany. Tena nino tanteraka fa mpamosavy na
“vazimba” i Eva Rafieldmond”.***

- Ao amin'ny VH dia raiki-tahotra ny Ray aman-drenin'i Sonia noho ny fanjavonanjany vavy. Tsy natoky loatra ireo vahiny tonga nisesy loatra tao an-tranony izy ireo. Dimy andro taorian'ny nitadiavan'i Carmen sy Ricardo an'i Sonia tao Musgrave, dia tonga ihany koa i Camalo sy i Andry.

Voatery nanontany ny anton'izany izy ireo:

Tak 78: “Fa inona no anton'izao fihetsiketsehana be izao? Tsy ampy dimy andro akory izao no nisy vahiny tahaka anareo izao nanontany an'i Sonia. Izy anefa ity tsy hita izay nanjavonany”.

Taty aoriana, nisalasala ny rain'i Sonia teo am-pilazana ny hafatra avy amin-janany noho ny tsy fahatokisany an'i Andry sy i Camalo.

Tak 89:

“Niolonolona teo ity lahy antitra raha nanontaniana ny anton-diany (). Hita ho tsy mbola matoky tanteraka an'i Andry sy i Don Camalo ity zokiolona ity”.

Ho fanalana ny tahotra teo amin'ireo vahoaka ireo, dia niezaka i Andry sy ny namany mba handamina ny fiainan'izy ireo. Niezaka nankahery sy nampitony ny sain'ireo vahoaka ireo izy. Narahiny asa izany.

- Nampanantena an'i Fara vadin-dRabarinony i Andry ao amin'ny tantara AML3 fa tsy maintsy tafaverina any an-tanindrazana ny ankohonany. Hafaliana sy fanantenana ny an'i Fara nandre izany.

“Endrika sambatry ny fanantenana no tsikaritr'i Andry teny aminy”. AML3 tak 121.

Nitamberina tao an-tsainy ny fiainam-pahasambarana tsy hitany hatramin'izay nanondranana azy ireo ho atsy Afrika izay. Tsaroany ny fahasambarana teo anivon'ny ankohonana tany an-tanindrazany. Azony sary an-tsaina mihitsy aza izany:

“Nandalo tao an-tsainy avokoa ilay zaridaina kely voakolokolony aok'izany eo anoloan'ny tranony any Iarivo, ny fahafinaretan'izy mivady rehefa hariva iny ny andro ka vory ao an'efitra fandraisanm-bahiny daholo izy telo mianaka”.

AML3 tak 121.

- Ao amin'ny VA dia foana ny tahotra sy ny finoanoam-poana tao amin'ireo mponin'i Rantabe nony azo babo i Eva Rafieldmond, na ilay vazimban'Ambato noheveriny ho mpamosavy hatramin'izay.

“Nanome rariny ireo nolazaina ho mpinomino foana ny fahitana ireto taolam-balo ireto. Samy mandeha avokoa ny eritreritra ka nanontany tena marina hoe, tena mpamosavy marina va re ity Eva ity? Tsy anarana raikidraiki-poana akory ity anaram-bositra vazimban'Ambato ity”.

VA tak 182.

- Niezaka nandamina ny sain'ny rain'i Sonia i Andry ao amin'ny VH, ary nanome toky izy fa vonona ny hiaro an'i Sonia na hihatra amin'ny ainy aza izany.

« Tsy nisalasala i Andry nanome toky azy fa raisiny ho andraikitra fiarovana an'i Sonia amin'izay rehetra mety hanjo azy ». Tak 90

Taty aoriana, nony nitsahatra ny ady, dia nanatitra an'i Sonia sy i Carson nankao Musgrave mihitsy i Andry. Velom-pankasitrahana noho izany ny rain'i Sonia ka :

« Nomen'ny rain'i Sonia akanjo sahala amin'ny azy i Andry ». Tak 178.

Araka izany, nihevitra i Andry sy ireo mpitandro filaminana namany, fa tsy ho tonga ny asany raha tsy milamina sy miverina amin'ny fiainany teo aloha ny vahoaka.

Santonany amin'ny famerenana ny hasina maha-olona ny fandaminana ny fiainam-bahoaka nataon'i Andry sy ireo namany. Niady ho amin'ny tsy fanavakavaham-bolon-koditra izay niteraka fanitsakitsahana ny maha-olona ihany koa izy ireo.

3.4.1.2. Fiadiana amin'ny fanavakavahana :

Tamin'ny vanim-potoana 1960-1972 dia nanjaka tao Afrika atsimo ny fanoherana ny fanavakavaham-bolon-koditra. Niafara tamin'ny fandripahana ain'olona aza izany. Maro ireo olona natao vono moka sy novonoina tamin'ny fomba feno habibiana. Tena nohitsakitsahin'ireo fotsy hoditra ny hasina maha-olona.

Taratra ao amin'ny asa soratr'i **Faralahy** io ady amin'ny fanavakavaham-bolon-koditra io.

- Ao amin'ny AS dia niezaka nanafoana io fanavakavahana io i Andry. Aminy dia mitovy daholo ny olona rehetra na toy inona na toy inona volon-kodiny, ary na toy inona na toy inona saranga misy azy. Homariky ny ady ataony amin'ny fanavakavahana dia niara-nitolona tamin'ireo mainty hoditra tao Afrika i Andry. Namonjy an'i Hedrick Gunther izay niharan'ny tsy rariny ihany koa izy.

Naniry ny hanambady an'i Landy teratany Malagasy mainty hoditra i Hedrick Gunther, fotdsy hoditra, manam-pahaizana ireharehan'izao tontolo izao. Aminy dia tsy tokony hahasakana ny fiarahan'olon-droa ny fahasamihafan'ny volon-koditra.

Noraran'ireo manam-pahefana fotsy hoditra tsy hanambady an'i Landy i Hedrick Gunther. Tsy nampiova ny heviny anefa izany. Vao maika aza tonga zezika nampiroborobo ny fitiavany an'i Landy ny fandrarana natao azy. Nihalalim-paka ny fitiavany an'i Landy. Ho mariky ny fiombonam-pony tamin'ireo mainty hoditra, dia niara-nitolona ho amin'ny tsy fanavakavaham-bolon-koditra tamin'izy ireo izy. Mainty hoditra no nitondra azy hitsoaka ireo fotsy hoditra.

“Nampiseho faharetana sy herin-tsaina maha-te hidera i Hedrick Gunther nandritr'izany fotoana izany. Tsy resin'ny fahakiviana mihitsy hatramin'ny farany na dia mandry an-driran'antsy isan'andro vaky izao aza”.

AS tak 170.

Nampiredareda ny tolona nataon'ireo mainty hoditra ny fahitana io toetran'i Hedrick Gunther io. Noho izany, narovany hatrany i Hedrick Gunther.

“Hoatry ny efa mahazatra ihany. Voatery hiova lasy ... Novimbinina ireo entankely dia lasa.

Andian'olona maromaro, mainty hoditra no niditra ny trano nanenjika anay roalahy.

Ndao hiaraka aminay”.

AS tak 170.

Mialoha ny hahafatesany, dia nabaribarin'i Hedrick Gunther tamin'ireo fotsy hoditra namany, fa mitovy avokoa ny olona rehetra na ny mainty na ny fotsy. Porofon'izany ny fanomezana ny voka-pikarohana nataony izay anisan'ny tsara indrindra eran-tany, ho an'ny Malagasy sy ny mainty hoditra rehetra.

“Ho an'ny meinty hoditra sisa ny vokatry ny asa sy ny fikarohana rehetra hataoko ho an'i Landy sy ny iray rà aminy”.

Tak 169.

Tsy manaiky ny fanambaniana nataon'ny fotsy hoditra azy ireo mainty hoditra tany Afrika atsimo. Ao amin'ny tantara AS sdia tsy manaiky ireo mainty hoditra raha tsy azony Seniama lehibeny izay teo am-pelatanan'ny fotsy hoditra. Nambaran'i Wapita fa:

“Tsy hangina intsony isika. Tsy azontsika leferina intsony ny fitazonana an'i Seniama. Fanaovana tsinontsinona ny tolona iraisantsika izany ka tsy azo ekena”.

Tak 141.

Vokatry ny ezaka nataon'ireo mainty hoditra, dia azon'izy ireo ny fandresena: nifindra teny an-tanany ny fitaovam-piadiana tany amin'ireo fotsy hoditra. Taratry ny fifandanjany-kery teo amin'izy ireo izany.

“nirefodrefotra ny basy () Niara-nihosona tamin'ny rà ireo mainty sy fotsy, maty sy maratra. Nifindra tanana ny basy sasany. Tsy misy milefitra, tsy nisy nitsitsy. Samy nanala ny fony, samy niala vonkona, samy mamely hamono fa samy miantoka aina. Tsy nitsaha-nitreña ihany ireo basy. Tsy nanavaka kosa ny bala fa na fotsy na mainty, azy avokoa”...

AS tak 148.

- Taratra ao amin'ny tantara AML3 ihany koa ny fiadiana amin'ny fanavakavaham-bolon-koditra tao Afrika atsimo

Samy nanam-pahaizana na i Ken sy Masinera, na i Jaoba Lucien sy Rabarinony. Nataon'i Ken sy Masinera tsinontsinona anefa i Jaoba Lucien sy Rabarinony. Notereny hiara-hiasa aminy izy ireo, ary tsy nasiany dikany ny voka-pikarohany.

- Tsy nanaiky izany fanosihosena izany i Andry, fa nitady izay fomba rehetra hanavotana ireo manam-pâhaizana mainty hoditra. Tsy nandry ny eritreriny raha tsy tafaverina an-tanindrazana i Jaoba Lucien sy Rabarinony, ary voasambotra i Ken sy Masinera lehiben'ny jiolahy.

Fehiny:

Maro ireo asa fanakorontanana nataon'ny fahavalom-pirenena. Teo anatrehan'izany dia tsy nipetra-potsiny ireo mpitandro filaminana notarihin'i Andry. Mba hahafahan'izy ireo miaro ny firenena, dia nofongoriny hatramin'ny fakany aloha ireo teti-dratsy nokotrehin'ny fahavalo. Naveriny ny hasina maha-olona tamin'ny alalan'ny fandaminana ny fiainam-bahoaka sy ny fiadiana amin'ny fanavakavahana.

Voaaro ny firenena noho ny famerenana ny hasina maha-olona. Tsy nijanona tamin'izany anefa ireo mpitandro filaminana. Nampibaribary ny marina ihany koa izy ireo.

3.4.2. Fampiharihariana ny marina:

anjaka ny tsy fahamarinana sy ny fitiavan-tena vokatry ny fanakorontanana nataon'ireo jiolahy. Taratra izany na teo amin'ny fiainan'ireo vahoaka madinika, na teo amin'ny fiainam-pirenena. Niezaka nanarina izany ireo mpitandro filaminana. Nampiharihary ny marina izy ireo. Teo anivon'ny fiaraha-monina no nanehoany izany voalohany.

3.4.2.1. Teo anivon'ny fiaraha-monina

Tsy hisy fiaraha-monina vanona raha toa ka mbola manjaka ao aminy ny tsy fahamarinana sy ny fametsifetsena isan-karazany. Asa soratra maro amin'ireo nokirakiraina no maneho izany. Anisan'ireny ny MA sy VA.

- Ao amin'ny MA : vokatry ny fahatapahan'ny lalam-by mpitondra entana ilaina andavanandro, sy ny fanakanana ny fidiran'ireo sakafo ho any Toamasina, dia tsy hita teny an-tsena ireo enta-madinika ian-karazany. Koa dia nijaly ny vahoaka.

« Voalohany aloha dia mazava ankehitriny fa lafin-javatra iray loha no voakasika sy voasembetsembana hatrany amin'ity raharaha ity. Ny famatsiana ny vahoaka. Ny vary no tena lasibatra matetika. () 75 isan-jaton'ny entana nentina tamin'izany no very tanteraka. Na vary, na menaka, na siramamy, na solika, na lasantsy ».

MA tak 105

Tsy nitazam-potsiny ireo mpitandro filaminana fa nosamboriny ireo jiolahy. Fisamborana an'i Tojo no nanombohany izany. Tsy namelan'izy ireo raha tsy fantatry ny vahoaka ireo rangory fototry ny afo ka nahatonga ny fijalian'ny madinika.

Nasehon'ny mpanoratra ao amin'ny fiafaran'ny tantara fa mba hahafantarana ny marina, dia voatery nikaroka fomba nahafahany nirotsaka ho anisan'ireo

mpikarama an'ady i Andry. Fomba nampiasainy tamin'izany ny fandotoana an'i Andry sy ny fanendrikendrehana azy ho anisan'ireo jiolahy mpamadika firenena.

“noheverinay fa ny tsara indrindra dia ny ahafahan’ny olona izay, avy ao amin’ny sampana iandraiketako miditra ho isan’ny mpikarama an’ady.

() Nitady fahombiazana izahay ary tsy nisy azo navela mihitsy ny andinindininy amin’ny haharatsy endrika azy eo imason’ny tany ama-monina. Ho marim-pototra kokoa amin’izay ny fizoran,y amin’ny lalana efa nofidiana alehany”.

Tak 193.

- Voalaza ao amin’ny tantara VA ihany koa fa mba hahafantaran’i Andry ny marina momba ireo asan-jiolahy, dia voatery manara-maso an’Ingahy Rasendra izy.

“Mbola fanarahana am-bokony ihany aloha no inoako fa mety indrindra. Tsy mbola nifandray amin’ny tena lohan-dohan’ny mpisorona aho mandrak’ity androany”.

Tak 112.

- Vokatry ny fitiavan-karena tafahoatra teo amin’i Eva Rafielfmond dia nampiasa ireo teti-dratsy samihafa hahazoam-bola, toy ny fanondranana taolana an-tsokosoko izy. Nipoitra anefa ny marina taty aoriana. Nandritra ny fijanonan’i Andry tao Rantabe dia nilaza ny marina momba an’i Eva Rafielfmond izay heverin’ny olona ho vazimba i Andry.

“Nolazalazainy tamin’ny antsipirihany ny zava-nitranga tany amin’ny toerana nitazonan’i Eva Reafielfmond azy”.

Tak 141.

Fantatry ny mponin’ny Rantabe nanomboka hatreo, fa iray ihany ilay vazimban’ambato sy Eva Rafielfmond.

() Mazava izao fa ilay nomen’ny mponina eto anaram-bositra hoe: “vazimban’ambato” sy io voalazanao io dia iray ihany”.

Tak 142.

Araka izany, mba hahafantarana ny marina, dia tsy maintsy nampiasa tetika samihafa i Andry sy ireo mpiara-miasa aminy. Ny marina, hono, toy ny trondro vaventy ka tsy hita raha tsy any amin'ny rano lalina. Noho izany, dia ilaina herim-po sy fandavan-tena ny fikatsahana azy.

Tsy ampy hahafantarana ny marina anefa ny fananana fandavan-tena sy herim-po. Mitaky faharetana sy fanaovana sorona ny aina mihitsy izany. Matetika moa i Andry no saika mifanena amin-dRafahafatesana noho ny fikarohana io marina io.

Ny tsy fampanjakana ny fahamarinana nataon'ireo jiolahy teo anivon'ny fiaraha-monina dia nitarika ho amin'ny tsy fampanjakana ny fahamarinana teo anivon'ny firenena. Noezahin'I Andry sy ireo namany naseho izany tsy fahamarinana nafenin'ireo jiolahy ireo izany.

3.4.2.2. Fitadiavana ny marina eo anivon'ny firenena

Maha-firenena ny firenena ny toe-tsain'ny olona ao aminy sy ny fomba entina misaina. Koa raha tiana ho vanona ny firenena iray dia tsy maintsy kolokoloina io toe-tsaina io. Anisan'ny fanolokoloana azy ny fampahafantarana azy ny marina. Mba hahafahan'ny mpitandro filaminana miaro ny firenena Malagasy dia nasehony tamin'ny vahoaka ny marina.

- Ao amin'ny MA dia naely an-gazety ho fantatry ny vahoaka mihitsy ny marina. Momba ireo foiben'ireo mpikarama an'ady tao Afrika atsimo, sy ny asa nataon'i Andry nandritra ny fiarahany tamin'ireo mpikarama an'ady.

“Nanomboka ny ampitson'io dia tsy nitsahatra nanadio an'i Andry na ny fampielezam-peo na ny gazety tsirairay avy. Ary na dia tsy nolazaina tamin'ny antsipiriany aza ny zava-bitan'i Andry tamin'ity raharaha namaivay ity dia nahazohazo aina kosa ny vahoaka fa hay tsy meloka akory ilay maheriny”.

Tak 199.

- Ao amin’ny AS dia niray fo tamin’ireo vahoaka mainty hodiotra tao Afrika atsimo I Andry ho fampiharihariana ny marina teo anatrehan’ireo fotsy hoditra.

“vonona ny hamantatra ny marina izy na inon-kidona, na inon-kihatra”.

Tak 39.

- Na dia niezaka nanafina ny marina aza ny jiolahy notarihin’i Eva Rafieldmond ao amin’ny VA, dia nipoitra ihany izany marina izany. Nampihoron-koditra ireo nanatri-maso ny fahitana kesika maromaro feno taolana isan-karazany, na an’olona izany na an’ny biby.

“Fa ny nampihorona ny hodi-dohan’ireo miaramila sy tompon’andraikitra nanatrika ny namohana ireto kesika ireto dia ny taolana miavosa nameno ny kesika iray manontolo”.

Tak 181.

- Mibaribary ao amin’ny fiafaran’ny tantara RMP ny teti-dratsy nomanin’ireo nikasa hanongam-panjakana. Tratra i Tanassis lehiben’ireo jiolahy, ary fantatra ihany koa fa niomana ny hanongam-panjakana teto Madagasikara izy. Naely ho fantatry ny rehetra ny taratasy tao aminy, avy tamin’ny alalan’ny mpamantatra ny ho avy iray izay milaza fa:

“Aza very toky ianao fa tsy maintsy ho lasa lohany indray andro any ... Efa voasoratra ao amin’ny fiananao izany”.

RMP tak 178.

Taorian’ny famotorana nataon’ireo mpitandro filaminana notarihin’i Andry tamin’ireo jiolahy, dia naseho tamin’ny vahoaka hatrany ny asa vitan’izy ireo.

Araka izany, dia anisan'ny vahaolana iray ahafahana miaro ny firenena ny fanehoana ny marina amin'ny vahoaka. Izany no atao dia mba hahafahan'ny vahoaka mandray fepetra hentitra hiarovany ny tenany.

Anisan'ny tanjona kendrena amin'ny fiarovam-pirenena ny famerenana ny hasina maha-olona sy ny fampiharihariana ny marina. Tsy nionona tamin'ireo anefa ireo mpitandro filaminana, fa niezaka niaro ny fiandrianam-pirenena ihany koa.

3.4.3. Fiarovana ny fiandrianam-pirenena:

Ny olona mato-tsaina dia mahatsiaro ho tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ny fireneny. Raisiny ho mifaningotra aina aminy akaiky ny fireneny, ka izay mihatra amin'ny fireneny dia heveriny ho toy ny mihatra amin'ny tenany ihany koa.

Tamin'ny fanakorontanan'ny fahavalo ny firenena dia voahozongozona ny fiandrianam-pirenena. Manoloana izany, dia narovan'ireo mpitandro filaminana hatrany ny firenena. Fiarovana ny olom-pirenena sy ny harem-pirenena no endrika nisehoan'izany.

3.4.3.1. Fiarovana ny olom-pirenena

Ny aina tsy ananam-piry, koa nataon'ny razana fa mety ny mahafoy ny sisa rehetra hiarovana azy⁽⁶²⁾.

Taratra eo amin'ny fomba fisainan'ireo mpitandro filaminana notarihin'i Andry izany toe-tsaina izany. Niezaka niaro ny olom-pirenena hatrany izy ireo nandritra ny asa nataony.

- Ao amin'ny AML3, ny antony nandehanan'i Andry tao Afrika atsimo, dia ny fiarovana ny ain-dRabarinony sy Jaoba Lucien. Amin'ny maha-Malagasy azy

⁽⁶²⁾ A. P RAHAJARIZAFY, filozofia Malagasy, Ambozontany, Fianarantsoa, 1970 tak 45

ireo, sy amin'ny maha olom-pirenena manam-pahaizana azy ireo no niarovan'i Andry azy.

- Niaro ny vahoaka Malagasy hatrany i Andry sy ireo namany ao amin'ny RMP. Voasakan'izy ireo ny teti-dratsy nokasain'ireo jiolahy hampiharina amin'ny vahoaka sy ny firenena Malagasy.

“rotaka maty paika, ary teo an-dalan'ny fahombiazana raha tsy niditra an-tsehatra ireo mahery fon'ny firenena toa an'i Andry sy ireo namany. Rotaka lavitra ezaka ary mbola azo inoana fa tsy hijanona amin'izao akory ireo fahavalon'ny firenena fa tsy maintsy hikatsaka mandrakariva ny hanimba ity firenena malalantsika ity”.

Tak 177.

Araka izany, tsy nataon'ireo mpitandro filaminana ho ambanin-javatra ny olom-pirenena. Tsy nasiany fanavahana izany. Ao amin'ny RMP dia narovany avokoa ny Malagasy rehetra, na ny avy any amorontsiraka, na ny avy eto afovoan-tany.

- Ao amin'ny AML3 dia niaro ireo olom-pirenena manam-pahaizana Malagasy tany ivelany i Andry.

- Ao amin'ny VH sy AS dia niaro ireo olom-pirenena niharan'ny tsy rariny hatrany i Andry. Tsy nanavaka saranga izy ary tsy nijery fiaviana ihany koa. Porofon'izany,; samy teratany vahiny na i Hedrick Gunther, na i Sonia Riton, na ny profesora Rodriguez izay samy teo ambany fiarovan'i Andry avokoa.

Ny profesora Rodriguez, ao amin'ny VH, dia sady manam-pahaizana no manam-bola. Ireo mpitolon'ny Frolitimo tao Paris sy ny mponin'i Musgrave ao Oodnodatta kosa dia vahoaka mahantra. Mbola samy narovan'i Andry koa izy ireo.

Raha fehezina izay voalaza izay dia azo ambara fa tsy mitandro ny ainy mihitsy i Andry. Narovany avokoa ireo olona nosetrasetrain'ny fahavalom-pirenena. Tsy nanavahany saranga na firazanana na fiaviana izany.

Maro samihafa ireo singa maha-firenena ny firenena. Iray amin'ireny ny vahoaka izay tsy nitandroan'i Andry sy ireo mpiara-miasa aminy aina ny fiarovana azy. Tsy ny vahoaka ihany anefa no narovany fa ny fananany ihany koa, ary indrindra ireo azo lazaina ho harem-pirenena.

3.4.3.2. Fiarovana ny harem-pirenena

Maro ireo harena voajanahary samihafa tsy hita raha tsy eto Madagasikara: biby, zavamaniry, sns... Tsy izany ihany anefa fa manana ny lanjany koa ny toerana ara-jeografika misy azy eo anivon'ny kaontinanta Afrikana. Nosy mitokana izy ary lehibe ny velaran-taniny. Asongadin'ny mpanoratra izany hakanton'i Madagasikara izany ao amin'ny ET tak 48:

“Be mpîsiriritra loatra ity Nosy malalantsika ity. () Tsy noho ny harena eto amintsika ihany fa noho ny toerana misy antsika mihitsy aty amin'ny faritra atsimon'ny gilaoby aty. Nosy lehibe sady malalaka mbola azo onenan'ny olona an-tapitrisany maro, naman'ny firenena Afrikana nefa tsy mitovy tanteraka aminy noho izy Nosy. Tsy tafiditra loatra amin'ny olana mampizarazara ireo firenena samihafa ao Afrika ao. Ny toerana misy azy ao amin'ny ranomasina Indiana koa; amin'ny lalana ivezivezen'ny sambo tsy maintsy manodidina an'i Afrika hamatsy ny kaontinanta avarabaratra rehetra any”.

Nohararaotin'ireo vahiny izany hakanton'i Madagasikara izany mba hangoronany harena. Ny mpanam-bola ihany mantsy no nomena zo sy fahefana hitrandraka ny harena teto, ka dia nanjakazaka ireo vahiny be vola.

Tetsy andaniny, natakalon'ireo Malagasy vitsy an'isa vola ihany koa i Madagasikara. Vokany, mizara roa ny fari-piainan'ny Malagasy: tao ny mahantra ary tao ny mpanana. Maneho miharihary ny tsy fahaiza-mitantana ny toe-karem-pirenena izany.

Manoloana izany rehetra izany dia mandray ny andraikiny ireo mpitandro filaminana notarihin'i Andry. Niezaka niaro ny harem-pirenena izy ireo mba hahafahana manarina ny toe-karen'i Madagasikara. Santionany amin'izany ireto holazaina ireto:

- Ao amin'ny fiafaran'ny ET dia ahitana ny fisamboran'i Andry sy ny namany ny tarik'ireo jiolahy nikasa hampiditra olona vaovao an-tsokosoko teto Madagasikara. Tsy nahomby ny tetika noho ny hetsika nataon'i Andry. Afaka niaro ny firenena i Andry na dia:

“Tsy mbola fantatra marina ankehitriny na firy na firy ny olona efa nampidirina teto an-tsokosoko. Efa mieli-patrana hatraiza hatraiza izy ireo ka sarotra ny fizahana azy”. Tak 179.

- Maro ireo harena fanondran'i Eva sy ny namany ao amin'ny VA. Teo ampisamborana azy ireo no nahitana ny santionany tamin'izany harena izany.

“kesika feno zava-tarobidy. Tao ny tavoahangy maromaro feno vovo-bolamena tsy latsaky ny efatra na dimy kilao ny lanjan'izy ireo. Teo koa ny vato sarobidy isan-karazany, ary indrindra ireo tena vatosoa mbola tsy voadio”. Tak 181.

- Nikasa hanatanteraka ny asa ratsiny eto Madagasikara i Griffin sy Strom ao amin'ny VH. Porofon'izany ny fahitan'i Andry ireo antontan-taratasy izay manambara fa:

“Madagasikara: anisan'ny firenena manana indrindra eo amin'ny harena ambanin'ny tany ... volamena, vatosoa, pétrole, uranium ... Tsy ambakan'ny hita any Afrika atsimo ary azo inoana fa fitohizan'ireo harena tsy mitsaha-tovozin'ireo tsy tia

mainty ao Afrika atsimo ny ao amin'ny tany Malagasy ... Mbola tsy afaka ara-teknolojia ny teratany hikarakarana ny fitrandrahana azy. () Lasibatra voalohany fanovozana herim-pamokarana any amin'ny faritry ny ranomasina Indiana". Tak 180.

Azon'i Andry anefa ireo antontan-taratasy mirakitra ny asa ratsin'izy ireo, koa foana hatreo izany fanirian-dratsiny izany.

Hita araka izany, fa noezahin'i Andry sy ireo namany narenina ny toe-karen'i Madagasikara izay nanjakazakan'ny vahiny sy ireo Malagasy mpiray petsapetsa aminy.

Noporofoin'ny mpanoratra teto fa fomba iray ahafahana miaro ny fiandrianam-pirenena ny fiarovana ny harena ao aminy.

Ho fiarovana ny harem-pirenena dia tsy maintsy atao tsara tantana izy. Tsy ho tomombana anefa izany raha toa ka tsy mbola eo am-pelatanan'ny Malagasy ny fitantanana azy.

Ho fehiny dia azo ambara fa nitondra ny anjara birikiny ho fiarovana ny firenena ireo mpitandro filaminana izay soloan'i Andry tena. Tsy miasa irery izy ireo, fa nanentana ny olona mba samy handray ny andraikitra tandrify azy avy.

Raha fintinina izany rehetra izany dia azo ambara fa nahitam-bokany ny ady ho fanoherana ny fahavalom-pirenena nataon'ireo mpitandro filaminana:

- tafaverina ny hasina maha-olona izay nohitsakitsahin'ireo fahavalom-pirenena
- nilamina ny fianam-bahoaka na an-tanàn-dehibe izany na tany ambanivohitra
- resy tosika ny fanavakavaham-bolon-koditra izay nahery vaika tao Afrika atsimo.

Niezaka nampibaribary ny marina ireo mpitandro filaminana. Vokany, foana ny risoriso sy ny varo-maizina izay nanjaka teo amin'ny fiaraha-monina; nitatra hatrany amin'ny firenena mihitsy izany fanehoana ny fahamarinana izany. Mba hahafahan'ireo mpitandro filaminana miaro ny firenena dia niaro ny olom-pirenena izy ireo; tsy nijereny saranga na fiaviana izany. Tsy nataon'izy ireo an-kilabao koa ny fiarovana ny harem-pirenena izay antoky ny fivoaran'ny toe-kareny.

Famintinana ny fizarana fahatelo

Novahavahana tato amin'ity fizarana ity ny tara-kevitra ny fiarovam-pirenena izay hita fa misongadina ao amin'ny asa soratr'i Faralahy. Mialoha ny nanadihadiana io tara-kevitra io no nampahafantarana ny tantaran'ny RE satria ahitana taratra asa fitsikilovana ireo tantara foronina nosoratan'i Faralahy.

Tamin'ny taon-jato faha XIX no nanomboka hita teo amin'ny sehatry ny literatiora ny RE. Tsy hita tany Frantsa ny RE raha tsy tamin'ny taon-jato faha XX ka i Pierre Nord no anisan'ny foto-pisian'izany. John Buchan kosa no loharano nipoiran'ny RE anglisy. Ny firenena tandrefana no tena havanana amin'ny fanoratana RE na dia nanoratra RE avokoa aza ireo firenena eran'izao tontolo izao.

Nohazavaina nandritra ny fanadihadiana ny tara-kevitra ny fiarovam-pirenena ireo fanakorontanana nataon'ireo fahavalo ny firenena. Anisan'izany ny fanitsakitsahany ny zo maha-olona, tamin'ny alalan'ny fampanaovana asa an-terivozona sy ny fandefasana an-tsesitany, ny fanaovana herisetra izay niafara tamin'ny fandripahana ain'olona mihitsy indraindray. Nanampatra ny fahefany ihany koa ireo jiolahy. Fitaovana nampiasainy tamin'izany ny volany, ny fahaizany, ary ny fahefam-pitondrany.

Tsy nijanona tamin'ireo fanakorontanana ireo ny fahavalom-pirenena. Nataony ny fandrinitana adim-poko sy ny fanavakavaham-bolon-koditra ho fampisaraham-bazana ny mpiray firenena.

Teo anatrehan'izany dia tsy nipetra-potsiny ireo mpitandro filaminana notarihin'i Andry. Nanao ny ainy tsy ho zavatra izy ireo ho fanoherana ny olon-dratsy.

Nandray ny andraikiny hatrany izy ireo na teo anivon'ny fiaraha-monina, na teo amin'ny sehatry ny firenena rehefa nahazo baiko avy amin'ny lehibeny. Niara-niasa tamin'ny manodidina izy ireo satria hainy ny nifandray taminy. Nisongadina

hatrany ny fananany fandavan-tena, ny fahavononany hamoy ny ainy mihitsy aza. Mazàna, voatery mandao ny andefimandriny sy ny tanindrazany izy eo am-panatanterahana ny asany.

Tsy very maina akory ireo ezaka nataon'ny mitandro filaminana ireo. Voaaron'izy ireo ny firenena, tafaveriny ny hasina maha-olona ny tsirairay tamin'ny alalan'ny fandaminana ny fianam-bahoaka sy ny fanafoanana ny fanavakavahana. Nibaribary ihany koa ny marina teo amin'ny fiaraha-monina sy teo anivon'ny firenena. Ary ny farany, izay tena zava-dehibe, dia ny fiarovan'izy ireo ny fiandrianam-pirenena zary efa nihozongozona.

TENY FAMARANANA

I Faralahy: ny mpanoratra sy ny asa sorany no lohateny nomena ity asa fikarohana ity. Nofidianay io mpanoratra io satria iray amin'ireo mpanoratra Malagasy vitsy dia vitsy nanoratra tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” izy.

Haitsikera roa no nampiasaina nandritra ny asa fikarohana dia ny haitsikera ara-drafitra sy ny haitsikera ara-tantara.

Nozaraina telo lehibe ny asa. Nampahafantarina tao amin'ny fizarana voalohany ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany, nofakafakaina tao amin'ny fizarana lehibe faharoa ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina ary ny fizarana farany no nandinihana ny tara-kevitra ny fiarovam-pirenena.

Tao amin'ny fizarana voalohany no nanehoana ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny asa sorany. Ny toko voalohany no nanoritsoritana ny tantaran'ny trano printy “Takariva”. Niorina tamin'ny taona 1935 tao Ankadifotsy ny trano printy, ary RAPATSALAHY Paul sy PARSON Emile no niara-nanorina azy. Boky aman-gazety maro ho fampiroboroboana ny literatiora Malagasy no novokarin'ny trano printy “Takariva”. Ny toko faharoa no nanehoana ny fiainany amin'ny maha-olon'ny soratra sy ny asa famoronana azy. Mpanoratra tantara foronina ny rainy koa anisan'ny nanosika azy hirotsaka eo amin'ny sehatry ny fanoratana izany. Karazan'ny asa soratra novokarin'ny tantara foronina sy ny tantara an-tsary. Nambara tao amin'ny toko fahatelo ireo zava-nisy teto amin'ny firenena ka niako teo amin'ny fiainan'ny mpanoratra. Teo amin'ny ara-politika dia nisy ny fifandimbiasam-pitondrana, niroborobo ny risoriso sy ny varo-maizina noho

ny fanjakazakan'ireo Malagasy vitsy an'isa teo amin'ny toe-karena ary tsy nahitana filaminana ara-piaraha-monina na teto Madagasikara na tany ivelany.

Nohadihadiana tao amin'ny fizarana faharoa ny endrika ivelan'ny asa soratra. Nofakafakaina nandritra izany ireo hasin-javatra mamaritra ny tantara foronina: ny firafiny, ny mpandray anjara ao amin'ny tantara ary ny toerana sy ny fotoana nisehoan'ny tantara.

Mizara telo lehibe ny firafitry ny tantara foronina nosoratan'i Faralahy dia ny toe-javatra iandohana natao mba hanasongadinana ny olana, ny singa manova izay anehoana ireo fomba nenti-namahana ny olana ary ny toe-javatra iafarana ahitana ireo vaha-olana izay mitondra ho amin'ny lamina.

Misokajy ho roa ny mpandray anjara ao amin'ny tantara: mpandray anjara fototra na mpandray anjara mpanampy. Tsy miova ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara rehetra. i Andry, lehilahy tanora sy be herim-po, misahana ny fanadihadiana sy fitsikilovana ireo asan-jiolahy. Ireo mpandray anjara mpanampy kosa dia teratany Malagasy sy vahiny. Tsy mitovy ny sarangan'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara: misy ny manan-karena, misy ny manana fari-piainana antonony, ao koa anefa ireo mpitrongy vao homana.

Teto Madagasikara sy tany ivelany no toerana nisehoan'ny tantara. Eto Madagasikara dia ny afovoan-tany sy ny morontsiraka atsinanana andrefana ary avaratra no nameloman'ny mpanoratra azy ireny. Nanana ny fahaizany manokana ny mpanoratra tamin'ny fanoritsoritana ny toerana nisehoan'ny tantara. Ankoatra ny fampiasana mpisolo toerana dia niainga avy amin'ny zava-misy ara-boajanahary sy ny endrik'ilay toerana izy.

Manaraka izany, misy ireo tantara voafaritra mazava ny vanim-potoana nisehoany, misy koa ireo afaka mitety vanim-potoana. Nampiasa ny fotoana alina ihany koa i Faralahy amin'ny maha-tantara maneho ny asa fitsikilovana sy ny asanjolahy azy.

Tsy maharitra ny faharetan'ny tantara amin'ny ankapobeny satria ampahampiainan'ny mpandray anjara ihany no tantaraina ao.

Arakaraka ny vontoatin'ny tantara kosa no nahafahana nampifandray ny toe-javatra tantaraina sy ny fotoana. Manaraka ny fizotry ny fotoana ny fitantarana raha toa ka araka ny fizotry ny fotoana ny fandaharana ny toe-javatra tantaraina. Tsy manaraka izany kosa izy rehefa misy ny fampahatsiahivana fohy ny lasa ho fanazavana ny toe-java-misy ankehitriny. Hita soritra mazava ao amin'ny tantara ny fanondroana ny fotoana amin'ny alalan'ny ora sy amin'ny fomba malalaka. Hita araka ireo fa miendrika tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” vahiny ny ankamaroan'ireo tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” Malagasy nosoratan'i Faralahy.

Novoaboasana tao amin'ny fizarana fahatelo ny tara-kevitra ny fiarovam-pirenena rehefa hita ny endriny ivelany.

Mialoha ny namelabelarana io tara-kevitra io dia nampahafantarina aloha ny tantaran'ny RE. Fantatra tamin'izany fa ny taon-jato faha-XIX vao hita teo anivon'ny literatiora ny RE. Ny taon-jato faha XX kosa vao niseho teo amin'ny sehatry ny literatiora frantsay ny RE. i Pierre Nord no azo lazaina fa loharano nipoiran'ny RE frantsay; John Bruchan kosa ny an'ny anglisy. Na dia samy nanoratra RE avokoa aza ireo mpanoratra RE eran-tany dia hita misongadina hatrany fa havanana kokoa eo amin'ny teknikan'ny fanoratana RE ireo firenena tandrefana.

Hevi-baventy telo no nanompanana ny famakafakana ny tara-kevitra ny fiarovam-pirenena dia ny fanakorontanana nataon'ireo fahavalo ny

firenena, fanoherana ny asa ratsin'ireo fahavalom-pirenena ary ny tanjon'ny fiarovam-pirenena.

Fihetsika feno habibiana no nasehon'ireo jiolahy ho fanakorontanana ny firenena. Afaka nanao izay tiany hatao izy ireo noho ny fananany fahefana. Nohitsakitsahiny ny zo maha-olona ary noezahiny nosaratsarahina ny mpiray firenena.

Ho fanoherana izany herisetra izany, dia tsy nipetra-potsiny ireo mpitandro filaminana. Nandray ny andraikiny avy hatrany izy ireo ary nanao sorona ny ainy mihitsy aza. Tsy niseho ho nahavita tena anefa izy ireo tamin'izany fa niara-nisalahy tamin'ireo manodidina azy.

Noho ny asa nataon'ireo mpitandro filaminana dia tojo ny tanjona nokendreny izy ireo, dia ny fiarovana ny firenena izany. Tafaveriny ny hasina maha-olona, niharihary ny marina ary nanjary laharam-pahamehana ny fitandroana ny fiandrianam-pirenena.

Ireo no azo amintinana ity asa fikarohana ity. Marihina anefa fa amin'ny maha-mpanavao anay eo amin'ny sehatry ny asa fikarohana, dia mety hisy ny tsy fahalavorarian'ny asa. Anisan'ireny ohatra ny tsy fandalinana ireo sarin-teny mandrafitra ny asa soratra. Sehatra iray midadasika mbola azo anaovana fikarohana izany. Azo anaovana fikarohana ihany koa ny fampitahana ny tantara foronin'i Faralahy amin'ireo tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana "Roman policier" malagasy hafa.

Manadihady ny antony mahasamihafa azy na ny itovizany. Mety hahaliana ihany koa ny hika-roka ny tany am-parahatoky ny mpanoratra ka nahatonga azy hanana endrika tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” toy ny hita amin’ity asa fikarohana ity. Santionany ihany ireo fa mbola betsaka ny lafin-javatra azo dinihina ao amin’io sehatra io.

Na teo aza ny lesoka, heverinay fa nitondra anjara biriky kely ihany izahay amin’izao asa fikarohana izao. Ity asa fikarohana ity no nahalalana misimisy kokoa an’i **Faralahy** sy ny asa sorany. Nahitana soritra ny endriky ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” Malagasy ihany koa ity asa fikarohana ity ary nahafahana nanome sombin-kevitra ho fiarovana ny firenena.

Antenaina fa ho maro ireo mpikaroka izay hanabe voho hatrany ny literatiora Malagasy, indrindra ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” izay manampy amin’ny fanolokoloana sy fanabeazana ireo taranaka, ary mitahiry ny soa toavina maha-malagasy. Zava-kendrena amin’izao asa fikarohana izao moa ny fanasongadinana ny lanjan’ny tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier” eo anivon’ny literatiora Malagasy, koa irinay ny hanohizan’ireo mpikaroka any aoriana ny asa.

TOVANA

NY TANTARAM-PIAINAN'NY MPANORATRA

Andriamatoa RAPATSALAHY José (Faralahy; Idealy Soa Zanany).

Teraka tamin'ny vanim-potoana nampamaivay ny tolona ho fitakiana ny fahaleovan-
tenan'ny firenena i **Faralahy** na **RAPATSALAHY José**, dia ny 11 Aogositra 1947. **Paul**
RAPATSALAHY⁽⁶³⁾ no rainy, ary **RALALAHARISOA Robertine** no reniny.

Dimy mianadahy ry zareo. Ireto avy araka ny fizokiany:

- **RAPATSALAHY Claude**
- **RALALAHARINORO Robertine**
- **RASOAMANANORO Hugette**: mpikarakara ny fivarotam-boky ao Antaninarenina (CMPL)
- **RASOAMANANORO Romance** : nipetraka tany an-dafy ary maty tany
- **RAPATSALAHY José**.

Nanana ny maha-izy azy teo amin'ny sehatry ny literatiora ny rainy. Azo lazaina ho
nandova ny talentan-drainy i **Faralahy**.

Raha ny momba ireo raibe sy renibeny indray dia toy izao:

Avy amin-drainy:

- **RAFARALAHY** no raiben'ny ary mpivaro-kena no asany.
- **RASOAMANANORO** no renibeny.

Avy amin-dreniny:

RAMAROJAONA Robert no raiben'ny ary mpitan-tsoratra ny fivondronam-
pokontanin'Antananarivo renivohitra izy.

RAZANAMALALA Cathérine no renibeny.

Nanomboka ny ambaratonga faharoa dingana voalohany tao amin'ny “Lycée gallieni”
i **Faralahy**. Nianatra tao izy ny kilasy fahenina ka hatramin'ny kilasy famaranana.

Tao amin'io sekoly io no nahazoany ny mari-pahaizana “Bakalorea sokajy filôzofia”
ny taona 1968. fony mbola tao amin'ny “Lycée Gallieni” izy, dia efa havanana tamin'ny
taranja literatiora, indrindra ny famoaboasan-kevitra amin'ny teny frantsay.

1968-1970: Niofana ho mpanao gazety tao amin'ny sekoly **ORTF** tao Befelatanana.

1970-1971: - Nahazo vatsim-pianarana avy amin'ny **FAC** na **Fonds d'Aide et de**
Coopération⁽⁶⁴⁾.

⁽⁶³⁾ Idealy Soa mpanoratra sady mpanao gazety.

- Nianatra tao amin'ny **INA** na Institut National des Audio-Visuel tao Paris. Tao no nahazoany ny mari-pahaizana « Cadre A2 », taorian'izay dia namarana ny fianarana ho mpanao gazety tao “**Saint Lazare**” tao amin'ny sekolin'ny mpanao gazety “**Saint Michel**”, Université de Paris Ve. Rehefa vita ny fianarany dia nianatra asa tao amin'ny toerana “**Maison Laffite**”. Io toerana io dia sady sekoly ianarana no fandraisam-peo”⁽⁶⁵⁾.

Fito mianadahy izy ireo no andiany indray miaraka nandritra ny fianarana tany ivelany. Ireto avy izy ireo:

- 1- RAKOTOMALALA Jeannine
- 2- RALAIVOAVY Théophile
- 3- RALIBERA José
- 4- RAMAROKOTO Gaston
- 5- RAMAROKOTO Samuel
- 6- RAPATSALAHY José**
- 7- RASOANASY Jeanne.

Nandritra ny fianarana tany ampitan-dranomasina, dia nifampitondra toy ny mpiray tampo izy fito mianadahy teratany malagasy, lavi-kavana ireo, ka nifamonjy tamin'ny fotoan-tsarotra, nifananatra raha misy nanao ny tsy mety.

Anisan'ny toetra manavaka an'i **Faralahy** ny fanaovana sangisangy zary tenany sy ny hatsikana ; ireny no hampitany hevitra.

Olon'ny fihavanana ihany koa izy. Aleony very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana. Nataony ho modelim-piainana ny fandalana ny fihavanana nandritra ny fianarany tany ivelany. Izy no mpandamina ny disadisa, indrindra teo amin'izy fito mianadahy, raha sendra nisy izany.

Nahavita ny fianarany i **Faralahy** ny volana **desambra 1971** ary niverina teto Madagasikara.

Vao tonga teto Madagasikara ny mpanoratra, dia nirotsaka avy hatrany teo amin'ny sehatry ny asa. Mpanao gazety tao amin'ny Televiziona Malagasy izy, mpamokatra fandaharana no asa niandraiketany tamin'izany.

Ny ampahany amin'ireo fandaharana novokariny tao amin'ny Televiziona Malagasy, dia niompana indrindra tamin'ny fiandaniana amin'ireo zanaky ny mahantra, dia ireo izay nianjadian'ny setratsetra sy ny adim-piainana.

⁽⁶⁴⁾ Io vatsim-pianarana io dia vokatry ny fifanakalozana teo amin'ny mpianatra Malagasy sy Amerikana na American Fields service (AFS)

⁽⁶⁵⁾ Nandikana ny atao hoe « Studio école ».

Nikasa ny hamokatra fandaharana maneho ny tsy mety sy ny fitongilanana misy teto amin'ny firenena tamin'izany fotoana izany izy, saingy noho ny fisian'ny sivana, dia tsy nahazo nalefa io fandaharana io.

Tanjon'ny mpanoratra moa ny hahaleo tena eo amin'ny sehatry ny asa. Tsy nijanona tao amin'ny **TVM** izy, fa nanitatra ny fahalalany ka nanomboka niasa tena tao amin'ny **“trano printy Takariva”** nanampy an-drainy ny taona 1975.

Tetsy ankilan'izany, nahatsapa izy fa toa tsy misy kilalao vita Malagasy ho an'ny zaza Malagasy eto Antananarivo. Koa dia nanangana orinasa kely mpamorona kilalao Malagasy izy.

Ireo kilalao ireo moa dia natokana indrindra ho an'ireo orinasa izay nanafatra dieny mialoha, mba hozaraina amin'ny zanaky ny mpiasa ao aminy isaky ny faran'ny taona. Teo amin' ny sahan' ny fitiavana dia ny **22 Jiona 1974** izy no nampakatra an-d**RAZANALISOA Vololonanta Zoeline** zana-d**RAJOELISON** sy **RAVAOSOA Albertine** ho taolan-tehezany.²⁷ taona ny mpanoratra tamin' izany ary 22 taona ny andefimandriny. Efatra mianadahy no zanany dia ireto:

- **RAPATSALAHY Johary Emmanuel**
- **RAPATSALAHY Miora Manohisoa Valérie**
- **RAPATSALAHY Anjambolatiana Caroline**
- **RAPATSALAHY Nasolo José Mirijaso**

Ramatoa Zoeline vadiny dia azo lazaina fa anisan'ireo vehivavy niaina ny fahasambarana teo anivon'ny tokantranony. Tia ny ankohonany i **Faralahy**, hany ka nanao izay fara-heriny mba hahafahan'ireo ankohonany miaina amim-piadanana.

I **Johary** sy i **Anja** dia samy manao ny asa fitantanana amin'izao fotoana izao. I **Nasolo José** (Dida) sy i **Miora** kosa dia samy havanana amin'ny lafiny literatiora. Marihina fa i Miora dia manan-talenta manokana eo amin'ny sehatry ny asa soratra, ka ny tononkalo no tena manavanana azy.

Anisan'ny fialam-boly ankafizin'i **Faralahy** ny mitendry gitara sy ny mihira, indrindra ireo hira Malagasy sy ny kalon'ny fahiny. Fony mbola mpianatra tany amin'ny “Lycée Gallieni” izy dia efa mpitendry gitara. Nihanitombo izany fankafizany ny zava-kanto izany nony nanambady an-dRamatoa **Zoeline** izy.

Ramatoa **Zoeline** moa dia mpihira ao amin'ny tarika **Nônô**. Mirahavavy izy ireo (Zoeline sy Patricia) no mpihira mpanampy ny lehiben'ny tarika. Ny tarika **Nônô** izay ankafizin' i **Faralahy** tokoa raha oharina amin'ny mpanakanto Malagasy hafa.

Mpamokatra fandaharana no asa niandraiketan'i **Faralahy** tao amin'ny Televiziona Malagasy. Izy no nikarakara manokana ny fandaharana ho an'ny mpanakanto tao. Izany no nahatonga ny fisandratan'ny tarika **Nônô**.

Manaporofy io fankafizan'ny mpanoratra ny tarika **Nônô** io ny fampidirany ny andalan-tononkiran'i **Nônô** iray ao amin'ny tantara foronina Ady Saritaka⁽⁶⁶⁾.

“Hoy ianao, ny fiainana tsy vita mora

Fa miha sarotra isan'andro isan'andro, isan'ora...”.

AS tak 9

Manamafy io fitiavana ny tarika **Nônô** io ihany koa ny fanoritsoritan'ny mpanoratra ny hakanton'ny feon'i **Nônô** ao anatin'ny asa soratra Ady Saritaka ihany:

“Niakatra moramora avy ao amin'ilay vataky ny feon'i Nônô. Ilay feon'i Nônô mihotrik'afy mampitsangam-bolo ny tia sy ny manina, mampitroatra ny resin-tory sy ny resy lahatra, mampivonkona ny totohondry ary mamonto ny fo liana fitia”⁽⁶⁷⁾.

AS tak 9

Ankoatra ny fankafizana mozika, dia fialam-boly mamin'i **Faralahy** ihany koa ny fijerena sarimihetsika. Isaky ny faran'ny herinandro dia mijery sarimihetsika ao amin'ny cinema Rex sy Roxy miaraka amin'ny ankohonany izy.

Ny finoana kristiana katôlika no narahiny, finoana izay noheveriny fa mitaky fifehezan-tena ho an'ny tsirairay aloha, izay vao raisina amin'ny fisehoana ivelany.

Fanirian'i **Faralahy** ny hanoratra boky indray mandeha isan-taona; hetahetany ihany koa ny hamadika ireo tantara foronina ho tantara an-tsary. Naniry ny hanangana toeram-pivarotana asa tanana Malagasy isan-karazany ihany koa izy fahavelony, saingy tsy tontosany izany noho ny toe-pahasalamany.

Toetra manokana iavahan'i **Faralahy** amin'ny hafa ny toa fananany tsindrimandry. Ahitana taratra izany ny asa soratra Vazimban'Ambato⁽⁶⁸⁾ nosoratana tamin'ny taona 1979, nefa mitantara ny toe-javatra hiseho aty aoriana, dia ny fangalarana sy fanondranana taolampaty izany. Toy izao no voalazan'ny tantara:

“Fa ny nampihorona ny hodi-dohan'ireo miaramila sy tompon'andraikitra nanatrika ny namoahana ireto kesika ireto, dia ny taolana miavosa nameno ny kesika iray manontolo. Taolana efa maina, nahitana karazan-doha, taolam-pe, taolan-kazon-damosina sy ny sisa sy ny sisa. Tao ny hoatry ny taolan'ankizy, tao ny an-dehibe koa”.

⁽⁶⁶⁾ FARALAHY, Ady Saritaka, op cit tak 9

⁽⁶⁷⁾ FARALAHY, Ady Saritaka, opcit tak 9

⁽⁶⁸⁾ FARALAHY, Vazimban'Ambato op cit tak 181

Noho ny aretina homa-miadana “Insuffisance renale”, izay nanimba tsikelikely ny toe-pahasalamany nandritra ny efa-bolana, dia nanapa-kevitra ny hiteraka ny zanany farany izy mivady.

Tsy nahatohitra ny aretina nahazo azy anefa izy ka nindaosin’ny fahafatesana teto Antananarivo ny **27 jolay 1984**.

Nandritra ny fotoana nandevenana azy, dia nanolotra hira ho fahatsiarovana azy sy ho valim-pitia ny tarika **Nônô**, sakaiza tsy foin’i **Faralahy**.

BOKY AMAN-GAZETY NANOVOZAN-KEVITRA

1- BOKY

1.1. Boky amin'ny teny Malagasy:

ANDRIAMALALA (Emilson Daniel). Ny fanagasiana. Trano printy FJKM Imarivolanitra. Antananarivo. 1991. 99p.

RABARIJAONA Victor Bernardin. Essai d'analyse des contenus et des conditions de production des oeuvres littéraires du journal Takariva 1945-1949. Université de Madagascar UER lettres Malgaches. Antananarivo. Juin 1982. 551p.

RABEMOLALY (Fanomezana) sy RAVALITERA (Jean Nalisoa) ary RAMILIARISON (Henri) sy RAVELOMANANA (Hermann). Fary mamy. Kilasy faharoa. Salohy. Antananarivo. 1977. 238p.

RAHAJARIZAFY (Antoine). Ny Filozofia Malagasy. Ambozontany. Fianarantsoa. 1970. 155p.

RAMASINDRAIBE (Paul). Ny fihavanana. Imprimerie Catholique. Tananarive. 1971. 75p.

1.2. Boky amin'ny teny Frantsay :

CHALVIDAN (Patrick). Le droit de l'homme. Armand Collin. Paris. 1965. 91p.

CHANDLER (Raymond). La dame du lac. Gallimard. Saint Armand. 1988 pour le dossier, 1949 pour la traduction française. 379p. Traduit de l'Anglais par BORIS et VIAN Michèle. Lady in the lake.

COQUERY (Cathérine). Afrique noire. Edition l'harmattan. Paris. 1985. 450p.

COURBE (Patrick). Droit de la famille. Armand Colin. Paris. 1997. 424 p.

DESCHAMPS (Hubert). Histoire de Madagascar. Berger Leuranet. Paris. 1960.

ESCARPIT (Robert). Sociologie de la littérature. Collection que sais-je ? Paris. 1968. 128 p.

Le littérature et le social. Champs. Flammarion. Paris. 1970. 315 p.

FAYOLLE (Roger). La critique. Librairie Armand Colin. Paris. 1978. 289 p.

FEBVRE (Lucien). Combats pour l'histoire. Armand Colin. Paris. 1965. 468 p.

GOLDMANN (Lucien). Pour une sociologie du roman. Gallimard. Paris. 1969. 381 p.

MAURIAC (François). Le romancier et ses personnages. Buchet. Corée. 1933. 222 p.

MICHAUD (Guy). L'œuvre d'art et ses techniques. Librairie Nizet. Paris. 1983. 271 p.

NARCEJAC (Boileau). Le Roman policier. PUF édition Révue. Paris. 1968. 127 p.

SARTRE (Jean Paul). Qu'est ce que la littérature ? Edition Gallimard. Paris. 1969. 383 p.

TODOROV (Tzvetan) et JACKOBSON (Roland). Théorie de la littérature. Texte des formalistes russes réunis, présenté et traduit par Tzevetan TODOROV. Seuil. Paris. 1965. 315p.

VERALDI (Gabriel). Le roman d'espionnage. PUF « que sais-je ? ». Paris. 1983. 127 p.

WEBER (Jean Paul). Genèse de l'oeuvre poétique. Gallimard. Paris. 1960. 564 p.

WELLEK (René) et WARREN (Austin). La Théorie littéraire. Edition du Seuil. Paris. 1971. 396 p.

ZERAFFA (Michel). Roman et société. PUF, Collection supérieure. Paris. 1975. 184 p.

1.3. Rakibolana :

Firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy :RAVELOJAONA

Dictionnaire encyclopédique des sciences du langage. Edition du Seuil. Saint Armand. 1979. 1288 p.

Dictionnaire français – malgache. Nouvelle édition. Librairie Maritime et Coloniale. Paris. 1899. 860 p.

Dictionnaire historique, thématique et technique des littératures ». littérature française et étrangères anciennes et moderne ». Librairie Larousse. Paris. 1986. 1862 p.

2. GAZETY SY REVIO :

RANARISON (Bebby Denise Solohery). “Ny tsikera samihafa fampiasa amin’ny fandinihana haisoratra”. Aingam-pivoarana. Laharana manokana. Antananarivo. 1971.

Fanasina. laharana 489. 1967

laharana 539. 1968

Mpanolo-tsaina. laharana 19. 1908

Takariva. laharana 778. 1949.

RESUME

Les presents travaux objet de nos Recherches portent sur ***l'Etude des pieces de roman policier écrits par Faralahy alias Idealy-Soa Zanany.***

Les recherches que nous avons entreprises cimportent trois grandes parties.

La première partie à travers laquelle on retrace la relation qui s'établit entre l'auteur et ses œuvres comporte trois chapitres dont

- l'Histoire de l'imprimerie Takariva,
- la biographie de l'auteur en tant qu'écrivain
- les faits événementiels ayant tissé ses œuvres de 1960 à 1984.

La deuxième porte essentiellement sur l'Analyse des éléments qui caractérisent les romans policiers d'Idealy-Soa zanany. Cette analyse examine successivement la structure des romans avec leurs personnages. On a ensuite étudié les lieux (cadres) et les temps caractéristiques de l'auteur, lus à travers ses ouvrages.

Enfin, dans la troisième partie, on a essayé de mettre en évidence, d'abord l'histoire des romans d'espionnage engénéral avant de passer au concept de souveraineté nationale, principal letimotiv de **Faralahy** lu à travers ses œuvres. La réitération du noble thème de la souveraineté policière devant les actes de banditisme perpétrés par des criminels malintentionnés ainsi que celui des interventions souvent réussis des forces de l'ordre pour neutraliser les malfaiteurs, et ce malgré leur délicatesse, définissent cette partie.

Anarana : RANDRIANANDRASANA

Fanampiny : Soamanantena Rova

Lohateny : FARALAHY {Idealy – Soa zanany} : ny mpanoratra sy ny asa sorany

Isan'ny takila : 177

Isan'ny fafana: 11

Famintinana:

Nodinihina tao amin'ity asa fikarohana ity ny momba an'i **FARALAHY** sy ireo asa soratra novokariny.

Ny fizarana voalohany no nampahafantarana ny mpanoratra, ny fiainany ary ny fiantraikan'izany teo amin'ireo asa sorany.

Tantara foronina ny ankamaroan'ireo asa soratr'i **FARALAHY**, koa nohasinkasinina nandritra ny fizarana faharoa ireo singa mandrafitra azy ireo: ny toerana nisehoan'ny tantara, ny fotoana ao amin'ny tantara ary ny mpandray anjara mampihodina ny tantara.

Tao amin'ny fizarana farany dia nambara aloha ny tantaran'ny tantara foronina momba ny asa fitsikilovana “roman d’espionnage” eran-tany mialoha ny nanadihadiana ny tara-kevitra ny fiarovam-pirenena izay tara-kevitra mibahana ao amin'ny asa soratr'i **FARALAHY**.

Nisongadina nandritra ny fanadihadiana io tara-kevitra io ny fanakorontanan'ireo fahavalo ny firenena, nanoloana izany dia niezaka nampitsahatra ny ady ireo mpitandro ny filaminana ho fiarovana ny firenena.

Teny manan-danja: *Tantara foronina momba ny fitandroana ny filaminana “roman policier”, fiarovam-pirenena, herisetra, vavolombelona, asa fitsikilovana.*

Mpitarika: ANDRIAMANATSILAVO Seth

Maître de conférences

RAMAROSOA Liliane

Professeur titulaire

Adiresy : RANDRIANANDRASANA Rova

lot 25 M bis Anosy Avaratra Sabotsy Namehana
Antananarivo 103.